International Institute of Christian Ministries

LCL 101

Foto-kevitra sy tsangan-kevitra momba ny fahaiza-mitarika kristiana

Nosoratan'i Gabriel Maurer

" Tsy efa nandidy anao va Aho? Koa mahereza sy matanjaha; aza matahotra na mivadi-po, fa momba anao Jehovah Andriamanitrao amin'izay rehetra alehanao." Josoa 1:9

"Tamin'ny finoana, dia ny finoana ny fitiavan'Andriamanitra sy ny fikarakarany Azy, no niankian'i Kristy ary ny herin'Andriamanitra nonampitsahatra ny tafio-drivotra." (IFM 354)

Fampidirana: Ny fahaiza-mitarika eo amin'ny tontolon-kevitry ny fiangonana kristiana.

Ny fitarihana ny fiangonan'Andriamanitra dia fihaikana mahagaga. Ny mpitarika kristiana dia manana fahafahana hamolavola ny fivoaran'ny fiangonana, hamaritra ny fitodihan'ny fitombony ary hanana akony lehibe eo amin'ny rivo-pifandraisana ao amin'ny fiangonana. Midika ihany koa izany fa Andriamanitra sy ny fiangonana dia vonona ny hametraka fitokisana betsaka amin'ny olona izay miandraikitra ny vina nomen'Andriamanitra eo amin'ny fampiharana izany eo amin'ny fiangonana eo an-toerana.

Ny fahaiza-mitarika kristiana dia tombontsoa omena ny sasany amin'ireo mpanara-dia an'i Kristy ao anatin'ny tontolon-kevitry ny fiangonan'Andriamanitra izay misy antsika. Maro tokoa ireo lafiny mifamahofaho eo amin'ny fitarihana, tahaka ny ao amin'ny fiangonana ihany, kanefa ny hasasarana, ny rarin-tsaina, ny olana sy ny hovitra hita eo amin'izany sehatra izany dia bitika tokoa raha oharina amin'ny asa lehibe ataon'Andriamanitra eo amin'ny fiainantsika mba hanavotana antsika. Maro ireo zavatra mahafinaritra sy mahatsiriritra eo amin'ny fiainana, fa ny fiaraha-miasa amin'i Kristy mba hanatsara ny fiainan'ny olona manodidina ny tena, eo amin'ny lafiny fifandraisana amin'ny hafa sy amin'Andriamanitra amin'izany asa izany, no asa ambony indrindra azo heverina. Ny fanomezana ho an'Andriamanitra ny toerana voalohany eo amin'ny fiainana dia mitondra fahasambarana maharitra sady manokatra làlana vaovao eo amin'ny fiainantsika manokana sy eo amin'ny fiainan'ny fiangonana.

Famaritana ny atao hoe fahaiza-mitarika kristiana

Ny fahaiza-mitarika dia zava-kanto. Amin'ny sehatr'asa maro dia ilaina ny mianatra fahaizana mba hampiatra izany rehefa miseho ny toe-javatra tokony hampiharana azy. Ny fahaiza-mitarika dia hafa noho izany: ny sehatra imasoany dia ny hoavy izay miovaova mandrakariva, noho izany dia takiany ny fahaizana mifanaraka mandrakariva amin'ny tontolon-kevitra vaovao.

Arak'izany, ny fahaiza-mitarika dia tsy hoe fitantanana ny fiangonana fotsiny. "Aoka tsy ho diso hevitra momba izany isika: tsy mitovy ny fitantanana sy ny fitarihana. Tsy mitovy ny fampianarana sy ny fitarihana. Tsy mitovy ny fanoroan-kevitra sy ny fitarihana. Tsy latsa-danja noho ny fitarihana ireo asa hafa ireo, saingy tsy tokony hafangaro amin'ny fitarihana na hisolo toerana azy." (Barna, 1997, 28)

Ny tena mpitarika dia mijery ny hoavy. Olona mandresy lahatra izy, ary afaka manentana ny olona hanatratra tanjona iraisana. "Ny mpitarika dia olona manetsika; olona mifantoka amin'ny fampiasana hery miasa mangina amin'ny hafa; olona manatratra tanjona; olona mizotra amin'ny làlana iraisana amin'ireo izay entiny; ary olona manana olona vonona hanara-dia azy." (Barna, 1997, 23)

Koa inona ary ny atao hoe fahaiza-mitarika kristiana? Ny fahaiza-mitarika kristiana dia ny fitarihana olona ho amin'ny hoavy vaovao mbola tsy fantany, fitaomana ny mambran'ny fiangonana sy ireo namana mba hizotra amin'izany làlana tsara kokoa izany.

Ny foto-kevitry ny fahaiza-mitarika kristiana

Ny fahombiazana eo amin'ny fitarihana kristiana dia miankina amin'ny fahatakarana sy fampiharana ireo foto-kevitra mifototra amin'ny Baiboly. Ny vokatr'izany dia fomba fiasa sy fahaiza-manao ahitam-pahombiazana.

Jesosy mihitsy no nanoro làlana mikasika ny fitarihana kristiana; hoy Izy: "Izaho no voaloboka, ianareo no sampany. Izay miray amiko, ary Izaho aminy, dia mamoa be izy; fa raha misaraka amiko kosa ianareo, dia tsy mahay manao na inona na inona." (Jaona 15:5).

Ny mpanoratra iray notarhin'ny tsindrimandrin'Andriamanitra dia nanamarika fa ny fitarihana dia "mitaky ny fifantohana, ny fikarakarana, ny fisainana betsaka indrindra. Ny fahaiza-mitarika dia mitaky fahaiza-mandanjalanja sy fahendrena lalina. Ny fahaiza-mitarika dia mitaky fahafoizan-tena, fahavononana tanteraka, ary fanapahan-kevitra matotra ny hampandroso ny asa. Eo amin'izany toerana manan-danja izany, ny ilain'Andriamanitra dia olona vonona ny hahafoy zavatra, vonona ny handroso sy hijoro amin'ny fahamarinana, na inona na inona mety ho vokatr'izany, vonona ny hiady amin'ny sakana ary tsy hangozohozo, na dia hihatra amin'ny ainy aza izany." (Testimonies, Vol. 1, p. 320)

Ny fahaiza-mitarika dia tena fihaikana tokoa satria mitaky taham-pahombiazana ambony dia ambony. Ary noho izy mahafoaka ny lafim-piainana rehetra dia hita miharihary fa tsy hisy ny fahombiazana eo amin'ny fitarihana raha tsy ny fainana manontolo no atolotra hanatanteraka izany asa izany. Noho izany, ny mpitarika dia natao hanolotra ny fiainany manontolo ho an'i Kristy sy ny iraka nomeny.

Maro ireo singa manan-danja eo amin'ny fahaiza-mitarika kristiana, ary sarotra ny hitanisa azy rehetra. Mandritra ity fianarana ity isika dia foto-kevitra vitsivitsy momba ny fahaiza-mitarika kristiana ihany no hifantohantsika. Ao anatin'izany no hiezahantsika handinika ireo singa tsy azo ialana eo amin'ny asa fitarihana, miaraka amin'ny fahafantarana fa tsy ho ampy na oviana na oviana ny toerana hiresahana momba ny lafiny rehetra ary ny fivoaran'ny mpitarika ny fiangonana dia dingana mitohy mandritra ny androm-piainana manontolo.

Ato amin'ity tari-dàlana ity dia noezahina ny hanatsotra ireo foto-kevitra sy ny hahatonga azy ireo ho azo ampiarina. Ankoatra izany dia misy ireo fahaiza-manao fanampiny izay navela, noho izy ireo mora ianarana amin'ny sehatra hafa sy noho ny hamaroan'ireo boky efa miresaka momba izany, koa azon'ny tsirairay atao ny mianatra izay fahaiza-manao ilainy amin'ny alaloan'ireny boky ireny na seminera samihafa.

Ato amin'ity lesona ity dia omena lanja ambony dia ambony ny lafiny ara-panahy, dia ny fifandraisana amin'Andriamanitra. Ny fahaiza-mitarika kristiana dia mifamatotra mandrakariva amin'ny fikasan'i Kristy sy ny asa ataony mba hamonjy, noho izany dia tokony ho hita eo amin'ny fiainan'ny fiangonana ny fisehon'izany, ary naseho arak'izany ny fahaiza-mitarika kristiana mba hialana amin'ny fomba fijery manao hitsin-dàlana, na tsy mifantoka afa-tsy amin'ny lafiny maha-olona eo amin'ny fitarihana.

Ny fahaiza-mitarika kristiana ao anatin'ny tontolon-kevitra advantista dia mahafoaka zavatra maro noho ny fahaiza-mitarika amin'ny ankapobeny fotsiny: ny asa atao, ny andraikitra, ny

ventin-kevitra sy ny tanjon’ny fitarihana dia tokony horaisina amin’ny maha-fanomezana avy amin’Andriamanitra azy izay omeny amin’ny alalan’ny Teniny ho an’ireo olona rehetra mitarika ny fiangonany, ary ny olona mitana izany toerana izany dia tompon’andraikitra mivantana eo anatrehan’Andriamanitra. Araka ny ambaran’ny Baiboly hoe: “Tandremo ny tenanareo sy ny ondry rehetra izay nanaovan'ny Fanahy Masina anareo ho mpitandrina, hiandrasanareo ny fiangonan'Andriamanitra, izay novidiny tamin'ny rànу.” (Asa 20:28)

Ny fahaiza-mitarika kristiana dia manomboka sy miasa ary mifarana amin’ny vavaka ho fangatahana ny tari-dàlana avy amin’Andriamanitra. Aoka isika hivavaka mba hampiasan’Andriamanitra antsika ho mpiara-miasa Aminy sy saikaizany eo amin’ilay planina lehibe hamonjena ny taranak’olombelona hiala amin’ny ozon’ny fahotana ho amin’ny hoavy mamirapiratra.

*****

Fizarana voalohany: Ny lafiny ara-panahy eo amin’ny fahaiza-mitarika kristiana

1.1 Ny maha-laharam-pahamehana ny finoana eo amin’ny fahaiza-mitarika kristiana

> “Fa raha tsy amin'ny finoana, dia tsy misy azo atao hahazoana sitraka aminy; fa izay manatona an'Andriamanitra dia tsy maintsy mino fa misy Izy sady Mpamaly soa izay mazoto mitady Azy.” (Hebreo 11:6)
>
> “Tsy mora ny lalan-tery izoran’ny mpitarika. Izany no tokony hitadiavany ny vahaolana eo amin’ny zava-tsarotra manjo azy amin’ny alalan’ny fivavahana. Tsy ho menatra na oviana na oviana izy ireny raha mitady vonjy amin’Ilay loharanon’ny fahendrena rehetra. Ho afaka hifanandrina am-pahombiazana ny hery ratsy manintona izy ireny rehefa hatanjahina sy hazavain’Ilay Andriamanitra Mpamianatra ary hahay manavaka ny tsara sy ny ratsy, ny marina sy ny diso. Hanaiky izay ankasitrahan’Andriamanitra izy ireo ary hanohitra tsy amim-pamintram-po ireo foto-kevitra diso.” (*Mpaminany sy Mpanjaka,* p. 22)

Ny finoana no “vaindohan-draharahan’ny” fiangonana. Ny fifandraisana tsara, ny fahatsapana ho isan’ny ankohonana sy ny hafanana eo amin’ny rivo-pifandraisana dia tena zava-dehibe eo amin’ny fiangonana, kanefa tsy izany velively no “antom-pisian’ny” fiangonana. Anjara asan’ny fiangonana ny mitory ny Filazantsara, ny mizara ny finoana, sy ny manampy ny mambra hiaina araka ny finoana. Ny fitarihana ny fiangonana dia asa miorina amin’ny finoana. Ary ny finoana ihany koa ny tanjona, antony manosika sy ivon’ny fiainam-piangonana. Ny finoana no tokony fototra ijoroan’ny drafitr’asa rehetra sy ny hetsika rehetra ataon’ny fiangonana.

Miavaka ny anjara asan’ny fiangonana. Eo amin’izao tontolo miaina ao anatin’ny “pôstmôdernisma” izao dia tsy misy toerana hafa ankoatra ny fiangonana afaka hanorenana tetezana hampifandray indray ny olona amin’Andriamanitra. Ny anjara asan’ny fiangonana dia ny hanome fahafahana an’ny olona hampitombo ny finoany eto amin’ity izao tontolo izao feno fahotana ity, ary ny hitombo amin’ny fananana fomba fiaina kristiana, mifototra amin’ny Baiboly, eo amin’ny fiainany andavanandro.

Maro amin'ireo boky vaovao momba ny fahaiza-mitarika no miresaka betsaka momba ny lohahevitra toy ny: fiovana, fahaiza-mitantana, vina sy toe-tsain'ny tarika. Indrisy fa vitsy dia vitsy no miresaka momba ilay lohahevitra manandanja hoe: ny anjara asan'ny finoana sy ny fitomboany eo amin'ny sehatra fitarihana kristiana. Kanefa izany indrindra no tena ilaina, satria "ny *pôstmôdernisma* dia tsy mahalala ny momba izany foto-kevitra izany [ny finoana]. Ny fanomezan-danja ny isam-batan'olona sy ny firehan-kevitra samihafa eo amin'izao tontolo izao dia mitaky ny hampitoviana lenta ny fahamarinana maharesy lahatra ny olon-drehetra." (Knoblauch, Marquardt 1999, 78,80) Mifanohitra amin'izany, ny hafatra momba ny maha-Tompon'ny fiainana an'i Jesosy Kristy dia fahamarinana tsy miova, tsy manam-paharoa ary manan-kery manerana ny voahary manontolo.

Ny finoana dia loharanon-kery mihoatra noho izay heverin'ny olona sasany. "Rehefa miresaka momba ny olana fototra ao amin'ny Baiboly isika, dia voafaoka amin'izany koa ny lohahevitra lehibe indrindra eo amin'ny fiainantsika amin'izao vaninandro izao... Amin'ny maha-kristiana antsika, ny soa lehibe indrindra azontsika atao ho an'izao tontolo izao dia ny fijoroantsika ho mahatoky amin'ny fahafaha-manao fototra nomena antsika, dia ny fahafaha-manao eo amin'ny fampiavanana izao tontolo izao amin'ny alalan'i Jesosy Kristy." (Knoblauch, Marquardt 1999, 81)

Kanefa inona moa izany finoana resahintsika izany? Mba hahafahan'ny fiangonana iray miaina sy mitombo dia ilainy ny manana finoana mahavonjy sy mifandraika amin'ny vaninandro iainany, finoana izay miharihary eo amin'ny fiainany andavanandro. (Apok. 2:19) Mihoatra noho ny rafi-kevitra ao an-tsain'ny olona fotsiny, ny finoana dia fifandraisana. Ny finoana ao amin'ny Testamenta Vaovao dia fifandraisam-pitokisana eo amin'ny olona sy Andriamanitra (Jaona 14:1). Ny finoana dia fatokiana ilay Andriamanitra mpamonjy sy fatokiana fa isika dia manatontosa iraka eo amin'ny fifandraisantsika amin'ireo olona izay iasantsika.

Izany no antony *tsy maintsy* ametrahana ny finoana ho laharam-pahamehana eo amin'ny fitarihana ny fiangonana. Azo ambara fa ny ankabeazan'ny olana miseho ao amin'ny fiangonana dia vokatry ny tsi-finoana. Izany no antony iantsoana antsika hamafy ny foan'ny finoana ao amin'ny fiangonana, eo amin'izao tontolo izao sy eo amin'ny fifandraisantsika amin'ny hafa. Ny maha-laharam-pahamehana ny finoana dia vokatry ny fahatakarana ny foto-kevitry ny Baiboly momba ny famonjena, izay manana an'i Kristy ho ivony, ary miorina amin'ny finoana velona hita maso eo amin'ny fiainana andavanandro. Tsy misy fomba hafa hanatontosana ny fitarihana kristiana ankoatra ny hoe: ny mpitarika kristiana dia tsy maintsy olona miorim-paka lalina ao amin'ny finoana.

Mihoatra noho ny fomba fihevitr'izao tontolo izao momba ny fahaiza-mitarika, ny fahaiza-mitarika kristiana dia mifantoka amin'ny fomba fijery ara-panahy eo amin'ny fanatanterahana asa eo anivon'ny fiangonana. Ilaina ireo fahaiza-manao amin'ny fitarihana, mety hanampy ny fahatakarana ara-psykôlôjia sy ara-tsôsialy, kanefa ny fahatokiana, ny fitokisana lalina amin'Andriamanitra no tena hahafahana "manatontosa amin'ny fomba ara-panahy ny zava-panahy." (I Kor. 2:13,14)

Indro atolotra manaraka eto ambany ny sasany amin'ireo singa fototra amin'ny fomba fiasa miorina amin'ny finoana eo amin'ny fitarihana ny fiangonana:

1.1.1 Ny fitiavana an'i Jesosy Kristy sy ny fileferana Aminy

Ny maha-mpitarika kristiana dia midika fizarana sy fanehoana fitiavana sy fileferana amin'i Jesosy Kristy ilay Mpamonjy antsika. Midika izany fa ny asa rehetra ataontsika dia miorina amin'ny finoana izay manana an'i Kristy ho ivony ary miorina koa amin'ny fifandraisana Aminy izay miseho eo amin'ny fiainan'ny mpitarika sy ireo tompon'andraiktra rehetra ao amin'ny fiangonana.

1.1.2 Fanajana lalina ny fahefan'Andriamanitra

Ny maha-mpitarika kristiana dia midika fizarana sy fanehoana fanajana lalina ny fahefan'Andriamanitra izay voambara ao amin'ny Teniny. Ny fanambaran'Andriamanitra ho an'ny taranak'olombelona dia miseho mazava indrindra ao amin'ny Soratra Masina. Ny fanajana sy fankatoavana ny Baiboly amin'ny maha-fanambarana avy amin'Andriamanitra azy no hany afaka hamolavola fiaraha-monina mahomby sady mivelatra eo anivon'ny fiangonana, izay tsara lavitra noho ny fiaraha-monin'izao tontolo izao.

1.1.3 Fiombonana amin'ny mpino

Ny maha-mpitarika kristiana dia midika fiombonana amin'ny fiangonana izay mara-dia akaiky ny tari-dàlana omen'ny Tenin'Andriamanitra. Mikasika ny fanorenana ny fiangonana kristiana voalohany dia asehon'ny Testamenta Vaovao mazava tsara fa Jesosy Kristy sy ny Fanahy Masina no nitarika olona hanorina ny fiangonana, ary na eo aza ny tsi-fahatanterahan'olombelona dia mbola fiangonan'i Kristy hatrany ny fiangonana, satria "i Kristy no lohan'ny fiangonana" (Efes. 5: 23)

1.1.4 Rivo-piainana manome vahana ny fomba fiaina advantista

Ny maha-mpitarika kristiana dia midika fampisiana rivo-piainana manome vahana ny fomba fiaina advantista ho an'ny mambra. Ny mpitarika dia afaka mampisy karazam-pifandraisana izay hahatonga ny olona ho voasarika amin'ny fomba fiaina mifanaraka amin'ny tari-dàlana omen'ny Tenin'Andriamanitra araka izay fahatakarany azy mazava indrindra.

Ny mpitarika fiangonana izay manandrana fifandraisana velona miaraka amin'Andriamanitra dia hahita fomba tsotra hanentanana ny fiangonana hivoatra ara-panahy. *Ny finoana dia tsy ambinambin-javatra eo amin'ny fiainan'ny fiangonana sy ny raharahan'ny fiangonana, fa tena votoatin'ny* fiainan'ny fiangonana mihitsy, tahaka ny varim-bazaha izay tsy fanampiny amin'ny mofo fa tena singa anamboarana ny mofo mihitsy. Maro ireo olona izay miaina am-polotaonany maro ao amin'ny fiangonana, misy aza mandritra ny andro-mpiainany mihitsy. Ilain'izy ireo ny mitombo ara-panahy tsy tapaka. Izany no antony maha-laharam-pahamehana mandrakariva ny fivoarana ara-panahin'ny fiangonana. Maniry hitombo ny olona; afaka mitombo ny olona; ilain'ny olona ny mitombo ara-panahy.

Ny fiainana miaraka amin'Andriamanitra dia fiainana am-pinoana. Ary ny finoana dia manova ny fiainana. Raha ny olona eo amin'izao tontolo izao dia mikendry harena, lalao, fisondrotana arak'asa sy fahafinaretana, ny kristiana kosa dia miandrandra zavatra tsara lavitra noho izany eo amin'ny fiainany: soa toavina ambony sy maharitra, fifandraisana miorina amin'ny fitiavana sy ny fifampitokisana, voafaoka amin'izany ny ara-bola, ny fialam-bolo, ny asa sy ny fahafinaretana. Ny finoana dia manokatra varavarana mankamin'ny fihavanana amin'Andriamanitra sy ny fandraisana ny fahasoavany (Rom. 5:1,2) ary koa mankamin'ny fihavanana amin'ny hafa sy amin'ny tena.

Farany, ny maha-laharam-pahamehana ny finoana dia fototry ny fahaiza-mitarika kristiana satria izany no mamaritra ny toetry ny fiangonana any aoriana: mba ho fiangonana manana an'i Kristy ho ivony, mifototra amin'ny Baiboly, tarihin'ny Fanahy ary afaka miatrika ireo filan'ny olona, na tsotra izany na sarotra, eo anivon'ity tontolo mivelatra kanefa koa tsotra ity. Ny teknôlôjia dia afaka mampifandray olona sy sary manerana izao tontolo izao, fa ny finoana dia afaka mampifandray ny fon'ny mpino amin'ilay Andriamanitsika izay fitiavana sady mpamonjy.

*****

1.2 Ny anjara toeran’ny iraka eo amin’ny fahaiza-mitarika kristiana

> “Fa na dia afaka amin'ny olona rehetra aza aho, dia mbola nataoko ho mpanompon'ny olona rehetra ihany ny tenako mba hahazoako maromaro kokoa... Ary izany rehetra izany dia ataoko noho ny filazantsara mba ho tonga mpiombona aminy aho.” (I Korintiana 9:19,23)
>
> *“Asandrato i Jesosy. Asandrato Izy, ilay lehilahy nohomboana teo Kalvary, asandrato Izy amin’ny feo sy ny hira ary ny vavaka. Katsaho amin-kafanam-po ny hanapariaka ny filazantsara. Ambarao ilay tantara sarobidy ny amin’ny fitiavan’Andriamanitra ny olombelona. Amin’izany asa izany ianao dia hahita fahafaham-po izay haharitra mandrakizay. Ankinin’i Kristy amintsika mba ho anjara asa manokana ho antsika izany, ary izany no loharanom-pahendrena sy fahombiazana ho antsika.” (RH, July 11, 1899, par. 20)*

Ny mpitarika mahomby dia tsy maintsy mahalala mazava hoe mizotra mankaiza ny fiangonana izay entiny. Tsy tokony hisy fisalasalana ny amin’ny iraky ny fiangonana voafaritry ny Baiboly. Tokony hoekena izany eo amin’ny sehatra rehetra eo anivon’ny fiangonana.

1.2.1 Ilay iraka tsy maintsy tanterahina ambaran’ny Baiboly

Ao amin’ny Matio 28:19,20 dia faritan’i Jesosy mazava izay andrasany amin’ny fiangonany: “...koa mandehana ianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra, manao batisa azy ho amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina sady mampianatra azy hitandrina izay rehetra nandidiako anareo; ary, indro, Izaho momba anareo mandrakariva ambara-pahatongan'ny fahataperan'izao tontolo izao.”

Io andalan-teny io, sy andalan-teny maro hafa ao amin’ny Testamenta Vaovao, dia maneho mazava fa ny iraka ankinina amin’ny fiangonana dia ny hitory ny filazantsara, ilay vaovao mahafaly ny amin’ny famonjena amin’ny alalan’i Jesosy Kristy: ny iraka ankinina amin’ny fiangonana dia ny handeha – fa tsy hangatak’andro, ny hitory – fa tsy hangina. Ny hampianatra – fa tsy hipetra-potsiny. Nohamafisin’i Jesosy fa ny fiangonana, izany hoe ny mpino tsirariray amin’ny maha-anisan’ny fiangonana azy, dia nantsoina ho mpiara-miasa Aminy, hiasa ho famonjena ireo olona very ao anatin’ny fahotany.

Tahaka ny eo amin’ny tontolon’ny fandraharahana dia samy manolo-tena hanatanteraka ny “iraky ny orinasa” ny mpiasa tsirariray, na inona na inona karazan’asa ataony. Toy izany koa eo amin’ny fiangonana kristiana: ny mpino tsirairay dia tsy maintsy manolo-tena eo amin’ny asa ataony ho fanatanterahana ny iraka fitadiavana ny very, fitarihana azy ireo ho eo amin’i Jesosy sy fikolokoloana azy ireo, ary fanohanana azy ireo eo amin’ny fizorany mankany amin’ny fanjakan’Andriamanitra.

1.2.2 Ny fomba anatanterahana ny iraka araka izay amabran’ny Baiboly

Ny foto-kevitra misiônera naorin’i Jesosy voalohany indrindra hahombiazan’ny fitoriana ny filazantsara dia ny fiainana ny maha-mpianatra: izany hoe fitomboana andraisan’ny mpino rehetra anjara. (Matio 28:19,20) Ny famonjena araka izay nanehoan’i Jesosy azy dia mitaky ny

fandraisan'anjaran'ny tsirairay, fitoriana isam-batan'olona. Izany no antony nanirahany ireo 12 lahy sy ireo 70 lahy mba hanao olona ho mpianatra vaovao. "Ireo roa ambin'ny folo lahy ireo dia nirahin'i Jesosy ka nodidiany hoe: Aza mandeha any amin'ny lalan'ny jentilisa, ary aza miakatra amin'izay tanànan'ny Samaritana, fa aleo mankany amin'ny ondry very amin'ny taranak'isiraely. Ary raha mandeha ianareo, dia mitoria hoe: Efa mby akaiky ny fanjakan'ny lanitra." (Mat. 10:5-7). "Ary nony afaka izany, ny Tompo nanendry olona hafa koa, dia fito-polo lahy, ka naniraka azy tsiroaroa hialoha Azy any amin'ny tanàna sy ny tany rehetra izay efa halehany." (Lk. 10:1)

1.2.3 Ny maha-laharam-pahamehana ilay iraka

Marina fa maro ireo zava-dehibe tsy maintsy tanterahina ao amin'ny fiangonana. Zava-dehibe ny fanampiana ireo olona miatrika olana. Ny fikolokoloana ny tanora dia iankinan'ny ain'ny fiangonana. Ny fikarakarana ny hafa eo anivon'ny fiaraha-monina dia tafiditra indrindra ao amin'ny antom-pisian'ny kristiana. Kanefa ny zava-dehibe indrindra eo amin'ny fiainan'ny fiangonana dia ny asa misiônera. Ny hetsika hafa rehetra dia tokony hampifandraisina amin'io asa laharam-pahamehana io ary tokony hotombanana araka izany.

Raha ny marina, ny olona izy nanandrana ny fanavotan'Andriamanitra teo amin'ny fiainany dia tsy hanan-javatra iriana mihoatra ny hampahafantatra amin'ny hafa fa misy fanantenana eto amin'ity izao tontolo izao very fanantenana ity. Ny olona toy izany dia hizara amin'izay rehetra afaka hihaino azy ny asa mahagaga nataon'Andriamanitra ho an'ny olombelona. Mazava vy voambaran'i Petera sy Jaona: "Fa Petera sy Jaona kosa namaly azy ka nanao hoe: Tsaraonareo na marina eo imason'Andriamanitra, na tsia, ny hanaiky anareo mihoatra noho Andriamanitra. Fa izahay tsy maintsy milaza izay zavatra efa hitanay sy renay." (Asa 4:19,20)

Izany fahamarinana izany dia angamba hitarika ny fiangonana sasany hamerina andini-tena tanteraka, ary handinika ny drafitr'asany sy ny hetsika fanaony. Angamba mety ho voatery "havaozina" ny fanompoam-pivavahana sy ny fandaharam-potoana hafa. Kanefa raha eken'ny fiangonana iray fa ny finoana no zavatra lehibe indrindra eo amin'ny fisiany, dia ny iraka, izany hoe ny fampitana izany finoana izany no hataony laharam-pahamehana mialoha ny hetsika hafa rehetra.

1.2.4 Ny famitana ny iraka no fitomboana "tsara indrindra"

"Ny asa fanompoana dia tontosaina amin'ny anaran'i Jesosy, ho fampandrosoana ny fiangonana sy ny iraka nankinina taminy." (Lee 1989, 24). Ny fivoaran'ny fiangonana sy ny fanatanterahany ny iraka nankinina taminy dia mifamatotra ety ary mifampiankina. Noho izany, amin'ny maha-rafitra ny fiangonana, ny fomba iatrehan'ny fiangonana izany iraka izany dia misy fiantraikany eo amin'ny asa sy ny fiainan'ny fiangonana manontolo.

Ny antom-pisian'ny iraka voalohany indrindra dia avy amin'Andriamanitra mazava loatra: tia antsika tokoa Andriamanitraka nomeny ny Zanany lahitokana mba ho faty ho antsika, mba ho velona isika (Jaona 3:16). Kanefa miharihary koa, araka ny fijerin'olombelona, fa na dia ho an'ny fandrosoan'ny fiangonana fotsiny aza dia tsy azo ihodivirana ny famitana ny iraka. Rehefa misy olom-baovao miditra ho isan'ny fiangonana, dia noho ny famitana ny iraka no hahatonga azy hikaroka fomba fiasa sy fisainana vaovao ary hametraka fanontaniana sasantsasany; ny fandinihina indray ireo zavatra izay noheverina fa efa mandeha ho azy na efa mazava dia hanokatra fomba fijery vaovao izay hanome hery vaovao ho an'ny fiangonana eo amin'ny fiainany ara-panahy sy ara-pandaminana ary eo amin'ny famitany ny iraka satria ny fihavaozana isam-batan'olona no hiantoka ny fitohizan'ny fisiany amin'ny hoavy.

Fa ambonin'ny zavatra rehetra, hevero ny fiantraikan'ny fisian'ny olom-baovao niova fo eo amin'ny fanandraman'ny fiangonana. Ny mpino tsirairay dia hahatsapa indray ny hery manavotra sy manova ananan'ny filazantsara, ary izany dia handrisika ny mpino tsirairay hanavao ny fanoloran-tenany amin'Andriamanitra. Hisy akony tsara tokoa izany eo amin'ny fiainan'ny fiangonana.

Fanambarana ny iraky ny fiangonana

Ny famantarana ny iraka ho an'ny fiangonana iray dia mety hitarika izany fiangonana izany hanao dingana fanadiovana izay ho voafintina amin'ny fanambarana iraka. Izany vokatra izany dia hodinihina hatrany hatrany, ambara-pahatonga ny fiangonana – miaraka amin'ireo vondron'ny mpitarika azy – haharay azy tsara ka ny asa rehetra hatao dia hotarafina arak'izany fanambarana iraka izany.

Ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito dia manana ny fanambarana iraka azy manokana izay ahitana lafiny telo lehibe: (1) fitoriana, (2) fitomboana ary (3) fanasitranana. Ny voalohany dia manondro ny hafatra izay natao hozaraina amin'ny hafa amin'ny alalan'ny fanompoam-pivavahana, ny fitoriana ny filazantsara sy ny iraka. Ny faharoa dia manondro ny fanabeazana, ny fikolokoloana, ny fanampiana sy ny fampandrosoana. Ny fahatelo dia manondro ny fandraisan'ny fiangonana anjara amin'ny fanamaivanana ny fahoriana ara-batana, ara-tsaina sy ara-panahy eto amin'izao tontolo izao amin'ny alalan'ny fanasitranana ao anatiny sy ivelan'ny fiangonana.

Ho an'ny fiangonana eo an-toerana dia tsara raha ampifanarahany amin'ny toe-javatra misy eo amin'ny faritra misy azy manokana io fanambarana iraka io. Tsara ny hamaritana mazava ny fomba hampiharana azy ireo eo an-toerana. Kanefa ny famaritana ny iraka dia mbola dingana voalohany ihany. Ny fahombiazana dia miankina indrindra amin'ny fahombiazan'ny fiangonana eo amin'ny fanatanterahana ny vinany momba ny iraka eo an-toerana sy amin'ny sehatra midadasika kooka.

Mamantatra indray ny iraky ny fiangonana

Maro ireo olona, indrindra any amin'ireo firenena tavaratra, no tsy manana intsony faniriana sy fahaiza-manao hoenti-manatanteraka iraka amin'ny fomba mahomby sy mitohy. Ilaina ankehitriny ny mamantatra indray ny iraka. Mety hanampy ireto dingana manaraka ireto:

1. Manatanteraha fandaharam-potoana manokana vitsivitsy ao amin'ny fiangonana izay anomezan-danja manokana ny ara-panahy.
   Mety ho herinandro fiaraha-mivavaka manokana izany, mety ho tetik'asa fianarana Baiboly, na fotoam-pivavahana manokana isam-bolana, na tetik'asa famangiana hikendrena ny fitomboana ara-panahy, sns. Raha ambara amin'ny teny hafa dia hoe: tetik'asa amin'ny endrika vaovao ho fanairana indray ny fahalianana ara-panahy sy ho famohazana ny fiangonana eo an-toerana.

2. Farito ny fanambarana iraka hotanterahin'ny fiangonana eo an-toerana
   Aorian'ny fanentanana momba ny lafiny ara-panahy eo amin'ny fiainana kristiana dia tokony hosokafana ny làlana mankamin'ny asa. Hiarahana mamolavola ny fanambarana iraka ho an'ny fiangonana eo an-toerana. Arakaraka ny mahamaro ny mambra mandray anjara no hahamora ny fandraisana sy ny fanekena izany.

3. Miaraha mandray anjara amin'ny hetsika fitoriana mahomby

Ny hafanam-po ateraky ny famantarana indray ny iraka dia mitaky fampitodihana ho amin'ny asa. Omeo ny mambra ny fahafahana hampihatra ny vinany sy ny nofinofiny. Mba hanaovana fanandramana tsara avy hatrany dia izay fomba fiasa efa hita fa nahomby no ampiharo ary ataovy amin'ny fomba matihanina izany.

4. Ankalazao ny ezaka asa fitoriana ary ampirisiho hanatanteraka izany am-pahavitrihana ny mambra
   Manatanteraha "fetin'ny asa fitoriana" sy fankalazana ny fidiran'ireo olom-baovao ho ao amin'ny tarika madinika sy ny fiangonana. Izany dia hampirisika ny mambra hanohy ny asa fitoriana. Ny fanasana mpitory za-draharaha sy mahomby dia hanamafy orina ihany koa izany fomba fiaina vaovao izany. Kolokoloy ny hafanana.

1.2.5 Ahoana no hahatonga ny fiangonana ho mifantoka amin'ny iraka?

Ny iraka dia fomba fiaina ary ny fitoriana dia dingana iainan'ny mpino mandritra ny andro-piainany. Voafetra ny fotoana sy ny hoenti-manan'ny fiangonana. Noho izany dia mila ampifantohana amin'ny tanjona iray izy ireo. Ny hetsika rehetra mifantoka amin'ny iraka dia hatao laharam-pahamehana, fa ny hetsika hafa rehetra kosa dia hosokajiana hoe ilaina, zava-dehibe, sns., saingy tsy mitana ny toerana voalohany. Raha afantoka amin'ny iraka avokoa ny hetsika rehetra ao amin'ny fiangonana, dia hitombo isa ny mambra. Vokatr'izany, ankoatra ny fitomboan'isa, dia hisy koa ny fihatsaran'ny kalitaon'ny finoana.

*****

1.3 Ny lafiny ara-panahy eo amin'ny fhaiza-mitarika kristiana

> "Ary tamin'izany andro izany dia lasa nankany an-tendrombohitra Jesosy mba hivavaka; ary naharitra nivavaka tamin'Andriamanitra nandritra ny alina Izy. Ary nony maraina ny andro,dia nantsoiny hanatona Azy ny mpianany, ka nifidianany roa ambin'ny folo lahy, izay nataony hoe Apostoly." (Lioka 6:12,13)

> "Ny fanabeazana Azy [an'i Jesosy] dia noraisiny avy amin'ny loharano voatendrin'ny lanitra, dia ny asa mahasoa, ny fandinihana ny Soratra Masina, ny zava-boahary, sy ny fanandraman'ny fiainana—izany no bokim-pampianaran'Andriamanitra, izay feno anatra ho an'izay manana tanana vonon-kampihatra azy, sy maso vonon-kijery, ary fo vonon-kandray." (*CG* 50.2)

Ny kalitaom-pinoana ambony sy ny toerana ambony omena ny iraka dia mitaky fototra ara-panahy miorina tsara. Ny fivoaran'ny fiainana ara-panahy dia ao anatin'ny tontolon-kevitra. Izany tontolon-kevitra izany dia ny teôlôjia. Ho an'ny mpitarika fiangonana dia ny teôlôjia no hamaritra ny fitomboan'ny finoana eo amin'ny fiainany manokana sy eo amin'ny fiainan'ny fiangonana. Mialoha ny hanombohana ny asa fitarihana fiangonana dia aoka hohamarinina sy hotombanana araka ny fahazavan'ny Soratra Masina aloha ny fototra ara-teôlôjia. Koa satria ny teôlôjia no tany anirian'ny foto-kevitry ny mpitarika sy ny fiangonany, dia sehatra saro-pady izany, izay mety hitarika na ho amin'ny fitomboana amin-kafanam-po, na ho amin'ny fifandirana mampikatso.

1.3.1 Famaritana ny atao hoe teôlôjia

Ny teôlôjian'ny fiangonana dia tsy miankina amin'ny fihevitra na fanapahan-kevitr'olon-tokana. Mahafaly ahy ny mahafantatra fa mbola azontsika atao ny manandrana an'Andriamanitra eo amin'ny fiainantsika, ary ny mpino sy ireo mpitarika ara-panahy ary ny fiangonana – amin'ny maha-rafitra azy – dia mandray anjara eo amin'izany dingana famaritana ny teôlôjia izany.

Mety hisy tsipiriany sasany miova, kanefa ny ivo dia mazava: ny finoana manana an'i Kristy ho ivony no asandratsika. I Kristy, ilay ivon'ny fiainana sy ny finoana ary ny asantsika, no rojo mampitohy ny mpino sy ny fiangonana. Tsy fanambarana an-tendro-molotra fotsiny ny fiainana ao amin'i Kristy, fa fototra sy iainana ary antony mampandroso eo amin'ny fitarihana ny fiangonana. Raha tiana ny ho tonga kristiana dia i Kristy no tsy maintsy atao ivon'ny fisainana rehetra, ny hetsika rehetra, ny fanapahan-kevitra rehetra, ny soa toavina sy ny fenitra rehetra, ary koa ny ezaka fitoriana ny filazantsara rehetra. Izany hoe: ny fametrahana an'i Kristy ho ivon'ny zavatra rehetra dia manavao tanteraka ny fomba fiaina.

1.3.2 Andraikitra ara-panahy

Ny mpitarika kristiana dia tsy maintsy mahatsapa ny andraikiny ara-panahy eo anivon'ny fiangonana. Amin'ny maha-mpino azy dia tompon'Andraikitra eo anatrehan'Andriamanitra sy ny tenany irery ihany izy ny amin'izany inoany sy ny fomba fiainany amin'ny maha-kristiana azy. Amin'ny maha-mambaran'ny fiangonana azy dia manana andraikitra fanampiny izy manoloana ny fiangonana misy azy, satria izay ataony sy lazainy rehetra dia misolo tena ny fiangonana misy azy. Amin'ny maha-mpitarika fiangonana azy dia vao mainka miitatra ny andraikiny, satria tompon'andraikitra izy eo anatrehan'ny fiangonana eo an-toerana mikasika ny fomba anehoany ny teôlôjia, sy ny hery miasa mangina ananany eo amin'ny fanabeazana sy ny fiainana ara-panahy ary ny fampandrosoana amin'ny maha-mpitarika azy.

Ambonin'izany, ny mpitarika fiangonana dia tokony hanaja ihany koa ny rafi-pandaminan'ny fiangonana sy ny mpitantan'asan'ny fiangonana izay isoloany tena eo anatrehan'ireo mambran'ny fiangonana. Ny mpanamory fiaramanidina dia tsy afaka manao izay tiany hatao fotsiny izy fa tsy maintsy manaraka an-tsakany sy an-davany ny fitsipiky ny kômpaniam-pitaterana, eny hatramin'ny fomba fiarahabana sy fifampiresahana amin'ny mandeha aza. Toy izany koa ny mpitarika fiangonana: tsy maintsy hajainy ny fitsipiky ny Fiangona Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito eo an-toerana sy eo amin'ny faritra misy azy ary maneran-tany.

Ny finoana madio, mientana sy mitombo dia vokatry ny fikolokoloana ara-panahy mitohy. Ny mpitarika fiangonana dia tsy maintsy mampiasa fitaovana ara-panahy mba hitomboan'ny finoany manokana. Mitaky fahaiza-mikaroka ny fananana fomba fikolokoloana ny fiainana ara-panahin'ny tena manokana sy ny fampifandrindrana singa sy fomba maromaro mba hisian'ny sehatra mety ho amin'ny fitomboana ara-panahy. Indreto misy soso-kevitra maromaro:

1.3.2.1 Fiainam-bavaka mitohy.

Ny vavaka dia manova ny fon'ilay olona mivavaka ary manokatra ny varavaran'ny lanitra. Ny vavaka dia fanomezana sarobidy avy any an-danitra ho an'ny taranak'olombelona. Ny vavaka dia fomba mahomby hifandraisana amin'Andriamanitra, hahazoana tari-dàlana, hahafahana mandini-tena sy handraisana ny ranon'aina.

Ny mpitarika mivavaka tsy tapaka dia fitaovana sarobidy eo am-pelatanan'ny Tompony ary hery tsy hay tohaina eo amin'ny tafik'Andriamanitra ho famonjena ny very. Raha ny marina, ny mpitarika mivavaka tsy tapaka dia manana tombontsoa maro izay tsy ananan'ireo olona miezaka hiasa amin'ny herin'ny tenany: mandray tari-dàlana izy, izay tena ilaina amin'ny fanapahan-kevitra;

mandray fankaherezana izy, izay tena ilaina rehefa miara-miasa amin'ny hafa; mandray fahatsapana ny fitiavan'Andriamanitra izy, izay tena ilaina hahafahana mitia ny hafa; ary indrindra, mifandray akaiky amin'Andriamanitra izy, manandrana fifandraisana velona miaraka amin'ny Mpahary azy.

1.3.2.2 Famakafakana lalina ny Baiboly

Ny fiangonana dia tsy fikambanana. Ny fiangonana dia tsy sehatra hanaovana hetsika ara-tsôsialy. Ny fiangonana no toerana ihaonan'Andriamanitra amin'ny olona amin'ny fomba manokana sy anovany ny fiainan'ny olona. Ny fiangonana no toerana mety indrindra hampitana ny Teny fiainana amin'ny fahafenoan'ny famirapiratany sy ny firindrany. Ny mpitarika izay mikendry ny hamahana ny mpino ao amin'ny fiangonany dia hilofo amin'ny fampitomboany araka izay azony atao ny fahalalany manokana an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny Teniny. Raha mikaroka sy mahita tari-dàlana avy amin'ny Tenin'Andriamanitra ny mpitarika iray, dia ho azony atao ny hizara izany amin'ny mambran'ny fiangona misy azy sy ireo mpandray anjara amin'ny fanompoam-pivavahana.

1.3.2.3 Fiofanana ara-teôlôjia ataon'ny tena manokana

Tsara ny handraisana fanampiana avy amin'ireo manam-pahaizana manokana mba hananana fototra matanjaka eo amin'ny fahatakarana ny Baiboly. Kanefa amin'ny maha-mpisorona manao fanelanelanana ho an'ny mpino ny mpitarika (I Peteraé 2:9), dia ilain'ny mpitarika tsirairay ny manorina fototra ara-teôlôjia mafy orina ho an'ny fahatakarany ny Baiboly. Ny fiainana araka ny finoana dia ho vokatry ny fikarohana nataon'ny tena manokana sy ny faharesen-dahatra avy amin'ny fianarana ara-teôlôjia nataon'ny tena manokana.

1.3.2.4 Fifanakalozan-kevitra ara-teôlôjia sy ara-panahy matetika miaraka amin'ireo mpino

Ny fiaraha-monina pôstmôderina dia nanilika ny resaka ara-pivavahana ho voafetra amin'ny fiainan'ny isam-batan'olona. Kanefa tsy natao ho toy izany ny fivavahana kristiana hatrany am-piandohany. Ny fanandramana tamin'ny andro Pentekôsta, ny fijoroana ho vavolombelona nataon'i Stefana, ny toriteny nataon'i Paoly tany Atena, sns., dia maneho mazava fa ny fivavahana dia natao ho an'ny daholobe.

Ny mpitarika kristiana izay mampisy rivo-piainana manome vahana ny fifanakalozan-kevitra ara-teôlôjia sy ara-panahy eo anivon'ny mambran'ny fiangonana misy azy dia manohana ny fandrosoana ara-panahy, ny fanabeazana kristiana, ny fanomezan-danja ny Baiboly eo anivon'ny fiangonana ary mitaona ho amin'ny fametrahana ny finoana ho ivon'ny fiainana andavanandro.

1.3.2.5 Fifandraisana manokana matanjaka miaraka amin'Andriamanitra

Ny fikolokoloana fifandraisana manokana matanjaka miaraka amin'ilay Andriamanitra Tsitoha sy i Kristy ilay Mpamonjy dia hiantoka ny fandrosoana sy fitomboana ara-panahy eo amin'ny fiainan'ny mpitarika. Hery miasa mangina matanjaka eo amin'ny fitomboana ara-panahin'ny fiangonana no ho vokatr'izany.

Tsy mora ny mikolokolo sy mihazona ny fitondran-tena ara-panahy. Kanefa azo atao izany. I Richard J. Foster, ao amin'ilay boky nosoratany mitondra ny lohateny hoe "*Celeberation of Discipline*" (Harper and Row, San Francisco 1978), dia manome lisitra fitsipi-pitondran-tena ara-panahy maromaro izay mety hanampy eo amin'ny fitomboana ara-panahy isam-batan'olona sy ho an'ny fiangonana:

1. Ireo fitsipi-pitondran-tena anaty
    - Fibanjinana
    - Vavaka
    - Fifadian-kanina
    - Fandalinana

2. Ny maha-mpitarika kristiana dia midika
    - Fahatsorana
    - Fitokanana
    - Fileferana
    - Fanompoana

3. Ireo fitsipi-pitondran-tena iarahana
    - Fiaiken-keloka
    - Fiankohofana
    - Tari-dàlana
    - Fankalazana

Raha fehezina dia ny finoana no votoatin'ny fisian'ny fiangonana mihitsy. Raha tian'ny fiangonana iray ny hahatontosa ny anjara asany dia tsy maintsy tandrovan'ireo mpitarika fatratra ny fivoaran'ny fitondran-tena ara-panahy mafy orina amin'ny sehatra rehetra eo amin'ny fitantanana ny fiangonana, ary indrindra eo amin'ny sehatry ny fivondronan'ny mpino amin'ny ankapobeny.

Ny maha-zava-dehibe ny fitondran-tena ara-panahy amin'ny maha-antony manosika ny fitoriana ny filazantsara azy dia tsy tokony hatao ambanin-javatra. Maro ireo antony manosika sy fomba fiasa azo ampiasaina, kanefa ny antony manosika ao anaty no matanjaka sy mahomby indrindra. Ary ny faharesen-dahatra manokana momba ny fitondran-tena ara-panahy no hany hahomby eo amin'ny fanovana ny mpino sy ny fiangonana.

*****

Fizarana faharoa: Ny lafiny fifandraisana eo amin'ny fahaiza-mitarika kristiana

2.1 Vina sy drafitr'asa: ny maha-zava-dehibe ny fitsinjovana mialoha

"Tsy manao na inona na inona tokoa Jehovah Tompo, raha tsy milaza ny heviny amin'ny mpaminany mpanompony." (Amosa 3:7)

"Raha hitan'ny olona mialoha ny vokatry ny asany dia ho tsapan'izy ireo ny hery miasa mangina ananany eo amin'ny fianakaviany sy ny fiaraha-monina misy azy, ka hitandrina be lavitra kokoa izy ary hijoro kokoa amin'ny fianteherana amin'Andriamanitra." (*ST, 28 Jolay, 1881 par. 13)*

Ny iray amin'ireo singa goavana indrindra eo amin'ny fahaiza-mitarika dia ny fahafahana mitsinjo mialoha. Adidin'ny mpitarika ny mitsinjo mialoha ny fivoarana, ny mitarika ny vondrona amin'ny fomba azo antoka mba hahatontosany ny anjara asany, ny mandresy ireo sakana ary ny mampiasa ireo fahafaha-manao misokatra eo anatrehany.

Ny mpitarika fiangonana mahomby dia hitsinjo mialoha ny fivoaran'ny fahombiazana sy ny fotoan-tsarotra ao amin'ny fiangonany. Izany dia hanampy azy hifantoka amin'ireo fanapahan-kevitra sy ny fiarovana tokony hatao eo amin'ny asany, ka tsy ho sahirana eo amin'ny fiatrehana olana. Ny mpitarika izay mahatsinjo mialoha ny toe-javatra dia manana fahalalahana kokoa eo amin'ny fitarihana ny fiangonany. Satria ny fitsinjovana mialoha dia mitondra vokatra maharitra eo amin'ny fitarihana sy fanovana ny fiaraha-monina.

2.1.1 Mahatakatra ny tontolo manodidina

Mba hahafahany mahatsinjo mialoha dia ilain'ny mpitarika ny mamolavola fomba fanangonam-baovao mahomby ho an'ny tenany manokana, sy fahaiza-manao eo amin'ny fanaovana tombana, ary fahafahana maka sary an-tsaina ny hoavy. Voalohany indrindra dia ilain'ny mpitarika ny mahalala ny zava-misy ankehitriny. Ny fanombanana araka ny zava-misy marina ny toe-javatra eo amin'ny fiaraha-monina ankehitriny sy ny fivoarany, sy ny fahalalana tsara ny fironana eo amin'ny sehatra samihafa amin'ny fiainam-bahoaka no fototra hahafahana mitsinjo mialoha ny toe-javatra hoavy. Izany no nampahatanjaka ireo mpamakilain'ny fiangonantsika. Izy ireo dia tena liana fatratra tamin'izay zava-niseho nanodidina azy ireo ary niezaka mandrakariva hampifandray izany tamin'ny fiainan'ny fiangonana sy ny teôlôjian'ny fiangonana.

Manampy ny mpitarika ny fahafantarana ny tantaran'ny fiangonany sy ny tantaran'ny fiaraha-monina misy ny fiangonany. Ny mpitarika dia tokony ho liana hahatakatra ny fomba fisainan'ny olombelona amin'ny ankapobeny sy ny fomba fisainan'ny olona miara-miaina aminy, ary hahatakatra ny fanirian'izy ireo sy ny hamantatra izay fomba hahafahana mikasika ny fony. Ny fitenenana fomba fiteny takatry ny hafa (izay tsy voatery ho fiteny an-dàlam-be) dia zava-dehibe mitovy lenta amin'ny fahafahaizana manararaotra ny fifandraisana voalohany sy mampivoatra izany ary ny fahaizana mitarika ny hafa ho amin'ny fomba fiainana vaovao tsara kokoa.

2.1.2 Mitsinjo mialoha ny fivoarana, mamantatra ny fironana

Fahaiza-manao hafa ilain'ny mpitarika tokoa ny fahaizana mitsinjo mialoha ny toe-javatra. Ny mpitarika dia miasa ao anatin'ny ankehitriny ary mieritreritra ny hoavy. Ny asa tena imasoan'izy ireo dia ny fiomanana amin'ny alalan'ny fahatsinjovana mialoha. Ny fahombiazan'ny mpitarika dia miankina betsaka amin'ny fahaizana mitsinjo mialoha ny fivoarana ao anatin'ny fiangonana sy any ivelany.

Ny mpitarika fiangonana mahomby dia hihezaka ihany koa hahatakatra ny toe-javatra sy antony manosika na mitarika ny olona any ivelan'ny fiangonana. Izany dia hanampy amin'ny famaritana izay fomba fitoriana ny filazantsara mahomby indrindra. Ny mpitarika mahomby dia hahatakatra fa ny fiaraha-monina ankehitriny dia toy ny tsena lehibe izay ifaninanan'ny tetik'asa sy filôzôfia ary vokatra samihafa. Misy akony lehibe izany eo amin'ny vinan'ny mpitarika. "Ilain'ny olona ny manana vina. Kanefa sarotra izany eo amin'ity izao tontolo izao izay anjakan'ny fifaninanana ity. Hita miharihary fa mazàna dia tsy mahatratra ny fon'ny olona ny fahamarinana – kanefa na izany aza dia mbola ny fahamarina ihany ny fahamarinan'Andriamanitra." (Barna 1997, 58)

Raha ampifandraisina amin'ny fiangonana izany fanambarana izany dia midika fa ny fivoaran'ny teôlôjia sy ny fampiharan'ny mpino ny fivavahana eo amin'ny fiainany andavanandro dia tokony ho tsinjon'ny mpitarika mialoha mba hahafahany manomana mialoha ny rindran-kevitra sy fomba fitoriana ny finoana sy ny hafatra mifandraika amin'izany. Amin'izany dia ho azo atao ny manatanteraka asa izay hanana akony eo amin'ny fiainan'ny mpino sy ireo olona liana, ary koa eo amin'ny fanoloran-tenany sy ny fandraisany anjara ao amin'ny fiangonana.

2.1.3 Manana vina eo amin'ny fitarihana

Ny mpitarika manana vina mazava dia hajain'ny olona sy ekeny. Ara-pamaritana, ny mpitarika dia natao hamolavola vina sy hiasa ho fampiharana izany. Tsara ny fandaminana ny fiangonana sy ny fampandehanana ny raharahany, kanefa tsy izany fotsiny no atao hoe fahaiza-mitarika. Ny fahaiza-mitarika dia midika famolavolana vina mahafaoka ny fiainam-piangonana manontolo ary fampifantohana ny hoenti-manana rehetra amin'ny fanatanterahana izany vina izany.

Inona no atao hoe vina? I Barna dia mamaritra fa ny vina dia "sary mazava ao an-tsaina ny amin'ny hoavy tsara kokoa, nomen'Andriamanitra ho an'ireo mpanompony nofidiany, ary miorina amin'ny fahalalana tsara an'Andriamanitra sy ny tena ary ny toe-java-misy." (Barna, 1997, 47)

Arak'izany, voalohany indrindra ny vina dia tokony ho fanomezana avy amin'Andriamanitra ho an'ny olona mitarika. Ny vinan'ny olombelona momba ny hoavy dia voafetra sady mety diso, fa Andriamanitra dia mihoatra izany fahalemena izany. Azontsika atao ny mitsinjo mialoha ny hoavy, saingy Andriamanitra irery no mahafantatra azy. Noho izany, ny mpitarika kristiana dia hendry ka tsy hamolavola vina amin'ny fahatakaran'ny sainy manokana, araka ny maha-olombelona feno fitiavan-tena azy, fa hitolona am-bavaka mba homen'Andriamanitra azy, amin'ny maha-mpanompo manao asa fanompoana ara-panahy azy, ny vina tokony horaisiny.

Hoy i Solomona raha niezaka ny hanokatra ny mason'ny mpamaky mba hahita ny maha-zava-dehibe ny vina avy amin'Andriamanitra. "Raha tsy misy fahitana, dia atondraka hanaram-po amin'izay tsy mety ny olona; Fa raha mitandrina ny lalàna kosa izy, dia sambatra." (Ohab. 29:18) Ny vina toy izany dia mihoatra noho ny vina noforonin'ny sain'olombelona fotsiny, fa Andriamanitra no namolavola azy. Ary ny vina toy izany dia tena zava-dehibe indrindra ho an'ny vahoakan'Andriamanitra satria ny tari-dàlana avy amin'Andriamanitra irery ihany no hahafahan'ny vahoakany miaina fiainana amin'ny fahafenoany sy manatanteraka ny iraka nankinina taminy.

"Ny fanambarana ao amin'ny Ohabolana 29:18 dia fampahatsiahivana ny amin'ny maha-zava-dehibe ny drafitra, tanjona sy fanantenana mitodika amin'ny hoavy. Manome aina ny vina. Ary raha tsy misy vina dia ny voan'ny fahafatesana no voafafy ary fotoana fotsiny no andrasana ambara-pianjadin'ny fahafatesana." (Lee 1989, 131)

Raha izany fomba fijery izany no entina mamaky ny Baiboly dia ho hita fa Andriamanitra dia nanokana fotoana sy ezaka betsaka hanomanana olona sy hametrahana vina mihoatra ny vinan'olombelona fotsiny tao am-pon'izy ireo sy tao an-tsainy. I Abrahama dia nandao ny fonenany ho any amin'ny hoavy tsy azo antoka (araka ny fijerin'olombelona!), kanefa ny vina nomen'Andriamanitra azy dia nanana hery ampy hanosika azy hanatanteraka izany. Ho an'i Mosesy dia naharitra 80 taona ny fanomanana nilaina mba hisokafan'ny fony handray ny vina avy amin'Andriamanitra mikasika ny firenena Hebreo izay mbola tao anatin'ny fahababoana. Ry Gideona, Ezekiela, Nehemia – ireny mpitarika rehetra ireny dia nandray vina mazava avy amin'Andriamanitra ary goavana ny vokatra azony.

Fa ilay mpitarika lehibe indrindra teo amin'ny tantara, dia i Jesosy Kristy, no ohatra mahavariana indrindra kanefa koa akaiky indrindra ny amin'ny fananana vina avy amin'Andriamanitra eo amin'ny fitarihana. Ny fanasitranana notanterahiny, ny fampianarany ary indrindra ny fanaovany mpianatra dia natosiky ny vina mazava nomen'Andriamanitra ny amin'ny famonjena ny taranak'olombelona very noho ny olan'ny fahotana. Ny vina nanana'i Kristy dia mazava tokoa ka afaka nanala ny sain'ny olona avy tamin'ny haizina sy ny fahafatesana ho amin'ny fiainana

mandrakizay. Izany vina izany no nitarika Azy nandritra ny fiainany sy ny asany, ary hatramin'ny fotoana nahafatesany teo amin'ny hazofijaliana.

Maro ireo olona izay vonona hanaraka ny mpitarika, misy amin'izy ireo aza izay maniry hotarihina, saingy izy ireo dia tsy hanohana afa-tsy ny mpitarika izay manana vina mazava sy manintona. Mba hatokisany ny mpitarika dia ilain'ny olona ny mahazo antoka fa ny mpitarika dia mahalala mazava hoe aiza ny toerana alehany ary ny làlana mankamin'izany dia azo antoka sy azo fantarina.

Ho fehiny, ny mpitarika te-hahomby dia tsy maintsy vonona hiaina araka ny vina ananany. "Ilainao ny mahafantatra hoe ho aiza ianao, tokony ho hainao ny manazava izany amin'ny teny tsotra – ary tokony ho mamin'ny fonao izany. Izany rehetra izany dia manampy ny vina, dia ny sary mazava ny amin'ny tanjon'ny orinasa [na fiangonana] sy ireo olona ao aminy, sy ny antony tokony hireharehan'izy ireo ny amin'izany." (Lee 1989, 133)

2.1.4 Mampihatra ny vina

Ireto dingana vitsivitsy manaraka ireto dia mety hanampy eo amin'ny famaritana sy ny fampiharana ny vina:

2.1.4.1 Farito ny vinanao

Ny fanambarana iraka dia manoritra ny antom-pisian'ny rafitra misy anao na ny fiangonanao, fa ny vina kosa dia manoritra ny fiovana ezahina hotratrarina; ny vina dia mifantoka amin'ny vokatry ny ezaka. Ny vina dia volavolain'ny mpitarika eo ambanin'ny fitarihan'ny Fanahy Masina.

Ny vina dia tsy faritana amin'ny fandanian'ny roa ampahatelon'ny mambra, ary tsy vokatry ny filan-kevitra amin'ny olona. "Sarotra ho an'ny olona ny manaiky fa Andriamanitra dia manome vina ho an'ny mpitarika, ary tsy mila hevitra amin'ny mpanara-dia Azy Izy amin'izany! Amin'ny maha-mpitarika anao dia mety hanam-paniriana hila hevitra amin'ny olona ianao; kanefa tsarovy fa famaritana ny vina dia avy amin'Andriamanitra, fa tsy avy amin'ny olon-kafa." (Barna 1997, 53)

Koa na dia Andriamanitra aza no mpanome ny vina, dia ilaintsika ny torohevitra avy amin'ny hafa mba hampahazava tsara izany vina izany. Noho izany dia zava-dehibe indrindra ny fisafidianantsika izay olona ilantsika hevitra raha ny mikasika ny hoavin'ny fiangonana no resahina. Olona tsy mitanila, manana fahatakarana lalina ny zava-misy, manana fiainana ara-panahy sy finoana mafy orina, maneho fahalalahan-tsaina sy fisokafana handray zava-baovao, olona mahatsapa fa misy ireo fomba nolovaina vokatry ny fahazarana, ny olona toy izany no mpanolo-tsaina tsara ary mpiara-miasa tsara ho amin'ny fahombiazana eo amin'ny fitarihana kristiana.

2.1.4.2 Zarao ny vinanao

Ny vina dia manomboka miasa amin'ny fotoana izarana azy. Ny vina zaraina ihany no vina manan-kery, afaka manova zavatra. "Ny vina zaraina no mitaona ny olona hiala amin'ny toerana misy azy mba hivoatra... Ny vina dia manentana ny olona sy ny vondron'olona ary ny rafi-pandaminana mba hianatra zava-baovao." (Hawkins 1997, 52) Raha tianao ny hisian'ny asa dia zarao amin'olona maro ny vina: "Ny vina mazava sy voapariaka dia mampahery ny mambran'ny fiangonana sy mandrisika azy hanovo ny fahalalana sy fahaiza-manao ary ny toe-tsaina ilainy hoenti-manatanteraka ilay vina." (Hawkins 1997, 53)

Mihoatra noho izany aza, ny vina zaraina dia manetsika ny fiaraha-miasa sy ny fifanohanana. Ny vina zaraina dia mandrisika ny olona, ny tarika sy ny fiangonana mba hiara-hiasa. “Ny vina no hitaona azy ireo hahafoy ny maha-izy azy ankehitriny, sy hanatanteraka asa maneho fahafoizan-tena.” (Barna 1997, 56)

Noho ny maha-zava-dehibe ny vina dia dia hampitain’ny mpitarika izany amin’ny fotoana rehetra mahamety izany: amin’ny toriteny, amin’ny fivorian’ny komity, amin’ny fivoriana ataon’ny fiangonana, amin’ny lahatsoratra sy ny taratasy, amin’ny filazan-draharahan’ny fiangonana, amin’ny resaka ifanaovana amin’ny vondrona madinika sy lehibe eo anivon’ny fiangonana. ny vina dia horesahina amin'ny fivoriana famolavolana drafitra sy fotoam-pifidianana, amin’ny fanomanana tetik’asa, amin’ny fandrafetana teti-bola – amin’ny toe-javatra rehetra mety hampitana ny vina dia hampitaina amin-kafanam-po izany. Ny vina mifandraika amin’ny fiainam-piangonana sy mifanentana amin’izany dia horaisin’ny mambra sy hampihariny.

Tsarovy: ny vina dia miampita avy amin’ny olona mankamin’ny olona. Ary: ny hafanam-po no mahatonga ny vina ho velona. Ampitao amin-kafanam-po sy fahavitrihana izany, amin’ny fomba manentana sy manintona, dia ho hitanao fa harahin’ny olona izany vina izany. Raha manomboka mandray ny vina sy manaiky izany ny olona, raha tonga vinan’izy ireo ny vinanao, dia hahomby ny fitarihanao.

2.1.4.3 Ampiharo ny vinanao

Ny antom-pisian’ny vina dia ny hanova ny toe-java-misy mba hanatrarana hoavy tsara kokoa. “Ny fampiharana ny vina dia mitaky zavatra maromaro. Tsy maintsy manana tarika mavitrika manohana ny vinanao ianao. Tsy maintsy angoninao ny hoenti-manana ilaina ho amin’ny fampiharana ny vina. Tsy maintsy manao drafitr’asa ianao, miaraka amin’ireo tanjona sy paik’ady mifandraika amin’izany, ary mandroso marina tokoa am-pahombiazana. Tsy maintsy mamolavola dingana ianao mba hampidirana ny vina eo amin’ny asa fanompoana amin’ny fomba azo ampiharina. Tsy maintsy ataonao vonona ny fitaovam-panombanana mba hahafahanao manao jery todika ny amin’ny asa vitanao sy manitsy ny dianao.” (Barna 1997, 58)

Misy làlana lavitra avy amin’ny vina mankamin’ny fampanjariana azy ho zava-misy marina: mitaky asa izany. Ny zavatra rehetra ataontsika dia tokony hifandraika amin’ny vina ary mikendry ny hahatanteraka azy.

2.1.4.4 Ahitsio sy amafiso ny vina

Ny fotoana sy ny tarika ary ny toe-javatra dia miova, kanefa amin’ny ankapobeny ny vina dia mitoetra na dia efa tsy eo intsony aza ilay olona nanana azy. Ny tantaran’ny fiangonana dia ahitana ohatra maro ny amin’izany vina mitoetra izany; ohatra: ny fanantenana sy ny fatokiana nananan’ireo mpamakilain’ny fiangonantsika, izay nisaina zavatra goavana, nanorina zavatra goavana, na teo aza ny fahavitsian’ny mambra tamin’ny fiandohan’ny taonjato faha-20.

Kanefa rehefa mandeha ny fotoana dia ilaina ny manitsy tsindraindray ny vina. Ny fitodihana sy ny singa fototra dia tsy mila ovaina, ny ilaina dia ny mampifanitsy ny vina amin’ny vanim-potoana. Izany dia hanavao ny fanoloran-tenan’ny tarika, hanamafy ny fanapahan-kevitry ny

olona hanara-dia ny mpitarika azy sy hanatanteraka ny anjara asan'ny fiangonan'Andriamanitra.

Fa ambonin'ny zava-drehetra dia ny fanavaozana ny lafiny ara-panahin'ny vina no mamaritra ny fitomboana sy ny fahasalaman'ny fiangonana. Ny fiaraha-mivavaka, ny fiaraha-mamaky sy mandalina ny Baiboly, ary ny fiaraha-mifady hanina, ny fiaraha-midera sy manompo an'Andriamanitra, ny fifankaherezana sy ny fiaraha-mianatra ao anatin'ny fanoloran-tena lalina amin'Andriamanitra dia hiantoka ny fananan'ny fiangonana hoavy tsara miorina amin'ny Baiboly izay kendrena amin'ny fahatsapana feno ny ho tompon'Andraikitra eo anatrehan'Andriamanitra sy ny fiangonany. Ao anatin'izany tontolon-kevitra izany, ny vina velona sy manentana ny hafanam-po dia hamoha sy hanetsika ny fiangonana mihoatra noho izay azon'ny saina takarina ankehitriny.

*****

2.2 Manorina ny hoavy: Manomana sy manatanteraka ny hoavy

"fa mba hanaraka ny marina amin'ny fitiavana ka hitombo amin'ny ny zavatra rehetra ho amin'izay Loha, dia Kristy." (Efesiana 4:15)

"Tamin'ny toe-tsaina nanetry tena sy vonon-kianatra no nandraisan'ireo olona ireo [ny apôstôly] ny fanandramana izay nahafahany nandeha tamin'ny naha-mpijinja ny vokatra azy. Ny ohatra nasehony dia lesona sarobidy ho an'ny kristiana. Maro ireo izay tsy mahita afa-tsy fandrosoana kely eo amin'ny fiarahana amin'Andriamanitra satria mihevi-tena ho ampy ka tsy vonona ny hianatra. Mionona amin'ny fahalalana ivelambelany momba ny Tenin'Andriamanitra izy ireo. Tsy maniry hanova ny finoany sy ny fanaony izy ireo kanefa tsy manao ezaka na inona na inona mba hahazoana fahazavana bebe kokoa." (*AA,* 238)

"Ny filana fanavaozana dia tsy zava-baovao, kanefa mihoatra noho ny tamin'ny lasa rehetra dia misy mandrakariva ny fitakiana vahaolana vaovao sy mahomby kokoa... Ny fiovana dia zavatra iray izay tsy maintsy eken'ny rafi-pandaminana rehetra, koa ny fomba hampiarana am-pahombiazana ny fanovana dia miha-zava-dehibe hatrany mba hisian'ny fahombiazana maharitra ho an'ny rafi-pandaminana iray." (Oakley/Krug 1991, 26)

Izany indrindra no singa tsy azo ihodivirana eo amin'ny fitarihana ny fiangonana. Raha tsy misy ny fanovana dia ho faty ny fiangonana na ho ela na ho haingana. Kanefa ny fiovana dia saro-pady ihany koa. Ny fiovana sasany dia mety hampivily làlana, hampihemotra na hitarika ho amin'ny fanafoanana ny rafitra iray mihitsy aza, kanefa ny fiovana sasany dia hitondra fivoaraana, fitomboana sy fiainana. Ny fahaiza-mitarika dia ny fahaiza-mamantatra ny venti-kevitra sy ny fomba ary ny fifandanjana sahaza eo amin'ny fiovana.

Ny foto-kevitry ny fiovana

Maro ireo fiangonana izay miahotra manoloana ny fiovana. Tsy mahagaga izany. Indrindra rehefa tsy hita mazava ny vokatry ny fiovana dia mipongatra ny fanoherana vokatry ny tahotra. Miaraka amin'izany dia betsaka amin'ireo olona ao amin'ny fiangonana no mangetaheta fiovana ary ho tsapan'izy ireo fa ho to ny nofinofiny raha tanteraka izany. Ny mambran'ny fiangonana madinika dia miandrandra fitomboana mampitolagaga eo amin'ny isan'ny batisa; ireo fiangonana tranainy izay tsy ampy tanora ao aminy dia manantena fanavaozana amin'ny alalan'ny fandraisana ankizy sy tanora mihetsiketsika.

Ny olana ateraky ny fiovana dia matetika vokatry ny fironana mifanohitra manoloana ny fiovana. Etsy an-daniny dia irina ny fanatsarana – ary mazava loatra fa mitaky fiovana izany –, kanefa etsy an-kilany, ny fiovaovana haingana misy eto aimn'ity izao tontolo izao ity dia miteraka filana zavatra marim-pototra sy fomba amam-panao maharitra manoloana ny fiovana. Raha mahomby eo amin'ny fampiharana ny fiovana ny mpitarika, dia hanampy amin'ny fanekena izany sy hampitombo ny fahombiazana ny fanomezan-danja ireo lafin-javatra roa ireo.

Ny fangaraharana dia mety hanampy betsaka eo amin'ny dingan'ny fiovana. Raha fantatry ny mambra mazava ny votoatin'ny fiovana, ary raha fantany tsara ny tanjona ezahin'ny fiangonana hotratrarina amin'ny alalan'ilay fiovana, dia ho vonona izy ireo hanohana izany fiovana izany fa tsy hanohitra azy. (Ny hany zava-takiana dia ny fahavitan'ny fiangonana manao fifanarahana mikasika ny iraky ny fiangonana). Fa raha tsy voafaritra sy mazava ny votoatin'ny fiovana sy ny vokany, dia ampoizina tokoa ny hisian'ny fanoherana sy ny tahotra manoloana izany.

Fampisiana ny toe-tsain'ny fiovana

Ny fampiharana ny vina dia mitaky fiovana ary ny mpitarika dia tokony ho olona malala-tsaina manoloana ny fiovana. Izany dia miankina amin'ny fomba fiatrehan'ilay mpitarika ny fiovana: na hahomby ny fitarihana, na ho fihazonana ny toe-javatra efa misy fotsiny ihany. I Lee dia mamaritra ny fahaiza-mitarika ho "asa fanompoana ho amin'ny fanovana": "Ny fitarihana dia asa fanompoana rehefa miasa ho fanavaozana ny fiangonana." (Lee 1989, 25)

Ny mpitarika mahomby dia hangetaheta fiovana, hitsinjo mialoha ny fiovana, ho tonga sakaizan'ny fiovana ary izy mihitsy no hisantatra ny dingan'ny fiovana. Amin'ny hetsika rehetra tanterahiny dia hoheveriny ireo lafiny roa amin'ny fiovana: ny fahafaha-manao sy ny zavatra ahiana. Ny fahafaha-manao dia ny fahafahana manatsara zavatra, manatsara ny fomba fiatrehana ny flan'ny olona ao anatin'ny fiangonana sy any ivelany, ary manatanteraka ny planin'Andriamanitra eo amin'ny fitoriana ny filazantsaran'ny famonjena. Ny zavatra ahiana dia hoe mety ho tsy azo vinaniana mialoha sy ho tsy azo tanterahina ny fiovana, mety hihoatra ny faritra noeritreretina ny fiovana, ary ny hisian'ny fiantraikany ratsy eo amin'ireo sehatra hafa amin'ny fiainam-piangonana.

Ny maha-avy amin'Andriamanitra ny fiovana

Ho an'ny kristiana dia tsy misy tokony hatao afa-tsy ny manaiky fa ny fiovana dia voafaoka ao amin'ny antom-pisiany sy ny iraka nankinina taminy. Ny fiovana dia singa mandrafitra ny filazantsara mihitsy. Ny fanasana olona hanandrana fiainana miaraka amin'Andriamanitra dia midika fiovam-piainana, fiovan'ny fomba fisainana sy ny fomba amam-panao. "Ary aza manaraka ny fanaon'izao tontolo izao; fa miovà amin'ny fanavaozana ny saina, hamantaranareo ny sitrapon'Andriamanitra, dia izay tsara sady ankasitrahana no marina" (Romana 12:2) Ny hafa-pamonjen'Andriamanitra dia hafatra miantso ho amin'ny fiovana. Ary ny fiangonany, izay mitory izany hafatra izany, dia tokony ho vonona hiova ihany koa.

Mahatakatra fa ny fiovana ao amin'ny fiangonana dia mahafaoka lafin-javatra maro

Mba hahatakarana ny fahasamihafana misy eo amin'ny fampandehanana ny raharaham-piangonana sy ny fitarihana ny fiangonana dia ilaina ny mahatakatra fa ny fiangonana dia rafitra ahitana lafiny maro mifamahofaho. Ny fomba fiasa maty paika dia hanampy amin'ny fiatrehana ny fiovana ao amin'ny fiangonana amin'ny fomba mahafaoka lafiny samihafa, amin'ny fomba matihanina sy mahomby.

Amin'ny fomba fiatrehana maty paika ny fiovana dia tsy heverina mitsitokatokana ny singa tsirairay fa heverina mandrakariva ho mifandray amin'ireo sehatra hafa eo amin'ny fiainam-piangonana sy ny antom-pisiany. Izany fomba fiasa izany dia mihevitra ny vokatra eo no ho eo sy ny vokatra lavitr'ezaka ateraky ny fandrosoana, ary mihevitra koa ny ireo fifamatorana misy eo amin'ireo sehatra ampiharana ny fiovana. Izany hoe: ny fomba fijery mahafaoka ny lafiny rehetra eo amin'ny dingana manontolo fanatanterahana ny fiovana dia hihevitra araka ny tokony ho izy ny fiangonana amin'ny maha-"rafitra" azy.

Na dia ny fiovana tsotra aza dia hanana akony amin'ny lafiny hara rehetra eo amin'ny fiainan'ny fiangonana, satria ao amin'ny zava-manan'aina iray dia mifampiankina avokoa ny taova rehetra. Na dia ireo antsoina hoe fiovana madinika aza dia misy fisampantsampanany sy fiantraikany amin'ny sehatra hafa, noho izany dia mitarika fiovana eo amin'ny fiangonana manontolo.

Indreto misy dingana vitsivitsy izay afaka hanampy ny mpitarika hanatanteraka am-pahombiazana ny dingana fanomanana sy fanatanterahana ny fiovana ao amin'ny fiangonana:

1. Manaova fandinihana maty paika sy mahitsy momba ny fiainan'ny fiangonana nandritra ny 20 taona lasa.
2. Fantaro ireo sehatra mahomby sy mitombo ary mahafa-po.
3. Ezaho fantarina am-pahitsiana ny sehatra ahitana olana eo amin'ny fiainan'ny fiangonana.
4. Araraoty ny fotoana mety indrindra mba hakana hevitra voalanjalanja tsara.
5. Manàna vina ho amin'ny fiovana.
6. Ampitao sy atsarao izany vina izany.
7. Reseo lahatra ny amin'ny fiovana ny hafa.
8. Ampiharo ny fiovana.
9. Manaova tombana momba ny fiovana
10. Mifalian noho ny fahombiazana eo amin'ny fiovana ary saino ny amin'ny dingana manaraka.

Lalàm-piainana ny fiovana. Indraindray dia sarotra ny mampihatra ny fiovana, kanefa ny fiovana sahaza dia hitondra hery vaovao ho an'ny fiangonana.

*****

2.3 Fitarihana iombonana: Fiaraha-miasa eo amin'ny fitarihana kristiana

"Raha misy maharesy ny irery aza, ny roa tsy ho leony tsy akory; ary ny mahazaka telo olana tsy mora tapahina." (Mpitoriteny 4:12)

"*Apetrak'Andriamanitra eo anivon'ny sakaiza mahafinaritra ianareo. Amin'ny maha-mpiasan'Andriamanitra anareo dia aoka hifampizara ny fikasanareo ianareo. Izany fikasana izany dia tokony hodinihina tsara am-pivavahana; satria ny Tompo dia tsy hiara-dàlana amin'izay tsy manao izany ka ho lavo ao amin'izay heveriny fa fahendrena sy fahamboniana...*" *Letter 49, 1897 (Sept.1897, To Brn.Daniells, Colcord, Faulkhead, Palmer, Salisbury). (ChL 39.4)*

2.3.1 Nahoana no ilaina ny fiaraha-miasa ao anatina tarika?

Nandritra ny zato taona izay dia niovaova ny fahazoana ny atao hoe fahaiza-mitarika: avy amin'ny didy jadona, nandalo dingana maro hafa, ary tonga amin'ny fitarihana iaraha-miasa izay

iainantsika ankehitriny amin'ny endriny samihafa. Kanefa nahoana no ampiharina ao amin'ny fiangonana ny fiaraha-mitantana anatina tarika? Misy antony lehibe vitsivitsy manohana izany.

Voalohany indrindra, eo amin'ny asa fanompoana dia mahomby kokoa ny vondron'olona noho ny olon-tokana. Raha miasa irery mandrakariva ny mpitarika dia vetivety dia ho tojo amin'ny fetrany sy ho lany hery. Ny tarika dia ahafahana mampifameno ny talenta sy ny fahaiza-manao ary ny hery. Ary tsy maintsy atao izany eo amin'ny fiangonana izay ahitana filana sy sehatr'asa maro samihafa.

Faharoa: niova ny fiaraha-monina. Tsy avy hatrany dia manaiky ny fahefana intsony ny olona. Koa satria omena toerana ambony ny isam-batan'olona, dia fahafahan'ny olona mampitovy ny tenany amin'ny rafitra, indrindra amin'ny mpitarika azy, no hany hahatonga azy hanohana sy hiara-hiasa am-pahavitrihana. Noho izany, eo amin'ny fiaraha-monina pôstmôderina sy manoloana ny fiovan'ny tontolon-kevitra misy ny fiangonantsika sy ny mambra ao aminy, dia tsy misy safidy hafa afa-tsy ny fitarihana anatina tarika.

Fahatelo: ny fahombiazan'ny asa dia mitombo rehefa miasa anatina tarika ny mpitarika. "Ny ankamaroan'ireo mpitarika izay hita fa mahomby dia miaram-miasa amina tarikana mpitarika... Eo anivon'ny fiangonana dia ianarantsika koa ny maha-zava-dehibe ny fitantanana anatina tarika. Izany no antsointsika hoe fiaraha-mitantana, fiaraha-manompo, fizarana andraikitra." (Lee 1989, 116)

Fahefatra: misy ireo antony ara-pamaritana ny fiangonana sy ara-teôlôjia manohana ny fitarihana anatina tarika. Ny fanoritan'i Paoly ny fiangonana dia tamin'ny alalan'ny tandindon'ny vatana izay ahitana rantsana maro mifampiankina ary mitambatra ho tena iray miara-miasa:

"Zarazaraina ho samy hafa ny fanomezam-pahasoavana, nefa ny Fanahy dia iray ihany. Ary zarazaraina ho samy hafa ny fanompoana, nefa ny Tompo dia iray ihany. Ary zarazaraina ho samy hafa ny asa, nefa Andriamanitra dia iray ihany, Izay miasa ny zavatra rehetra amin'ny olona rehetra. Ary izy rehetra dia samy nomena ny fampisehoana ny Fanahy hahasoa. Fa ny anankiray nomen'ny Fanahy teny fahendrena, ary ny anankiray teny fahalalana, araka izany Fanahy izany ihany, ary ny anankiray finoana, amin'izany Fanahy izany ihany, ary ny anankiray fanomezam-pahasoavana ho enti-mahasitrana, amin'izany Fanahy iray izany ihany, ary ny anankiray ny manao fahagagana, ary ny anankiray ny maminany, ary ny anankiray ny mahafantatra fanahy samy hafa, ary ny anankiray ny miteny amin'ny fiteny samy hafa tsy fantatra, ary ny anankiray ny mandika fiteny tsy fantatra. Ireo rehetra ireo dia asan'ny Fanahy iray ihany, zarazarainy ho azy rehetra avy araka ny sitrapony. Fa tahaka ny tena iray ihany, anefa maro no momba ny tena, ary ireo rehetra momba ny tena ireo, na dia maro aza, dia tena iray ihany, dia tahaka izany koa Kristy." (I Kor. 12:4-12)

Tsy manazava betsaka momba ny fitarihana anatina tarika ny Soratra Masina. Ao amin'ny Tenin'Andriamanitra dia resahina tsotra fotsiny ny momba izany. Fantatsika ny tantaran'i Mosesy izay nizara andraikitra (Eksôdôsy 18: 13-26), ny fomba fiasan'i Jesosy, izay nanomboka asa goavana tamin'ny alalan'ny tarikana mpianatra 12, ary fantatsika ny momba ny fiangonana voalohany izay nahafantatra tsara ny ilana tarika madinika na lehibe mba hahombiazany eo amin'ny famitana ny iraka (Asa 6:1-7; 13:2) Arak'izany dia hita ao amin'ny Baiboly fa ny mambra tsirairay dia manana anjara asa manokana tahaka ny taova sy rantsana ao amin'ny vatana, mba hahatsara ny vatana manontolo.

Kanefa mbola misy antony iray hafa koa: ny fahamarinana momba an'Andriamanitra Telo-izay-iray. Na dia marina aza fa mihoatra ny fahatakaran'olombelona izany fahamarinana izany, dia hitantsika fa Andriamanitra Telo-izay-iray no môdely voalohany ho antsika ny amin'ny fitarihana anatina tarika. Ny Ray, ny Zanaka sy ny Fanahy Masina dia miara-miasa eo amin'ny asa fitarihany ny

voahary manontolo sy ny famonjena ny taranak'olombelona. Ny Mpitarika ny voahary manontolo dia mampirisika antsika mba hampihatra ny fitarihana anatina tarika eo anivon'ny fiangonana.

2.3.2 Toetra tokony hananan'ny mpitarika tarika

Fitiavana ny hafa. Raha mihevitra ny momba ny hafa ny mpitarika, dia hiorina ny rivo-piainan'ny fifankatiavana sy fifanampiana eo anivon'ny mambran'ny fiangonana. Ny mpitarika kristiana miaina fiainana ara-panahy dia haneho fahalianana sy fankasitrahana amin'ny hafa. Ny tsingerintaon'ny daty nahaterahana sy ny batisa ary ny toe-javatra manokana iainan'ny isam-batan'olona dia hisarika ny fahalianany ary ho tsapan'ny olona fa tsy ny toerany no mibahana ao an-tsainy voalohany fa tena liana marina tokoa amin'ireo olona izay tarihiny izy.

Fivelaran-tsaina manoloana ny fanakianana. Ilaina ny manorina sy mampivoatra kolontsaina miabo momba ny fanakianana. Ilaina ny fanakianana, izany no fomba hahazoana akon'ny zava-bita. Mba hahombiazany dia tokony ho fanakianana mampandroso no hatao. Raha misy ny rivo-piainan'ny fifampitokisana sy ny fisakaizana dia ho azo atao ary hatao am-pitiavana ny fanakianana. Izany dia hanampy amin'ny fampisiana toe-tsaina mifantoka amin'izay zavatra ilaina amin'ny fitomboana. Ny zavatra madinika sy ny teny maneho fahasiahana sy tsi-fanajana dia tsy hotononina.

Filan-kevitra amin'ny mpanolo-tsaina. Ny mpitarika tarika kristiana dia hahafantatra koa ny fomba hahafahany mampivelatra ny fahaiza-manaony. Ny filan-kevitra amin'ny hafa dia hanampy azy hahay handanjalanja sy hampivoatra ny fahaizany mandray fanapahan-kevitra voalanjalanja. Raha toa ny mpitarika tamin'ny andron'ny Baiboly, sy ireo mpitarika eo amin'ny sehatra pôlitika sy ara-toe-karena ankehitriny, ka nila mpanolo-tsaina, dia vao mainka mila izany koa ny mpitarika kristiana. Marina fa Andriamanitra no mpanaolo-tsaina tsara indrindra, kanefa ilaintsika koa ny mila hevitra amin'olona. Manana ireo mpiara-mivavaka isika, izay azon'Andriamanitra ampiasaina hanoroana hevitra antsika. Izany dia hampahatsiahy antsika fa isika dia tsy mahavita tena, tsy mpanapaka mitoka-monina, fa mpiara-miasa amin'Andriamanitra sy amin'ireo mpino rahalahintsika sy anabavintsika.

2.3.3 Fananganana tarika

Mialoha ny nifidianany ireo roa ambin'ny folo lahy dia nivavaka nandritra ny alina i Jeosy: "Ary tamin'izany andro izany dia lasa nankany an-tendrombohitra Jesosy mba hivavaka; ary naharitra nivavaka tamin'Andriamanitra nandritra ny alina Izy. Ary nony maraina ny andro,dia nantsoiny hanatona Azy ny mpianany, ka nifidianany roa ambin'ny folo lahy, izay nataony hoe Apostoly." (Lk. 6:12,13)

Io andalan-teny ao amin'ny Baiboly io dia manambara mazava ny maha-zava-dehibe ny fifidianana tsara ny olona izay ho isan'ny tarika mitarika ny fiangonana. Araka ny fanoritan'i Paoly ny mombamomba ny mpitarika fiangonana dia ny toe-tsaina ara-panahy sy ny fiainana kristiana no mamaritra ny fisafidianana izay olona ho isan'ny ekipan'ny mpitarika ny fiangonana. Ny fahaiza-manao, izay mazàna omen-danja diso tafahoatra ankehitriny, dia mbola eo amin'ny laharana faharoa. (I Tim. 1:1-10)

Ny fahombiazan'ny mpitarika dia miankina amin'ny fahaizany mampisy toe-tsain'ny fiaraha-miasa amin'ny maha-ekipe eo anivon'ny mpiara-miasa aminy sy ny fahaizany mampisy fifandraisana mafana sy mampandroso eo anivon'izy ireo. Fahadisoana ny mianina fotsiny amin'ny fiantsoana izay te-hanao asa ao amin'ny fiangonana. Tokony ho dingana voasaina tsara izany ary tanterahina eo ambanin'ny fitarihan'ny Fanahy Masina.

Misy singa fototra vitsivitsy tokony hoheverina eo amin'ny fifantenana mambran'ny tarika mpitarika:

2.3.3.1 Ny fahamatorana ara-panahy

Ny voalohany indrindra amin'ny lisitr'ireo fepetra tokony hohajaina dia ny lafiny ara-panahy. Tsy hivarotra fiara na sakafo na entam-barotra hafa no antom-pisiantsika, fa ny hikolokolo ny fiainana ara-panahin'ny olona ao anatin'ny fiangonana sy any ivelany. Olona matotra ara-panahy ihany no afaka mampihatra hery miasa mangina sy mampandroso ny fahamatorana ara-panahy ao amin'ny fiangonana. Izany no antony tokony hiheverana voalohany indrindra ny fahamatorana ara-panahy.

2.3.3.2 Fahaiza-manao

Mba hahatonga ny olona iray ho isan'ny ekipan'ny mpitarika dia tokony ho hita fa manana ny fahaiza-manao ilaina ho amin'ny asa andrasana aminy izy. Izany fahaiza-manao izany dia ny fahafahana mamantatra ny asa sy miomana hanao ny asa ary manatanteraka azy tsara. Na dia fahaiza-manao eo am-piaingana aza no tena takiana amin'izany, dia azon'ny olona iray atao ny mampitombo ny fahaiza-manaony amin'ny alalan'ny fizaran'asa sy ny fianarana mitohy.

2.3.3.3 Fahafahana misolo tena ny karazan'olona samihafa

Heverina mazàna fa ny fitoviana dia ilaina ho amin'ny fahombiazan'ny asa anatina tarika (Lee 1989, 121.122), satria amin'izany dia voasoroka ny fifanoheran-kevitra sy ny fandaniam-potoana vokatry ny adihevitra lavareny. Ary marina tokoa fa mora kokoa ho an'ny mpitarika ny mitarika ho amin'izay fanapahan-kevitra tiany rehefa mitovy hevitra aminy ireo mambran'ny tarika. Kanefa ny fanandramana dia maneho fa fandrika ho an'ny mpitarika ny tsy manana manodidina azy afa-tsy olona mitovy hevitra aminy sy mankasitraka ny planiny.

Ny fitovian-kevitra tanteraka vokatry ny fampivondronana "olona mitovy firehan-kevitra" handrafitra ny ekipan'ny mpitarika dia mety hitera-doza satria tsy misolo tena ny zava-misy sy ny fahasamihafan'ny fomba fijery misy ao amin'ny fiangonana. Rehefa mandeha ny fitoana dia mety hitarika ho amin'ny tsy fanohanan'ny mambra ny mpitarika izany, sy ny fitanilana ary ny fizarazarana na fametsifetsena aza.

Mora ny mandray fanapahan-kevitra rehefa tsy misy firy ny fanoherana, na fanakianana, na safidy hafa, ary manohana mandrakariva ny hevitry ny mpitarika ny vondrona entina. Kanefa rehefa misy vondron'olona mahaleo tena na manohitra mihitsy aza maneho hevitra, dia fantatry ny mpitarika fa misy zavatra tsy nandeha tamin'ny laoniny, nisy filana na olona izay tsy voahevitra na noheverina be loatra, ka nanjary nanalavitra ny fiangonana izy ireo ary asehony izany amin'ny alalan'ny teny hoe: "Tsy fiangonako intsony ity."

Noho izany, rehefa manangana tarika ny mpitarika dia tokony hikendry izay haha-voasolo tena ny karazan'olona samihafa. Raha misy olona tia karokaroka sy tia manavao zavatra ao amin'ny tarika, dia hampanan-karena ny tarika izy ireo amin'ny fitondrany fomba fiasa sy tetik'asa vaovao. Miaraka amin'izany dia ilaina koa ny fisian'ireo mambran'ny tarika izay mirona amin'ny fihazonana ny fomba fanao hatrizay; izany dia hampisy ny fitohizana sy fifandanjana ary fanitsiana raha ilaina. Ilaina dia ilaina ihany koa ny fifamenoana ao anatin'ny tarika eo amin'ireo olona mirona betsaka amin'ny famitana ny iraka sy ireo olona mirona

amin'ny fanomezan-danja ny fifandraisana sy ireo olona mirina amin'ny fanomezan-danja ny rafi-pandaminana.

Ny fisoloan-tena ireo fironana samihafa dia mampanan-karena ny asan'ny fiangonana ary manome vahana ny fahombiazana, raha toa ka mahafeno ireto fepetra roa lehibe ireto ny mambran'ny ekipan'ny mpitarika : fanoloran-tena lalina hiara-hiasa sy toe-tsaina mahay mandefitra.

2.3.3.4 Fanoloran-tena hiasa ao anatin'ny tarika sy hamita ny anjara asany

Ny fanalaidin'ny fahombiazan'ny asa ao anatin'ny ekipan'ny mpitarika ny fiangonana iray dia miankina betsaka amin'ny fanoloran-tenan'ireo mambra ao aminy ho amin'izany asa izany. Ireo fironana samihafa dia ho afaka mifantoka amin'ny fitodihana iombonana raha toa ka manana toe-tsaina vonon-kiara-hiasa ny mambran'ny tarika tsirairay. Ny fanoloran-tena madio ho amin'ny famitana ny iraky ny fiangonana izay mampisy tetezana mampifampitohy ny fahasamihafana sy mahatonga ny fiaraha-miasa ho azo tanterahina. Ny fahatsapana ny maha-anisan'ny fiangonana sy ny fahitsiana manoloana ny fiangonana dia samy ilaina indrindra.

2.3.4 Ireo foto-kevitry ny fiaraha-miasa anatina tarika

2.3.4.1 Ny fifanarahana

Mba hahafahan'ny tarika iray manao ny asany dia ilainy ny mifanaraka eo amin'ny tanjona hotratrariny. "Ny zavatra ilaina voalohany mba hisian'ny fifandraisana tsara eo amin'ny mpitarika dia tsy ny fanoritana tsara ny anjara asa na ny fitsinjarana andraikitra maty paika tsara, fa ny faneken'ny tsirairay sy ny fahatakaran'ny tsirairay ny tanjona iombonana hokendrena sy ny fahatapahan-kevitra hanatratra izany." (Lee 1989, 117)

Ilaina ny fahasamihafana eo amin'ny fandrafetana tarika, kanefa ilain'ireo mambran'ny tarika ihany koa ny miara-mandinika lalina ny amin'ny tanjona iraisana hotratrarina sy ny hifanaraka ny amin'ny làlan-kizorana iraisana. Indraindray dia sarotra ny mampifanaraka ireo fomba fijery samihafa, kanefa raha tsy mahavita mandresy izany ny vondron'ny mpitarika dia ahoana no hisian'ny firaisana eo amin'ny fiangonana manontolo?

Ny fanesorana izay olona tsy mitovy hevitra amin'ny tena tsy ho ao anatin'ny tarika dia tsy vahaolana satria ny atao hoe mitarika ny fiangonana dia mitarika ny mambran'ny fiangonana REHETRA. Ary mitombina koa izany hoa an'ny ekipan'ny mpitarika . Raha ilaina dia hasaina ny Pasitoran'ny fiangonana eo an-toerana, na ny Federasiona mihitsy aza indraindray, mba hanelanelana eo amin'ireo vondrona samihafa ao amin'ny fiangonana sy hitarika ny ekipan'ny mpitarika izay misolo tena ny sokajy tsirairay mba ho tonga amin'ny fifanarahana izay azon'ilay tarika tanterahina. "Ireo mambran'ny tarika dia ampirisihina mba hizara ny zavatra andrandrainy sy ny olany mikasika ny tanjona sy ny asan'ny tarika mba hahafahana mamolavola tanjona ankasitrahan'ny rehetra." (Lee 1989, 117)

Tokony handeha lalina kokoa noho izany aza ny fikatsahana fifanarahana. Tsy ny tanjona sy ny làlan-kizorana ihany no tsy maintsy faritana amin'ny alalan'ny fifanarahana, fa ny asa hotanterahin'ny tarika ihany koa. Araka izay azo atao, ny fanapahan-kevitra dia tokony horaisina, tsy amin'ny alalan'ny fandanian'ny maro an'isa, fa ilana fifanarahana, na eo

anivon'ny kômitin'ny fiangonana izany, na eo anivon'ny fivoriam-ben'ny fiangonana, na eo anivon'ny vaomiera samihafa izay tokony handray fanapahan-kevitra.

Ny fifanarahana no ahitana taratra ny tahan'ny fahatsapan'ny tsirariray ho anisan'ny tarika, sy ny fanoloran-tena ary ny fahatsapana ho tompon'andraikitra. Noho izany, ny mpitarika kristiana dia hiezaka amin'ny fotoana rehetra ahafahana manao izany mba hisian'ny fifanarahana, amin'izany dia tanjona maro no ho tratra noho ny amin'ny alalan'ny fomba fiasa hafa rehetra: ny fahatsapan'ny tsirairay ho tompon'ny fanapahan-kevitra, ny fahavononana hanatanteraka izany, ny firaisam-pon'ny fiangonana, ny fiaraha-miasa ao anatin'ny firahalahiana, sns.

2.3.4.2 Fifandraisana mivelatra sy mampandroso

Mandrakariva ny fifandraisana dia fampitana hafatra mifamaly. Ireo mambran'ny tarika dia tokony hanana fahafahana mamosaka am-pahamatorana sy an-kalalahana ny heviny. Kanefa ilain'izy ireo koa ny manana fahafahana mihaino tsara ny olan'ireo mpiara miasa aminy ao amin'ny tarika. "Amin'ny alalan'ny fifandraisana no ampahafantaran'ny mambran'ny tarika ny fomba fijeriny, ny hetahetany, ny fanontaniany, ny fahalalany, sy ny fikasany. Amin'ny alaln'ny fifandraisana no ahafahan'ny mambran'ny tarika mampahafantatra zava-baovao, mandresy lahatra, mila hevitra, manaiky hevitra, mankasitraka toe-javatra ary mandray anjara." (Lee 1989, 120)

Ny fahatsaran'ny fifandraisana dia tsy vokatry ny kisendrasendra fa vokatry ny fahaiza-mitarika. Ny mpitarika ny tarika dia hanokana fotoana sasantsasany mba hanomezana vahana ny fifandraisana mivelatra eo anivon'ireo mpitarika. Izany fotoana izany dia tsy fotoana very maina satria amin'ny alalan'ny fifandraisana tsara no ialana amin'ny ny tsi-fifankahazoan-kevitra sy ny tsi-fahampian'ny vaovao ampitaina, ary hisorohana ny fifandirana tsy mampandroso sy ny fahasimban'ny rivo-pifandraisana eo amin'ny asa. Ary amin'ny lafiny hafa, ny fifanakalozam-baovao avy amin'ny sehatr'asan'ny tsirairay hanome vahana ny fisian'ny tetik'asa iombonan'ny sampana ao amin'ny fiangonana.

2.3.4.3 Atao mazava ny zavatra andrasana amin'ny tsirairay

Ny tarika iray dia hiasa amin'ny fomba mahomby indrindra raha toa ka fantatr'ireo olona tsirairay ao aminy ny zavatra andrasana aminy avy. Ilaina dia ilaina ny fanazavana ny anjara asan'ny mambran'ny tarika tsirairay. Fomba maro no azo anatanterahana izany. Ny fomba tsy mahomby indrindra dia ny fanomezana ho an'ny isam-batan'olona taratasy manoritra ny andraikiny ary milaza aminy hoe: "Vakio tsara fotsiny dia ho fantatrao ny zavatra andrasana aminao." Ny tarika dia tsy milina, ary soa ihany. Ny tarika dia miaina amin'ny alalan'ny fifaneraserana. Misy ireo tarika izay manana anjara asa voasoritra mazava tsara saingy tsy mahavita miasa mihitsy satria samy miolonolona ny mambra ao aminy.

Mety ho tsara ny hisian'ny fivorian'ny tarika izay hifandinihana momba ny anjara asan'ny tsirairay. Ny ho vokatr'izany dia fanoloran-tena feno kokoa avy amin'ny tsirairay eo amin'ny famitana ny andraikiny, ary koa toe-tsaina vonon-kiara-hiasa manoloana ireo mambra hafa ao amin'ny tarika. Raha ambara amin'ny teny hafa izany dia izao: ny fanatanterahana izany dia miteraka fahatsapana andraikitra iombonana. Ny vokatry ny fifanakalozan-kevitra dia tsara raha raketina an-tsoratra mba ho tahiry ampiasaina amin'ny hoavy.

Fifamenoan'ny andraikitra. Ny fananan'ny olona iray andraikitra dia tsy midika fa tsy mahakasika azy ny sehatr'asan'ireo mambra hafa ao amin'ny tarika. Amin'ny fotoana ivoriana

hanazavana ny andraikitry ny tsirairay dia tokony hokendrena ny hisian'ny fifamenoana eo amin'ny andraikitra. Midika izany fa misy foto-kevitra tokony hampiharina, vokatr'izany ihany koa fa toy ny eo anivon'ny fianakaviana iray dia ho afaka hiasa ao anatin'ny sehatr'asa hafa ny mambran'ny tarika iray, indrindra rehefa ilaina ny fifanampiana. Raha tsy tontosa izany dia tsy ho ampy nyf amaritana, tsy hisy ny fifandraisana eo amin'ireo sampana samihafa ary ho kely ny fahombiazan'ny asan'ny fiangonana.

2.3.4.4 Dingana mahomby eo amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra

Ny tarika miasa amin'ny fomba tomombana tsara dia hanaraka dingana mangarahara sy mahomby eo amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra. Noho izany dia ilain'ny tarika ny mamolavola fitaovana sy fomba fiasa sasantsasany mba hahafahana manangom-baovao mifanentana amin'ny zava-misy sy hampiasa izany araka ny tokony ho izy eo amin'ny fandinihana toe-javatra samihafa; amin'izay dia ho ampy tsara ny fototra hoenti-mandray fanapahan-kevitra tsara.

Ny fahazoam-baovao tsara sy feno dia zava-dehibe tahaka ny fifandraisana sy ny fikatsahana fifanarahana ihany. Ny fandinihana ireo safidy samihafa sy ny fikarohana ny hevitra tsara indrindra eo amin'ny safidy tsirairay dia hanampy amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra tsara, voalanjalanja sy tohanan'ny rehetra. Amin'ny tranga sarotra dia fahendrena ny mila hevitra amin'olona manana ny traikefa sy ny fahaiza-manao ary ny fanandramana ara-panahy ilaina.

Singa iray hafa eo amin'ny dingana fandraisana fanapahan-kevitra ny faritry ny fahafaha-manao. Inona no fanapahan-kevitra tafiditra ao anatin'ny andraikitry ny kômitin'ny fiangonana? Inona no tokony hoentina eo anatrehan'ny fivoriam-ben'ny fiangonana? na eo anivon'ny Federasiona? Sns. Ny fanajana ny faritry ny fahafaha-manao dia misoroka ny trangan-javatra mampifanolana.

2.3.4.5 Ny fahatokiana dia fototry ny fiaraha-miasa eo anivon'ny tarika

Ny fahatokiana dia azo lazaina fa anisan'ny sehatra saro-pady sy manan-danja indrindra eo amin'ny fahombiazan'ny asan'ny tarika iray. "Ny fahatodiaka dia midika fa mandeha 'am-pahitsiana' isika eo amin'ny fomba fihevitsika sy ny fizarana izany hevitsika izany ary koa azo itokisana amin'ny fanatanterahana ny tenintsika sy mitondra tena mifanaraka amin'ny soa toavintsika sy ny foto-kevitsika. Mitaona ny hafa ho mahatoky isika rehefa mitondra tena am-pahatokiana sy matoky azy ireo." (Follett, 50)

Ny fitokisana dia tsy azo baikoina. Mitaky fotoana ny fitomboan'izany eo amin'ny fiainan'ny tarika. Raha tsy misy ny fahatokiana sy ny fitokisana dia tsy afaka miasa ny tarika. Ny ekipan'ny mpitarika tsy mahatoky dia tsy maintsy hiafara amin'ny fifandirana lavareny. Ary ny fifandirana dia fomba azo antoka hahatongavana amin'ny tsi-fahombiazana. Ny fahatokiana, ny fihazonana ny teny nomena sy ny fitondran-tena mifanaraka amin'ny foto-kevitra dia hanentana ny olona hatoky mialoha ny mpitarika. Isaky ny manao asa maneho fahatokiana isika dia manamafy ny fototry ny fifampitokisana eo anivon'ny ekipan'ny mpitarika.

Ny olona dia tena mora tohina amin'ny fanaovana tsinontsinona ny fahatsapany, ny tsi-fanajana ny toky nomena, ny fivadihana amin'ny tsiambaratelo, ny tsi-fahitsiana sy ny

fitondran-tena tsy ara-drariny. Izany dia hanimba ny fatokisan'ny olona ny mpitarika. Indraindray dia azo arenina ihany ny fitokisana aorian'ny fandisoam-panantenana sy ny tsi-fahatokiana, saingy sarotra dia sarotra ny manao izany.

Ny manome fitokisana, fa tsy ny mitaky izany, no fomba tsara indrindra hanentanana ho amin'ny fitokisana. Ny fiezahana hahita lafiny tsara eo amin'ny hafa, ny fanampoizana ny tsara indrindra avy amin'izy ireo, ary ny fanehoana izany mazava dia hanana hery miasa mangina tsara eo amin'ireo mambran'ny ekipan'ny mpitarika. Kanefa ny fitokisana dia hoe mitsambiki-mikimpy. Ny fitokisana dia midika ho fahavononana hampivelatra ny fifandraisam-pitokisana sy fahitsiana na dia ekena aza fa mety hisy ny tsi-fahombiazana indraindray.

2.3.4.6 Fifandraisana tsara sy mampandroso eo anivon'ny ekipan'ny mpitarika

Ny ekipan'ny mpitarika dia tsy hoe vondron'olona miara-miasa noho ny kisendrasendra fotsiny. Eo amin'ny fitantanana ny fiangonana, ny mambra tsirairay ao amin'ny ekipan'ny mpitarika dia mahatsiaro tena ho tompon'ny ekipa sy ny heviny, ary mitoetra ho mahitsy manoloana ny ekipa izy na eo aza ireo filan'ny tsirairay. Mba hahafahan'ny olona maromaro mandrafitra ekipa iray dia ilain'izy ireo ny mamolavola karazam-pifandraisana mampandroso eo anivon'izy ireo. "Ao anatin'ny tarika iray dia tokony ho ny fiaraha-miasa no homen'ny tsirairay vahana, fa tsy ny fifaninanana na ny tombontsoan'ny tsirairay. Ny olona tsirairay ao anatin'ny ekipa dia tsy maintsy mino fa ny fiombonan'izy ireo no mahomby sy mahafa-po kokoa noho ny samy maka ho azy." (Follett, 51)

Ny fifandraisana tsara dia tsy maintsy aorina sy kolokoloina. Tokony hitombo ny fotoana iarahan'ireo mambran'ny ekipa mba hahafahan'izy ireo mifankafantatra. Ilain'izy ireo ny manana fahafahana mamosaka an-kalalahana ny heviny, mahatsapa ny fanekena azy amin'ny maha-izy azy, ary ny fisian'ny rivo-pifandraisana tsara eo amin'ny lafiny ara-pihetseham-po eo anivon'izany ekipa misy azy izany. Ny fahatsapana fa ireo mambra hafa ao amin'ny ekipa dia mitsinjo ny fifaliana sy ny filana eo amin'ny tsirariray ary ny momba ny fianakaviana sy ny toe-javatra manokana iainan'ny tsirairay, dia manome vahana ny fihatsaran'ny fifandraisana.

Ny mambran'ny ekipa dia mila mianatra miatrika ny fifanoharan-kevitra eo amin'ny sy ny fomba famahana izany amin'ny fomba mampandroso. Ny fahamatorana amin'ny fotoana ifanaovana sy ny fanatontosana ny adidy an-tsakany sy an-davany dia manampy ihany koa amin'ny fanomezana vahana ny firaisan-kinan'ny ekipa ary mampitombo ny karazam-pifandraisana ao anatin'ny fiaraha-miasa. Ny fanajana ny "fenitry ny ekipa dia mampisy fahatsapana lalina ny maha-anisan'ny ekipa, manohana ny fihatsaran'ny kalitaon'ny asa, ny fifanajana, sy ny fifampitsinjovana." (Follett, 51)

*****

Fizarana fahatelo: Ny lafiny maha-matihanina eo amin'ny fahaiza-mitarika kristiana

3.1 Ny kalitao sy ny fampandrosoana eo amin'ny fahaiza-mitarika kristiana

> “Ary ny zavatra rehetra omena anareo no hanateranareo ny fanatitra rehetra izay alaina ho an'i Jehovah, dia amin'izay rehetra tsara indrindra avy aminy, dia izay zavatra masina avy aminy.” Nomery 18:29
>
> *“Aoka ny tsirairay hanome fitiavana fa tsy hitaky. Kolokoloy izay toetra ambony indrindra ao aminao, ary aoka ho mailaka ianao hankasitraka ny fahatsarana ao amin’ny hafa. Ny fahatsapana ho ankasitrahana dia antony manosika mahavariana sady mitondra fahafaham-po lalina. Ny fiombonam-po sy ny fanajana dia manome vahana ny fiezahana hikatsaka ny tsara indrindra, ary ny fitiavana dia manetsika ny fikatsahana tanjona ambony.” (AH 107.3)*

Ny kalitao ambony indrindra no ankasitrahan’Andriamanitra. Ny filazantsara sy ny fitoriana azy dia resaka kalitao. Hatramin’ny fanombohan’ny Baiboly, tamin’ny namoronana ny Tany, dia nanana anjara toerana lehibe ny kalitao: “Ary hitan'Andriamanitra izay rehetra nataony, ary, indro, tsara indrindra izany.” (Gen. 1:31). Manerana ny tantaran’ny famonjena dia hita miharihary fa ny tsara indrindra no hany fenitra natao hotratrarina: ny biby tsara indrindra no fanao fanatitra, ny tsara indrindra amin’ny vokatra no aterina ho ampahafolony, ny fanompoana tsara indrindra no natao tao amin’ny tabernakely, Ilay manana ny voninahitra ambony indrindra – ny Zanak’Andriamanitra – no nanolotra ny ainy ho famonjena ny olombelona amin’ny fahotana. Jesosy Kristy mihitsy no tonga hanome ny “fiainana tsara indrindra.” Ny fahatsarana ambony indrindra ananan’ny filazantsara dia mametraka ihany koa fenitra hotratrarina eo amin’ny asan’ny fiangonana.

Ho an’ny zava-boahary izay sarobidy indrindra eo imason’Andriamanitra, ho an’ny taranak’olombelona izay nohajain’i Jesosy fatratra fony Izy teto an-tany, dia ny asa fanompoana tsara indrindra no hany fenitra hotratrarina. Noho izany, ny fahaiza-mitarika kristiana dia midika fanatanterahana asa amin’ny fomba tsara indrindra. Ny fanolorana izay latsaky ny tsara indrindra ho an’ireo olona izay vero ao anatin’ny fahotany dia mifanohitra amin’ny toetra sy ny votoatin’ny filazantsara.

Ny kalitao dia takian’ny zava-misy eto amin’ity tontolo pôstmôderina ity. Koa satria ny vaninandro misy antsika dia mamokatra zavatra faran’izay tonga lafatra ho an’ny mpanjifa (fiara, solosaina, kapila mangirana, hatramin’ny kôkômbra sy ny voatabia ary ny poara vita refy tsara), dia fahazaran’ny olona ny mandray zavatra manana kalitao ambony. Raha toa ka latsaka ambany ny kalitaon’ny fanompoam-pivavahana, ny ezaka fitoriana ny filazantsara, ny fanabeazana sy ny fanampiana ny hafa, dia hihena ny fahalianan’ny olona ary hahatsapa izy fa tsy matihanina ny asa atao.

3.1.1 Teôlôjia manana kalitao ambony

Ny fikirakirana ny Tenin’Andriamanitra, ny famakiana azy, ny fitoriana sy fanazavana azy dia andraikitra lehibe tokoa eo amin’ny fitarihana kristiana. Ny teôlôjia no mamaritra ny votoatin’ny foto-pinoan’ny mambran’ny fiangonana; izany dia mitaky dinga-mpivoaran’ny faharesen-dahatra ara-pivavahana manokana ho an’ny isam-batan’olona. Ny teôlôjia marim-pototra tsara dia manana an’i Kristy ho ivony ary milefitra eo anatrehan’ny fanambarana mazava nataon’Andriamanitra, ary mankatò Azy.

Faritan’ny apôstôly Paoly mazava izany teôlôjia marim-pototra izany, ka hoy izy: “Fa tsy nomen'Andriamanitra fanahy osa isika, fa fanahy mahery sy fitiavana ary fahononan-tena... Ary noho izany koa no iaretako izao zavatra izao, ka tsy menatra aho, satria fantatro Izay inoako, ary matoky aho fa Izy dia mahatahiry ilay zavatra natolotro Azy mandra-pihavin'izay andro izay. Tano amin'ny finoana ny ny fitiavana ao amin'i Kristy Jesosy ny mariky ny teny tsy misy kilema, izay efa renao

tamiko. Ilay zavatra tsara natolotra anao dia tehirizo amin'ny fampaherezan'ny Fanahy Masina, Izay mitoetra ao anatintsika.” (II Timoty 1:7, 12-14)

Ambaran’ny Baiboly fa takian’Andriamanitra amintsika ny haha-tompon’andraikitra antsika manoloana ny hafatra izay natao hotoriantsika: tsy misy tokony hampiana izany ary tsy mitsy tokony hanalana (Deotoronomia 4:2; Matio 5:17-19; Apôkalypsy 22:18,19), midika izany fa tokony ho am-pahitsiana no ianarantsika sy itoriantsika ny fahamarinana izay ambaran’Andriamanitra amintsika. Ny kalitao ambonin’ny teôlôjia dia midika fanoherana ny fakam-panahy hanaraka fotsiny izay lazain’ireo teôlôjiana hafa tiantsika na ankasitrahan’ny maro, fa tokony hanadihady lalina hatramin’ny fakany isika, ary handanjalanja tsara ny fanambarana rehetra, mba hanorenana teôlôjia manana ireo toetoetra voalaza ety ambony.

3.1.2 Kalitao ambony eo amin’ny famitana ny Iraka

Ny andraikitra hanasoa ny hafa sy ny ny fahafaha-manao voafetra dia mitaky kalitao ambony eo amin’ny famitana ny iraka. Marina fa ny vokatra no zava-dehibe indrindra ary ny filazantsara no zavatra tsara indrindra azo zaraina amin’olona iray. Kanefa ankehitriny dia nobeazina ny olona mba hijery koa ny fomba hanomezana ny fanomezana. Indraindray dia be kokoa ny ezaka atao amin’ny fanomezana endrika tsara ny vokatra, raha mitaha amin’izay atao mba hanatsarana ny vokatra. Midika izany fa ny fanomezana tsara indrindra – ny filazantsara – dia tokony haseho amin’ny olona amin’ny endrika manintona indrindra, mba hanokafana ny mason’izy ireo sy ny fony, ary mba hahatonga ny famonjena ho zava-mahatsiriritra azy. Noho izany, ny hetsika rehetra mifandraika amin’ny iraka dia tokony hanana ny kalitao ambony indrindra: ny famolavolana drafitr’asa, ny fandaminana, ny fanehoana, ny fanaraha-maso, sns. Dia tokony hanaraka ny fenitra ambony indrindra. Indraindray dia misy irika iray na roa ahafahana miantso ny olona iray hanapa-kevitra hanolotra ny fiainany ho an’i Kristy. Ny fanomanana tsara dia hanamora ny asa eo amin’ny fisarihana ny fahalianan’ny olona, ary ny fahatomombanan’ny fifandraisana ho fikolokoloana olona dia hampisy rivo-pifandraisana manome vahana ny fandraisana fanapahan-kevitra hanaiky an’i Kristy sy ny fiangonany.

3.1.3 Kalitao ambony eo amin’ny asa fanompoana

3.1.3.1 Ny fanompoam-pivavahana sy ny kalitao

Ny tsara indrindra azontsika atolotra eo amin’ny fanompoam-pivavahana dia ny fiainantsika mifanaraka amin’ny filazantsara izay torintsika. Ny singa rehetra eo amin’ny fanompoam-pivavahana dia tokony homanina fatratra mba hahatonga izany hirindra tanteraka ary hifanaraka amin’ireo filana samihafa ananan’ny mpivory. Ny fiarahabana, ny hira, ny vavaka, ny toriteny, sy izay rehetra atao mandritra ny fanompoam-pivavahana dia tokony ho amin’ny kalitao ambony indrindra izay tratra eo amin’ny votoatiny, ny fanehoana azy sy ny fanabeazana entiny. Tokony ho izay tsara indrindra azontsika atolotra no hatao amin’izany.

3.1.3.2 Ny asa fanompoana sy ny kalitao

Ny fandaminana, ny famangiana, ny fikolokoloana, sns. Ny sehatr’asa rehetra eo amin’ny fiangonana dia tokony hahitana taratra ny kalitao. Mety hisy olona hilaza fa tsy afaka hitaky zavatra be loatra amin’ny olona isika ary tsy azo tratrarina ny tsara indrindra mandrakariva. Ary marina fa tsy irina ny hahasasatra loatra ny mpiara-miasa. Kanefa tsarovy fa ny orinasa tsara indrindra dia ireo izay malaza noho ny fitohizan’ny kalitaon’ny vokatra avoakany. Ary satria ny fiangonana dia mihoatra lavitra noho ny orinasa, dia iza moa no hanome zavatra hafa ho an’ny olona izay tena tiany ankoatra ny tsara indrindra?

3.1.3.3 Ny fahaiza-mitarika sy ny kalitao

Ny fivorian'ny kômity sy ny fiangonana dia tokony hanana ny kalitao ambony indrindra ihany koa. Ny olona dia mambran'ny fiangonana satria izany no safidy noraisiny an-kalalahana. Ny hany zavatra afaka mihazona azy ao amin'ny fiangonana dia ny kalitao ambony ananan'ny fitiavana izay manjary hita maso amin'ny alalan'ny fifandraisana sy ny kalitao ambony ananan'ny asa fanompoana sy ny teôlôjia.

Noho izany dia fahendrena ny manolotra ny tsara indrindra ho an'ny mpandray anjara rehetra. Ny fivoriana dia tokony homanina tsara, ny fifanakalozan-kevitra dia tokony hahatratra ny tanjona kendreny, ny fandaharana dia tokony hahaliana ary ny vokatra nokendrena dia tokony ho hita maso. Tsy misy ankoatra izany mety hisarika ny safidin'ny olona hanatrika ny fivorian'ny fiangonana.

3.1.4 Kalitao ambony eo amin'ny raharahan'ny fiangonana

Fahaiza-mikaroka, fanavaozana sy kalitao. Ny fihazonana kalitao ambony eo amin'ny asan'ny fiangonana dia mahafaoka koa ny fahaiza-mikaroka sy ny fanavaozana. Mahafinaritra ahy mandrakariva ny mitsidika ireo toeram-bakoka. Mahavariana ny mijoro eo amin'ireo toerana izay ahitana vato efa nisy an-jato sy an'arivo taona sy ny mieritreritra fa nisy olona nahavatra nanorina ireny trano mahazendana ireny. Avy eo dia misy fanontaniana hafa tonga ao an-tsaiko: nahoana no rava ireny fanorenana nanana ny naha-izy azy ireny? Noho ny tsi-fisian'ny olona manana fahaiza-mikaroka sy fahafahana manavao no nahatonga ireny sanganasa ireny ho vakoka sisa.

Toy izany koa eo anivon'ny fiangonana. Ny fiangonana sasany dia manapariaka rivo-pifandraisana mientana, mafana, mamoron-javatra vaovao izay mahatamana tokoa, ary misy kosa ny fiangonana sasany izay manome fahatsapana ho toy ny hoe nijanona ny fotoana efa an-taonany maro izay: ny rindrina dia tsy niova fa efa tranainy be, ny fanaingoana dia efa am-polo taonany no nisiany teo, ny fandaharana dia izay efa nahazatra hatrizay ihany. Ny fiangonana miaina sy mitombo dia ho hita fa manana fahaiza-mikaroka.

Ilaina ny mampiditra zava-baovao tsindraindray eo amin'ny fiainam-piangonana. Tsy misy zavatra mahomby kokoa noho ny fampidirana singa vaovao (mampandroso) amin'ny fanompoam-pivavahana. Tokony hanana fahatsapana ny olona fa maty antoka izy raha vao tsy tonga any am-piangonana. Tokony hientanentana izy hamonjy ny fotoana amin'ny Sabata manaraka, tokony ho am-pifaliana no iandrasany ny fandaharana ho avy. Ny fahaiza-mikaroka dia toetra mampiavaka ny filazantsara sy ny iraka nankinina tamintsika. Mahafaly ahy mandrakariva ny mamaky ny andalan-teny iray ao amin'ny filazantsara nosoratan'i Jaona izay milaza ny amin'ny fihaonan'i Jesosy tamin'ilay vehivavy Samaritana teo amin'ny fantsakan'i Jakoba (Jaona 4). Fomba hafakely tokoa no nampiasain'i Jesosy hamaboana ity vehivavy ity ho amin'ny fiainana mandrakizay!

Ny singa iray mampisy kalitao eo amin'ny asan'ny fiangonana dia ny fanavaozana. Misy olona izay mitandrina dia mitandrina mihitsy eo amin'io lafiny io – ary mety sady tokony hatao izany. Kanefa, na dia marina aza fa ny fiangonana dia nantsoina hitory ny filazantsara mandraikzay avy amin'ilay Andriamanitra izay tsy miova mandrakizay, dia mitaky fanovana mandrakariva ny fitoriana ny filazantsara sy ny fisahanana ireo filana samihafa raha tiana hifanentana amin'ny mpino izany.

Kalitaon'ny fivoarana sy ny fitomboana. Amin'ny fomba mahavariana tokoa no ahitana ny fitrangan'izany teo amin'ny tantaran'ny fiangonana. Ny Fanavaozana ara-pivavahana, ny Pietisma, ny Metôdisma, ny Advantisma, sns. ireny fihetsehana ara-pivavahana rehetra ireny dia nitarika ho

amin’ny fahatakarana lalina kokoa ny Tenin’Andriamanitra sy ho amin’ny fifandraisana ety kokoa eo amin’ny mpino sy ilay Andriamanitra Mpanavotra. Ara-teôlôjia, ny taona 1888 dia kihon-dàlana teo amin’ny fahatakarana fa ny *fanamarinana amin’ny finoana* dia ivon’ny maha-izy ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito. Nandritra ny tapany faharoa tamin’ny taon-jato faha-20 ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito dia nahatakatra lalindalna kokoa ny faminaniana sy ny fitoerana masina ary ny Fanahin’ny Faminaniana.

Ny fivoarana sy ny fitomboana dia tsy vokatry ny famerenana fotsiny izay efa voalaza hatramin’izay, fa vokatry ny fomba fisainana vaovao izay mihaika ny fiangonana indraindray. Noho ny fiorenana tamin’ny Tenin’Andriamanitra, tao anatin’ny toe-tsaina matotra ara-panahy, ary noho ny fiezahana hahay hifanaraka, dia azo notanterahina ny fitomboana ary azo natao ny nandroso ho amin’ny fahatakarana mivelatra kokoa ny teôlôjia sy ny iraka ary ny antom-pisian’ny fiangonana, ary ny nanorina fototra mafy sy tsara kokoa ho an’ny foto-pinoan’ny fiangonana.

Ny mpitarika no olona miandraikitra ny fampitodihana ny fahaiza-mikaroka ao amin’ny fiangonana. Izy ireo koa dia tokony ho “milina mpamokatra hevi-baovao” ary tokony hanome vahana ny fahaiza-mikaroka eo amin’ny isam-batan’olona sy ny fiangonana.

Ny hany fenitra hotratrarina dia ny fanomezantsika ny tsara indrindra ho an’ilay Andriamanitra fitiavana, ho an’ny fiangonana malalantsika, ho an’ireo olom-bery, sy ho an’ny fiaraha-monina mamintsika, raha toa ka misongadina izany eo amin’ny: fahaiza-mitantana eo amin’ny famolavolana drafitr’asa, ny fahombiazana ambony indrindra, ny fanaovana tombana am-pahitsiana ny amin’ny asa vita, toy ny toriteny, ny teôlôjia, ny endrika fanompoam-pivavahana tranainy na vaovao, sns. izay mitarika ho amin’ny fanovana mampandroso. Ary izany rehetra izany dia atosiky ny faniriana hanompo ny Tompo sy ny taranak’olombelona amin’ny fomba tsara kokoa hatrany.

*****

3.2 Fitantanana miompana tanteraka amin’ny famitana ny Iraka

“Iza moa no mpanompo mahatoky sy manan-tsaina, izay notendren'ny tompony hifehy ny mpanompony mba hanome azy hanina amin'ny fotoana? Sambatra izany mpanompo izany, raha avy ny tompony ka hahita azy manao izany.” (Matio 24:45,46)

“Ny fampandrosoana ny asan’Andriamanitra dia mitaky ny firotsahan’an-tsehatry ny olona manana tanjaka ara-môraly eo ambony. Ny olona ilaina dia izay manana fahavitriana masina ao am-pony, olona manana fahatapahan-kevitra matanjaka ka tsy mora hozongozonina, olona afaka mamoy ny tombontsoan’ny tenany ary manolotra ny zavatra rehetra noho ny amin’ny hazofijaliana sy ny satroboninahitra nampanantenaina... Andriamanitra dia minantso olona tsara fo, olona manan-tsaina, olona mahitsy ara-môraly, olona afaka anankinana ny fahamarinana, ary olona haneho araka ny tokony ho izy ny foto-kevitra masina eo amin’ny fiainany andavanandro.” Testimonies, vol. 3, p. 23.

Tsarovy ny famaritana ny atao hoe fahaiza-mitarika: Ny fitantanana dia singa iray mandrafitra ny fahaiza-mitantana fotsiny, ary tsy mitana ny toerana voalohany. Raha ny marina, ny fahaiza-mitantana dia ny lafiny ara-pandaminana sy ara-pitantanana eo amin’ny fitondrana fiangonana sy fampandehanana ny raharahany hifanaraka amin’ny vina. Na izany aza, ny fahombiazana dia miankina be dia be amin’ny fomba fiasa matihanina eo amin’ny fitantanana ny fiangonana.

3.2.1 Fitantanana ny andraikitra

Ny toetra mampiavaka ny fitantanana kristiana dia ny fifantohany amin'ny andraikitra: andraikitra eo anatrehan'Andriamanitra, andraikitra eo anatrehan'ny fiangonana eo an-toerana sy ny mambra ao aminy, andraikitra eo anatrehan'ny fiangonana maneran-tany, andraikitra eo anatrehan'ny Pasitora eo an-toerana sy ny ekipan'ny mpitarika.

Ny fitarihana mahomby dia refesina amin'ny fahavitan'ny mpitarika kristiana mampiditra ireo sehatr'andraikitra samihafa eo amin'ny asany sy ny fahafahany manavaka am-pahendrena ny andraikitry ny tenany manokana sy ny andraikitra zaraina amin'ny hafa.

Ny fahadisoana mateti-pitranga eo amin'ny fitarihana dia ny faminrana ny andraikitra izay tokony ho an'ny tena. Izany dia mazàna mitarika tsi-fahombiazana noho ny fikorontanana misy vokatry ny fifanindrin'asa. Mba hisorohana izany dia tokony ho fantatry ny mpitarika kristiana sy hohajainy ireo ambaratongan'andraikitra samihafa. Arakaraka ny mahambony ny andraikitra no maha-mahafaoka be azy.

Ambaratonga efatra no voaporofo fa mahomby eo amin'ny fomba fiasan'ny fiangonana eo an-toerana:
Ambaratonga voalohany: fiandraiketana ny fanatanterahana asa. Ambaratonga faharoa: fiandraiketana ny tetik'asa. Ambaratonga fahatelo: fiandraiketana ny sampana. Ambaratonga fahefatra: fiandraiketana ny fiangonana amin'ny ankapobeny (fitarihana ny fiangonana eo an-toerana).

3.2.2 Fitantanana ny mpiasa

Sehatra iray saro-pady eo amin'ny fitantanana ny momba mpiasa. Ao anatin'izany ny fihazonana ny mambra ho sambatra sy mavitrika, ny fampivoarana sy fihazonana ny fandrosoan'ny asan'ny ekipan'ny mpitarika sy ny fikolokoloana ny fifandraisana amin'ireo olona liana mba hitaomana azy ireo ho ao am-piangonana – ny fitantanana ny mpiasa dia singa iankinan'ny fahombiazan'ny asa fanompoana ataon'ny fiangonana, satria raha tsy misy olona dia tsy misy ny fitarihana ary tsy misy ny fiangonana.

Maro dia maro ireo orinasa izay mahatsapa fa ny fikolokoloana ny fahasalamana ara-batana sy ara-tsain'ny mpiasa dia mampahomby kokoa ny asa atao. Tsy milaza aho hoe andeha hanangana ivon-toerana fikolokoloam-batana isam-piangonana isika, saingy ny mpitarika kristiana mahomby dia mahatsapa ny andraikiny manoloana ireo filana ara-pahasalamana ananan'ny mpiara-miasa aminy.

Na i Jesosy aza dia niresaka momba izany lafiny izany tamin'ny fampianarana faramparany nataony teto an-tany: "Iza moa no mpanompo mahatoky sy manan-tsaina, izay notendren'ny tompony hifehy ny mpanompony mba hanome azy hanina amin'ny fotoana? Sambatra izany mpanompo izany, raha avy ny tompony ka hahita azy manao izany." (Mat. 24:45,46) Ary tamin'ny toe-javatra hafa dia hoy i Jesosy tamin'ny mpianany: "Ary hoy Jesosy taminy: Avia ianareo hitokana any an-tany foana, ka mialà sasatra kelikely" (Mk. 6:31)

Ny mpitarika hendry dia hitantana am-pahamalinana fatratra ny olona miasa ao amin'ny fiangonana. Midika izany fa ilaina ny mitsinjo ny fotoam-pialan-tsasatry ny mpiara-miasa sy ireo mambra rehetra miasa ao amin'ny fiangonana. Indraindray dia ilain'ny mpitarika fiangonana ny misoroka ny fanasarana be loatra ireo mambra mavitrika, satria raha mitohy maharitra izany dia hanjary hihena ny fahombiazan'izy ireo.

3.2.3 Fitantanana ny fahalalana sy ny fampahalalam-baovao

Eo amin'ny fahaiza-mitarika kristiana dia zava-dehibe noho ny any amin'ny sehatr'asa hafa rehetra ny fitantanana ny fahalalana sy ny fampahalalam-baovao. Ny fahamarinan'Andriamanitra momba ny famonjena no manosika ho amin'ny fanompoana ary ny hafatr'Andriamanitra momba ny fiantsoana handray ny famonjena no tokony hampitaina. Izany dia mitaky ny fenitra ambony indrindra eo amin'ny fahitsiana sy ny fahafenoana ary ny fahamarinan'ny fampitan-kafatra.

Ny fahaizana mampita hafatra. Fahadisoan-kevitra ny mieritreritra fa ny fomba fampitan-kafatra tsara indrindra dia ny mampita ny hafatra REHETRA amin'ny mambran'ny fiangonana, dia avy eo avela hanapa-kevitra izy ireo. Tsy azo tanterahina izany ary tsy hitondra fahombiazana. Ny fitobahan'ny hafatra be loatra, ny tsy fahampian'ny fototra iorenan'ny hafatra sy ny tsy fahampian'ny fanofanana dia mazàna mahatonga ny hafatra ampitaina ho tsy voaray. Ny hafatra ampitaina dia tokony ho (a) mazava, (b) mangarahara, (d) mahakasika ny rehetra ary (e) marina.

Loharanom-baovao. Ny mpitarika kristiana dia tokony hanorina fomba maty paika fanangonam-baovao ary tokony hampita izany araka ny tokony ho izy amin'ny mpino. Tsy midika izany fa tokony horarana ny fahafahana mahalala vaovao – fametsifetsena no anaran'izany. Ny anjara asan'ny mpitarika kristiana havanana dia ny mampita vaovao amin'ny fiangonana, ny mampianatra ny fiangonana hoe aiza sy oviana ary amin'ny fomba ahoana no hahazoana ny vaovao tsara indrindra. Fanabeazana no atao mba hampirisihana ny mambran'ny fiangonana amin'ny alalan'ny ohatra aseho hisafidy ny loharanom-baovao kristiana manana kalitao ambony fa tsy ny loharanom-baovao ivelan'ny fiangonana, loharanom-baovao matotra sy azo antoka fa tsy gazety sy fandaharam-pahitalavitra maivamaivana.

Vaovao manome vahana ny fifandraisana tsara sy ny fandaminana. Ny fiangonana dia manan-jo hahalala ny vaovao mikasika ny fandrosoana miseho rehetra eo amin'ny fiainan'ny fiangonana eo an-toerana sy ny fiangonana maneran-tany, na fandrosoana ara-teôlôjia izany, na momba ny fitoriana ny filazantsara, na momba ny fandaminana sy izay vaovao mahakasika ny fiainana andavanandro. Ny fahazoam-baovao, ny fivavahana ho an'ny hafa sy ny fanohanana ireo tetik'asa samihafa dia hanamafy orina ny fahatsapana ho anisan'ny fianakaviam-ben'ny fiangonana. Tokony homen'ny mpitarika ny fiangonana toerana manokana ny vaovao rehetra avy any amin'ny Federasiona.

Fampandrosoana tsy tapaka ny seha-pahalalan'ny fiangonana. Noho ny fifanakalozam-pahalalana eo amin'ny mambran'ny fiangonana dia mazàna izy ireo no mahatsapa ho toy ny mamantatra tontolo vaovao. Ny famangiana fiangonana hafa, ny fitsidihana toerana manan-tantara teo amin'ny vanim-potoan'ny Baiboly sy ny fiainan'ny fiangonana, na ny fandraisana anjara amin'ny fivoriam-be iraisam-pirenena dia manokatra fomba fijery vaovao ho an'ny mambran'ny fiangonana. Ny mahafinaritra dia ny fanombohan'ny fomba fijery vaovao sy fomba fiasa vaovao eo amin'ny mambra manoloana ireo singa fototra eo amin'ny fiainam-piangonana.

3.2.4 Fitantanana ny fotoana

Ny foto-kevitra advantista momba ny fotoana. Ny Sabata dia antony mahatonga ny Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito hanana fomba fijery manokana momba ny fotoana izay hafa noho ny fomba fijerin'izao tontolo izao. Ny mpandraharaha dia mino fa "ny fotoana dia vola", ireo fivavahana mino ny fiovan'endriky ny olona maty dia mihevitra fa "ny fotoana dia tsy misy vidiny," ny kristiana kosa – ary miavaka amin'izany ny Advantista – dia manana foto-kevitra tsara noho izany momba ny fotoana. Ho an'ny kristiana advantista, ny fotoana dia singa iray manan-danja iankinan'ny kalitaom-piainana, ny fotoana dia manana ny toerany sy ny tombam-bidiny ambony ary fanomezana avy amin'Andriamanitra.

Raha niresaka momab ny maha-ambony indrindra ny fanjakan'Andriamanitra i Jesosy, dia nambarany fa na dia amin'izao fiainana izao aza dia fikazany ny hanan'ireo mpanara-dia azy fiainana tsara kokoa: "Izaho avy mba hananany fiainana, sady hananany be dia be." (Jaona 10:10) "Hoy Jesosy: Lazaiko aminareo marina tokoa: Tsy misy olona efa nahafoy trano, na rahalahy, na anabavy, na reny, na ray, na zanaka, na tany, noho ny amiko sy ny filazantsara, ka tsy handray zato heny amin'izao andro ankehitriny izao-dia trano sy rahalahy sy anabavy sy reny sy zanaka sy tany mbamin'ny fanenjehana-ary amin'ny andro ho avy dia fiainana mandrakizay." (Marka 10:29, 30)

Mifandray amin'izao fiainana izao dia misy lafiny hafa koa eo amin'ny fotoana – ny fiainana mandrakizay. Raha ny marina, ho an'ny kristiana advantista dia tsy misy fetra ny fotoana, satria aorian'ny fiafaran'izao fiainana izao dia hisy ny fiainana mandrakizay. Ny lafiny maha-mandrakizay ny fotoana dia mitaona ho amin'ny fampiasana am-pahamatorana ny fotoana sy hankasitraka lalina ny fananana ny ora tsirairay ao anatin'ny andro amin'ny maha-fanomezana omen'Andriamanitra ny tsirairay azy.

Fitantanam-potoana amin'ny fomba matihanina. Ny mpitarika krsitiana dia mikendry fenitra ambony eo amin'ny fitantanana ny fotoana. Isika tsirairay dia manana 24 ora iainana isan'andro. Ny ampahany amin'izany fotoana izany dia atokantsika hanaovana ny asan'ny fiangonana. Ny mpitarika dia hampiasa izany fotoana izany amin'ny fomba mahomby indrindra azo atao.

Ny mpitarika fiangonana dia tompon'andraikitra amin'ny fotoanan'ny fiangonany. Momba ny hetsiky ny fiangonana dia misy fanontaniana vitsivitsy izay afaka hanampy amin'ny fampiasana ny fotoana sy hitarika ho amin'ny fanitsiana mety hilaina:

- Manao ahoana ny habetsahan'ny fotoana ampiasain'ny fiangonana amin'ny fikolokoloana sy fanampiana?
- Manao ahoana ny habetsahan'ny fotoana ampiasaina amin'ny famahana olana?
- Manao ahoana ny habetsahan'ny fotoana ampiasaina amin'ny fomba vaovao anatanerahana ny asa fitoriana?
- Manao ahoana ny habetsahan'ny fotoana atokana ho amin'ny fitomboana ara-panahy sy ara-teôlôjia ho an'ny mambra sy ireo olona liana?

Ny fotoana dia manana anjara asa lehibe koa eo amin'ny fifandraisana amin'ireo olona liana. Misy ny fotoana izay mampisokatra azy ireo amin'ny filazantsara, ary misy ny fotoana izay mahasarotra ny fanatonana olona sasany. Ny mpitarika mahomby dia hamolavola fomba fifandraisana voalanjalanja fatratra eo amin'ny fampiasana fotoana ary hanampy ny mambran'ny fiangonana mba hampiasa am-pahombiazana ny fotoana azo araraotina hitoriana ny filazantsara.

Mazàna dia mitaraian ny mambran'ny fiangonana noho ny fisian'ny fotoana very. Indro misy soso-kevitra momba ny fitantanam-potoana mandritra ny fivorian'ny Kômitim-piangonana izay manome vahana ny fitoriana ny filazantsara.



Raha mila fanazavana fanampiny dia izahao ny : Seventh-day Adventist Church Manual, Ed. 2000, p.81.



(Raha te hahalala misimisy kokoa momba ny fitantanam-potoana ianao dia izahao ireo boky nakan-kevitra)

3.2.5 Fitantanana ny hetsika

Mifamatotra akaiky amin'ny fitantanana ny fitoana ny fitantanana ny hetsiky ny fiangonana. Manoloana ny fahamaroan'ireo hetsika mahasoa sy mahaliana ataon'ny fiangonana dia ilaina ny mamerina mandinika tsindraindray ny fahombiazan'izany sy ny fampifantohana azy amin'ny tanjona iraisana.

Tsy mahasoa amin'inona na inona raha toa ka manatanteraka hetsika zato ny fiangonana kanefa izany hetsika izany dia mifaninana hisarika ny olona ao amin'ny fiangonana. Ny fandinihana indray sy ny fanefena fifandraisana vaovao eo amin'ireo tetik'asa samihafa sy ny hoenti-manana eo amin'ny fotoana, ny olona sy ny vola dia hahatonga ny fiangonana hahomby kokoa ary hahavita fahagagana.

3.2.6 Fitantanana ny fanapahan-kevitra

Ny fitarihana fiangonana dia mitaky fanapahan-kevitra maro. Ny sasany amin'izany dia tsy maintsy horaisin'ny mpitarika mivantana, ny ankamaroany dia horaisin'ny kômitin'ny fiangonana sy ny fiangonana. Ary koa, ny fitoriana ny filazantsara sy ny famitana ny iraka dia mifamatotra ety amin'ny dingan'ny fanapahan-kevitra izay raisin'ireo olona liana.

Eo amin’ny fiaraha-miasa anatina ekipan’ny mpitarika dia saro-pady ny dingana fandraisana fanapahan-kevitra ary tokony ho fantatry ny mpitarika fa arakaraka ny mahamaro ny olona voataonany handray anjara amin’ny dingana fanapahan-kevitra no mahabe ny fanohanana izany avy amin’ny fiangonana. Ny fampahafantarana ny olona ny momba ny tetik’asa, ny fangatahana torohevitra sy fanitsiana dia hampitombo ny fanohanana.

3.2.7 Fitantanana ny fifandirana

Fiatrehana ny fifandirana. Ny didin’Andriamanitra ny amin’ny firaisan’ny mpino dia tanjona tena azo ampiharina. Hatramin’ny famoronana dia fikasan’Andriamanitra ny hizoran’ny fifandraisana ao anatin’ny firindrana. Kanefa ny fahotana dia nanova tanteraka ny fifandraisan’ny voahary. Ny fahotana dia nanova ny fifandraisan’i Adama sy Eva tamin’Andriamanitra ary nanova ny fifandraisan’i Kaina tamin’i Abela izay novonoiny. Ny ady dia zava-misy mampalahelo eo amin’ny fiainan’izao tontolo izao. Fanomezana sarobidy tokoa no nomen’i Jesosy ho an’ireo mpanara-dia Azy, nasongadiny manokana fa ny finoana dia mitaky toe-tsaina vonona handamina ny fifandirana, izany no hampisy ny firaisana. Raha ny marina, ny hafatr’Andriamanitra dia hafatra fampihavanana ny olona amin’Andriamanitra sy fampihavanana ny olona samy olona.

Averimberin’ny Baiboly matetika fa ny fihavanana dia tsara sady ilaina mihitsy eo amin’ny fiainan’ny mpino: “Fa hafaliana no amin'izay misaina fiadanana.” (Ohab. 12:20) ary “Andriamanitra efa niantso antsika amin'ny fihavanana.” (I Kor. 7:15). Ny fanavotana dia midika fandravonana ny fandrafiana an’Andriamanitra, fiverenana ho amin’ny fifandraisana mirindra amin’Ilay loharanon’ny fiainana. “Koa amin'izany, satria efa nohamarinina tamin'ny finoana isika, dia aoka isika hanana fihavanana amin'Andriamanitra amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompontsika.” (Rom. 5:1)

Inona ireo loharanon’ny fifandirana ao amin’ny fiangonana? Nanoso-kevitra i McSwain sy Treadwell fa antony efatra no mahatonga ny fifandirana ao amin’ny fiangonana: (1) fifandirana vokatry ny fihetsika, (2) fifandirana vokatry ny foto-kevitra, (3) fifandirana vokatry ny fihetseham-po, ary (4) fifandirana vokatry ny fifandraisana (McSwain & Treadwell 1997,17). Na dia mifamatotra ety aza ireo lafiny ireo dia tsara ny mamantatra ny tena loharanon’ny fifandirana mba hahafahana mitady vahaolana.

Ny telo ampaha-efatry ny fifandirana dia vokatry ny fifanoherana madinika. Na izany aza, ny ampahany betsaka amin’ny fifandirana dia vokatry ny tsi-fahatomombanan’ny fifandraisana. Rehefa

fantatra izany dia manjaray azo sorohina ny ankamaroan'ny fifandirana. Izany dia maneho ny maha-zava-dehibe ny fifandraisana, ny fampisiana rivo-pifandraisana mivelatra, mahitsy sy mirindra eo anivon'ny fiangonana. Ny fifandraisana tsara dia afaka miaro amin'ny tahotra sy ny fanoherana ary hanorina fifampitokisana.

Ny fihetsika sy ny fihetseham-po, izay loharanom-pifandirana ihany koa, dia sarotra atrehina satria mazàna dia tsy hita maso izany ary indraindray dia tsy tsapan'ny olona akory ny momba izany. Kanefa tsy tokony hahakivy izany. Izy ireo dia samy afaka mitondra fiovana mampandroso.

Farany, ny fifandirana vokatry ny foto-kevitra no tena sarotra atrehina indrindra satria miainga avy amin'ny faharesen-dahatra lalina izany, izay tsy mora ny manova azy ary tsy mora ny ahitana marimaritra iraisana momba izany, anisan'izany ny teôlôjia, ny filôzôfia manokana momba ny fiainana, sns. Rehefa ny votoatin'izany no voakasika dia mety hiteraka fisarahana lehibe eo amin'ny olona mihitsy. Azo atao anefa ny mandanjalanja izany mba hahatongavana amin'ny famahana ny olana.

Inona no azon'ny mpitarika kristiana atao handaminana ny fifandirana, na fara-faharatsiny mba hahafahana miara-monina ao anatin'ny fiangonana? Misy dinana vitsivitsy izay mety hanampy amin'ny toe-javatra toy izany:

1. Tsinjovy mialoha ny fifandirana mety hitranga ary ezaho sorohana izany

   Ny fahatakarana ny toe-javatra mananontanona fifandirana dia hanampy amin'ny fisorohana izany. Aleo misoroka toy izay mitsabo.

2. Ataovy izay hahatsapan'ny olona ny fisian'ny olana

   Mialoha ny hanombohana ny ezaka fandaminana fifandirana dia ilaina ny manao izay hahatsapan'ireo olona voakasik'izany fa misy ny olana. Raha tsapan'izy ireo ny fiitaran'ny vokatry ny fifandirany eo amin'ilay "rafitra antsoina hoe fiangonana" dia mora kokoa ny fiarahana mikaroka vahaolana.

3. Manaova fifanakalozan-kevitra "an-databatra boribory" miaraka amin'ireo olona voakasika

   Raha toa ka azon'ny an-daniny sy an-kilany atao ny manampò fahitsiana, rariny ary fahatokiana avy amin'ny mpitarika dia harisika kokoa izy ireo handray anjara amin'ny ezaka famahana ny olana. Ary raha toa ny fifanalalozan-kevitra ka mifantoka amin'ny tanjona iombonana dia ny fikatsahana vahaolana sy ny fialana amin'ny fifikirana amin'ny lasa sy ny olana ankehitriny, dia afaka ny ho voavaha tokoa ny olana.

4. Mikaroha tetik'asa iombonana mba hisian'ny vokatra tsara

   Rehefa hita ny vahaolana iombonana dia ilaina ny manohy izany fifanatonana izany amin'ny alalan'ny fiaraha-miasa sy fifandraisana mampandroso. Ny fananana tanjona manentana iray dia hanampy amin'ny fampifanantonana ny an-daniny sy ny an-kilany. Ao anatin'ny asa fanaraha-maso dia ilaina ny mikolokolo ny fihatsaran'ny fifandraisana mba hanamafy orina ny fifankahazoana eo anivon'ny fiangonana.

5. Aza miraviravy tànana na oviana na oviana

Ny firaisam-pon'ny fiangonana dia maha-sarotiny mandrakariva ny mpitarika kristiana mahomby. Mety ho ilaina aza ny hampihatra fomba fiasa vaovao amin'ny vahaolana vonjimaika sasany, ary mety ho ilaina ny mamoy tetik'asa sasany, kanefa ny tanjona fara-tampony dia firaisam-po sy ny fiaraha-monina mirindra eo anivon'ireo olona samihafa ao amin'ny fiangonana.

Ilaina ny mpanelanelana. Ankehitriny dia ilain'ny fiangonana mihoatra noho ny tamin'ny lasa rehetra ny mpanelanelana mba hampifanantona ny olona. Ny fitomboan'ny fatokian-tena sy ny toe-tsaina miolonolona sy ny rarin-tsaina izay tsy azo ialana izay atrehina eo amin'izao fiaraha-monina pôstmôderina izao dia tany lonaka ho an'ny fifandirana. Ny filofosana hampanjaka ny firaisam-po eo anivon'ny fiangonana dia hanome safidy tsara kokoa noho izay hita eo amin'ny fiaraha-monina misy antsika, ary ny ho vokatr'izany dia fahombiazana eo amin'ny asa fitoriana. Ny mpitarika kristiana havanana dia hahatakatra ny maha-zava-dehibe ny firaisam-po ary hanao izay hisian'ny fahazarana tsara momba izany firaisam-po izany eo anivon'ny fiangonana misy azy amin'ny alalan'ny fanendrena sy fanohanana olona izay afaka ny ho mpanelanelana. (Eo amin'ny tontolo ivelan'ny fiangonana dia ankasitrahana betsaka ny fisian'ny mpanelanelana mba hamahana ny fifandirana eo anivon'ny toeram-piasana, na amin'ny fisaraham-panambadiana, sns.)

3.2.8 Fitantanana ara-bola

Eo amin'ny fahaiza-mitarika kristiana miorina amin'ny vina dia tsy tokony ho ny vola no hanana ny toerana voalohany. Ny tontolo misy antsika dia manome toerana ambony ho an'ny vola, hany ka sarotra ho an'ny fiangonana ny manohitra izany fironana izany. Mila vola fanorenana fiangonana, ny fikojakojana, ny herin'aratra, ny fitoriana ny filazantsara, sns. Kanefa ny mpitarika hendry dia tsy hamela na oviana na oviana ny vola hisongona ny vina sy ny iraky ny fiangonana.

Ny fahombiazana mampitolagaga teo amin'ny asan'ireo mpamakilaintsika – izay miseho koa eo amin'ny fitomboan'ny Fiangonana Advantista haingana any amin'ny faritra sasany eto amin'izao tontolo izao – dia vokatry ny fametrahan'izy ireo ny iraka ho amin'ny toerana voalohany, izay vao manaraka ny ara-bola. Raha toa ny ekipan'ny mpitarika ka mametraka ny fanontaniana hoe: "Inona no tiantsika hatao/ilaintsika hatao/tokony hataontsika?", dia azo antoka fa hahita fomba hamatsiana ara-bola ny tetik'asany izy. Fa raha toa ny fanontaniany voalohany ka ny hoe: "Manam-bola hanaovana ity tetik'asa ity ve isika?" dia efa maty dieny mbola tsy nanomboka ilay tetik'asa.

Tsy milaza aho hoe tsy manan-danja ny lafiny ara-bola. Tena manana ny lanjany tokoa ny ara-bola. Ao amin'ny Baiboly dia omen'Andriamanitra antsika ny rafitra tsara indrindra hanohanana ara-bola ny fiangonana, dia ny ampahafolony sy ny fanatitra. Noho izany dia andraikitry ny mpitarika ny manentana ho amin'ny fahatokiana sy fahavitriana amin'ny fanohanana ara-bola eo anivon'ny fiangonana. Miaraka amin'ny asa mahatalanjona ataon'ireo miasa an-tsitrapo dia tena "mahafindra tendrombohitra" izany.

Ny vola dia fitaovana ihany, hoenti-mamita asa, ary natao hitondra antsika ho amin'ny fanantanterahana vina lehibe sy feno fahasahiana izay teraka tao an-tsain'ireo mpitarika ary nampitaina tamin'ny fiangonana sy latsaka ao am-pon'ny fiangonana. Noho izany dia ilaintsika ny mamaritra ny fomba handaniana ny vola. Mety hanampy ny fanontaniana toy ny hoe:

- Ohatrinona no vola lany isan-taona amin'ny fihazonana ny fihodinan'ny raharaham-piangonana?
- Ohatrinona no vola ampiasaina amin'ny famitana mivantana ny iraka?

- Moa ve ampy ny vola atokana ho an'ireo laharam-pahamehana eo amin'ny fiangonana? (mety ho ny fitoriana ny filazantsara sy ny famitana ny iraka izany)
- Moa ve hita taratra eo amin'ny fitantanana ny hoenti-manan'ny fiangonana ny maha-laharam-pahamehana ny finoana sy ny famitana ny iraka?

3.2.9 Fitantanana ny fitaovana materialy

Ny farany, kanefa tsy ny kely indrindra: ny fahombiazana eo amin'ny fitarihana kristiana dia refesina amin'ny fahombiazan'ny mpitarika sy ny ekipany eo amin'ny fitantanana ny fitaovana materialin'ny fiangonana. Ilain'ny fiangonana ny manana ny kojakoja eo amin'ny toerana tsara indrindra tokony hisy azy. Ny toeram-pivavahana dia milaza zavatra betsaka momba ny olona mivavaka ao amin'ny fiangonana. Ny mpitarika fiangonana mahomby dia tokony hahatsapa izany ary hanampy ny fiangonana amin'ny fanorenana toerana izay maneho amin'ny fomba tsara indrindra ny maha-izy azy, ny vina sy ny iraky ny fiangonana, ary ho toerana izay hahatamana ny olona. Tsarovy i Davida izay nahatsapa fa raha nitoetra tao an-dapa izy dia tokony ho tsara lavitra noho izany ny toerana iankohofana amin'Andriamanitra (II Samoela 7:1,2).

Ilaina ny manana tari-dàlana misimisy kokoa momba ny asa fanompoana. Ny ekipan'ny mpitarika sy ny mambran'ny fiangonana dia mila boky tsara hahafahany manandrana fitomboana isam-batan'olona. Ilain'izy ireo koa ny mampiasa trakta, fitaovana fanentanana, fitaovana fitoriana ny filazantsara, sns., mba hanampy azy ireo hamita ny iraky ny fiangonana eo amin'ny fitoriana ny filazantsara. Ny mpitarika za-draharaha dia hikendry mandrakariva mba hisy mandrakariva eo amin'ny "mpanorina" ny "biriky" ilainy, mba ho voaorina tsy misy hatak'andro ny tranon'Andriamanitra.

*****

3.3 Fahaiza-mitarika miorina amin'ny fanompoana

"Fa tsy mba ho toy izany aminareo; fa izay te-ho lehibe aminareo dia ho mpanompo anareo... Fa tahaka izany, ny Zanak'olona tsy tonga mba hotompoina, fa mba hanompo ka hanolotra ny ainy ho avotra hisolo ny maro." (Matio 20:26, 28)

"Jesosy dia naneho fahavononana madio hitia. Ny tànany mavitrika dia vonona mandrakariva hanompo ny hafa. Naneho faharetana izay tsy azon'iza na iza nokorontanina Izy, ary nijoro mandrakariva tamin'ny fahamarinana. Toy ny vatolampy tsy azo nohozongozonina Izy raha ny momba ny foto-kevitra. Ny fiainany dia naneho fahasoavana sy fahafoizan-tena tanteraka." (AG, 282.4)

Ny raharaha rehetra, na inona na inona tanjony, dia mifototra amin'ny fanompoana. Na asa momba ny famokarana izany, na momba ny siansa, na momba ny fanabeazana, na momba ny fialam-boly, na momba ny sehatra hafa: ny tombam-bidin'ny asa iray dia refesina amin'ny kalitaon'ny fanompoana tanterahiny, ary izany dia miharihary amin'ny alalan'ny vokatra azo.

Ny fitarihana ny fiangonana dia fanompoana. Ary tahaka ny amin'ny raharaha hafa rehetra dia tokony hanana toerana ambony ny mpanjifa. Tokony hanatratra ny "mpanjifa" isika (izany hoe ireo olona ao anatin'ny fiangonana sy any ivelan'ny fiangonana) amin'ny alalan'ny "vokatra" vokarintsika (ny hafatra momba ny famonjena izay atolotr'Andriamanitra), raha tsy izany dia tsy manana ny antom-pisiany ny fiangonana. Misy koa anefa Ilay anankiray izay tokony hotompointsika: Jesosy Kristy. Tsy isika no tompon'ny asa ao amin'ny fiangonana, fa Izy. Ny fahatsapana izany

fahamarinana izany sy ny fiantraikany dia iankinan'ny maha-kristiana marina ny fahaiza-mitarika. Ary izany dia mamaritra ny fahombiazana eo amin'ny fitarihana ny fiangonana.

Ny kalitaon'ny fanompoana kristiana dia avy amin'ny antony manosika ny olona manatanteraka azy. Ny fanandramana manokana ny fitiavan'Andriamanitra sy ny fahatakarana lalina ny fanomezana atolony dia iray amin'ireo antony manosika ambony indrindra ho amin'ny fanompoana.

Ny foto-kevitry ny fanompoana. Tsy tahaka ireo siansa izay mitaky valiny tokana (toy ny matematika, ny fizika, sns.) izay mampiasa raikipohy mazava sy dingana azo averimberina, ny fahaiza-mitarika dia zava-kanto izay ahitana singa saro-pady maro samihafa. Ny fahaiza-mitarika dia tsy fitambaran'ny fahafaha-manao sy fiovanana ary vina fotsiny. Ny fahaiza-mitarika dia zava-kanto mivoatra mandritra ny androm-piainana momba ny fitarihana ny olona hanao fanandramana mihoatra noho ny filana sy ny faniriana mahazatra. Izany dia mitaky famaritana tsara kokoa eo ao anatin'ny tontolon-kevitry ny maha-kristiana.

Hoy i Harris W. Lee momba ny fahaiza-mitarika kristiana: "Ny asa eo anivon'ny fiangonana dia fanompoana, atao amin'ny anaran'i Kristy, mba hampandroso ny fiangonana sy ny iraka nankinina taminy... Ny fahaiza-mitarika dia asa fanompoana rehefa mikendry ny fifohazan'ny fiangonana." (Lee 1989, 24.25)

Ary hoy koa i Henri Nouwen: "Ny fitarihana kristiana dia antso ho amin'ny asa fanompoana mba hanehoana indrindra fa ny fanompoana ny hafa dia afaka mitondra ho amin'ny fiainam-baovao. Izany fanompoana izany no ahafahanan'ny maso mahita ny voninkazo izay maniry eny antsefatsefaky ny vato, sy sofina mandre ny tenim-pamelan-keloka izay ampanginin'ny fankahalana sy ny fifandrafiana, ary tanana mahatsapa ny fiainam-baovao ao ambanin'ny fanotofan'ny fahafatesana sy ny faharavana." (Ao amin'ny: Lee 1989, 25)

Matetika ny olona dia manantena mpitarika mahery hanarina ny maha-voafetra azy eo amin'ny hery miasa mangina sy ny fanovana. Ankinin'izy ireo amin'ny mpitarika ny faniriany hanana faritra voaaro sy mirindra eo amin'ny fiainany, ary ny mpitarika no andrandrainy handray ny fepetra izay tsy hainy horaisina raha izy ireo no eo amin'ny toeran'ny tompon'andraikitra.

Kanefa amin'ny maha-kristiana antsika dia manana soa toavina hafa ankoatra izany isika. Ny toetra fototra maha-izy ny fahaiza-mitarika kristiana dia tsy ny fahefana, fa ny fanompoana. Izany hoe, raha ambarako amin'ny teny hafa: fahefana amin'ny alalan'ny fanompoana. Raha ny marina, ny mpitarika izay manompo indrindra ny mambran'ny fiangonany no manam-pahefana indrindra.

Tokony ho fantatry ny mpitarika kristiana fa ny fanompoana dia manana lafiny roa. Rehefa miresaka momba ny fanompoana isika dia misy ny toe-tsaina sy fomba enti-manatanteraka izany. Samy manan-danja ireo, ny voalohany (ny toe-tsaina hoenti-manompo) dia iankinan'ny fahombiazana eo amin'ny fitarihana, ary ny faharoa (ny fomba fanompoana) dia maneho amin'ny fomba hita maso ny toe-tsaina, ary izany dia misy fiantraikany eo amin'ny lafiny fanabeazana.

Ny famaritan'i Jesosy ny atao hoe fahaiza-mitarika dia mifanojo indrindra amin'ny fanompoana (Matio 20:28; Marka 10:45). Ny Tompontsika no ohatra tsara indrindra tokony halain-tahaka: tonga teto amin'izao tontolo izao i Jesosy, tsy ny mba hotompoina, fa hanompo (Matio 20:26). Raha misy olona maniry ho mpitarika manam-pahefana, dia ilainy ny ho tonga mpanompo aloha (Matio 23:11; Marka 10:43; Lioka 22:26), ary izay lehibe indrindra eo aminareo no aoka ho mpanompo. I Paoly dia nilaza ny tenany ho "mpanompon'i Kristy Jesosy ho an'ny jentilisa" (Romana

15:16; Efesiana 3:7). Hoy koa izy: “izany no nanaovana ahy Paoly ho mpanompo” (Kolosiana 1:23, 25). Ary ao amin’ny I Timoty 4:6 dia manao antso antsika izy mba hanompo an’Andriamanitra.

Hatrizay ka hatramin’izao dia tsy mahasarika ny olona izany hoe ho tonga mpanompo. Kanefa ny fanompoana dia ilaina sady ara-Baiboly ary vahaolana tsara indrindra manoloana ny olan’ny fikorontanan’ny fifandraisana izay mampitotongana ny fiaraha-monina ankehitriny. Ny fanasitranana ny fihenjanan’ny fifandraisana, ny fifandirana sy ny fahasamihafana dia tsy ho tontosa amin’ny alalan’ny fanindrahindrana bebe kokoa hatrany ny maha-izy ny tsirairay sy ny filany, fa amin’ny alalan’ny foto-kevitry ny fanompoana ny olona rehetra.

Mazava loatra fa misy koa ny fetra eo amin’ny maha-mpanompo. Amin’ny fotoana sasany dia ilain’ny mpitarika kristiana ny mandà fangatahana sasany, satria ilainy ny miala sasatra, na manokana fotoana ho an’ny fianakaviany, na noho ny hamehana hafa eo amin’ny fitoriana ny filazantsara. Tsy izany anefa no tena olana ankehitriny, fa ny fihaikana ny amin’ny hahatongavana ho mpitarika manompo, miasa mafy, vonona hisafidy indraindray ny tsy ho tazana, araka izay nampianarin’i Jesosy. Eto amin’izao tontolo izao izay manindrahindra ny fikatsahana toerana ambony, dia antsoina ny mpitarika kristiana mba haneho fahavononana hanompo am-panajana sy am-pahafoizan-tena.

*****

Fizarana fahefatra: Ny lafiny isam-batan’olona eo amin’ny fahaiza-mitarika kristiana

4.1 Ny fomba fijery ara-Baiboly momba ny olombelona eo amin’ny fahaiza-mitarika kristiana

“Ry malala, aoka hifankatia isika; fa avy amin'Andriamanitra ny fitiavana, ary Izay rehetra tia no naterak'Andriamanitra sady mahalala an'Andriamanitra.” (I Jaona 4:7)

“Amin’ny alalan’ny asa ataonao manokana dia manatòna ireo manodidina anareo. Mifankazara amin’izy ireo. Ny fitorian-teny dia tsy hahasolo ny asa izay tsy maintsy atao. Ny anjelin’Andriamnitra dia miandry anareo any amin’ny tokan-tranon’ireo olona hovangianareo. Izany asa izany dia tsy azo afindra amin’olon-kafa. Ny vola ampindramina na omena dia tsy hahatontosa izany. Ny toriteny dia tsy hahatontosa izany. Amin’ny alalan’ny famangiana olona, firesahana aminy, fivavahana ho azy, fifankazarana aminy, dia ho babonareo ny fony. Izany no asa misionera ambony indrindra azonareo tanterahina. Mba hahatontosana izany dia ilainareo ny manana finoana mafy orina sy maharitra, faharetana sy fitiavana lalina ireo fanahy very.” Testimonies, vol. 9. P. 41. (ChS 117.5)

Jesosy Kristy dia nifandray tamin’ny olona tamin’ny fomba tsotra, misarika sy mambabo fo. Tam-pahatsorana no nanampiany ny olona ho tamana teo anilany. Izay nataony rehetra, na fanasitranana na dia na toriteny, dia nampita fanajana lalina sy fitiavana lalina ho an’ny tsirairay. Hoy Izy momba izany: “Didy vaovao no omeko anareo, dia ny mba hifankatiavanareo; eny, aoka ho tahaka ny fitiavako anareo no mba hifankatiavanareo kosa.” (Jaona 13:34)

i. Ny tombam-bidin’ny olombelona

*Tombam-bidy manokana noho ny famoronana.*Noho ny famoronana dia manana tombam-bidy ambony tsy misy fetra ny olombelona. Ny fisiany dia tsy vokatry ny kisendrasetra, araka izay

ambaran'ireo mpandala ny fivoarana miandalana, fa noho ny fikasan'Andriamanitra. Ny olona tsirairay dia tokana. Ny olombelona dia noharian mba hamaritra ny ankehitrininy sy ny hoaviny ary hihevitra ny hafa, na mifanaraka amin'ny tombontsoany izany na tsia. Araka ny fanambaran'ny Baiboly, ny olombelona dia tsy nohariana mba hiady ho an'ny fahavelomany, fa mba hahatakatra ny antom-pisiany ary hivoatra ho amin'ny hoavy tsara sy feno fahasambarana.

*Manan tombam-bidy ambony tsy misy fetra ny olombelona noho ny fanavotana.*Noho ny fanavotana dia vao mainka miampy ny tombam-bidin'ny olombelona. "Fa toy izao no nitiavan'Andriamanitra izao tontolo izao: nomeny ny Zanani-lahy Tokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy, fa hanana fiainana mandrakizay." (Jaona 3:16). Sarobidy loatra ny olombelona, ka ny Tompon'ny voahary rehetra mihitsy no nanaiky hanolotra ny ain'ny Zanany Lahitokana. Tena miavaka ny olombelona: natao harovana ny ainy, tokony hositranina sy ampiana izy, ary tsy maintsy tarihina ho amin'ny fiainana tsaratsara kokoa ao amin'i Kristy.

Noho ny fitiavan'Andriamanitra izay tsy miova mandrakizay dia manana tombam-bidy mandrakizay ny olombelona. Ny fitiavan'Andriamanitra dia tsy miova mandrakizay. Izany dia maneho ny maha-mandrakizay ny tombam-bidin'ny olombelona: "Tany lavitra any no nisehoan'i Jehovah tamiko ka nanao hoe: Fitiavana mandrakizay no nitiavako anao, koa izany no nampaharetako famindram-po ho anao." (Jeremia 31:3). Ny olona tiana dia manana toerana manokana: hajaina sy karakaraina manokana izy ireo. Ny olombelona tsirairay izay miaina eto amin'izao tontolo izao dia iantefan'ny fitiavan'Andriamanitra; noho izany, ny olona tsirairay dia manana zo hohajaina amin'ny maha-zanakalahy sy zanakavavin'Andriamanitra azy.

ii. Ny fifandraisan'ny mpitarika kristiana amin'ny olona

*Fanomezana tombam-bidy.*Izao tontolo izao dia manana fenitra hoenti-manome tombam-bidy ny olona: ny karama, ny fananana, ny laza, sns. Ny mpitarika kristiana dia manome tombam-bidy ny olona tsirairay, na inona na inona ny sokajiny ara-tsôsialy, na lahy izy na vavy, na inona na inona firazanany na fari-pananany. Ny mpitarika izay mampita ny fanomezany tombam-bidy ho an'ny hafa noho ny maha-fikasan'Andriamanitra ny fisian'ny tsirairay fa tsy noho ny zava-bitany dia hanome vahana ny fisian'ny fifandraisana anjakan'ny fanajana ny tombam-bidin'ny hafa eo anivon'ny fiangonana sy ny ekipan'ny mpitarika.

Fanajana. Arakaraka ny ifanatonan'ny olona no mampihena ny fironany hifanaja. Nahoana? Nandray lesona tsara aho avy tamin'ny mpitarika iray: Isaky ny manolotra na mampahafantatra olona izy dia nilaza zavatra tsara misongadina momba azy. Ary tsapako fa ny olona tsirairay dia manana ny zavatra tsara mampiavaka azy. Ny vokany: mitombo ny fanjana ny hafa. Ny fanajana dia singa manan-danja eo amin'ny fahaiza-mitarika kristiana. Izany dia mamaritra ny zavatra holazaintsika na tsy holazaintsika momba ny hafa, ary mamaritra koa ny fomba ifandraisantsika amin'ny hafa sy hanohanantsika azy eo amin'ny andraikiny.

Fitiavana. Eto amin'izao tontolo izao izay mampiasa ny fitiavana amin'ny fomba mivaona dia misy olona tsy mahazo aina rehefa ny amin'ny fitiavana no resahina. Kanefa ny fitiavana ny hafa dia fepetra takiana eo amin'ny fahaiza-mitarika kristiana. Ny olona izay tia tetik'asa sy fandaharan'asa, tia fiovana, kanefa tsy tena tia ny hafa amin'ny fony manontolo, dia tsy mendrika ny hitana ny toeran'ny mpitarika. Aoka tsy ho diso hevitra isika: ny fitiavana dia tsy fiombonam-po fotsiny, ny fitiavana dia tsy fanajana fotsiny – ny fitiavana dia foto-kevitra maharitra arahina fihetseham-po maharitra. Ny fitiavana dia manosika ny mpitarika hanetry tena mba hisongadina ny hafa, sy hahafoy hery sy fotoana mba hahasambatra ny hafa. Ny fitiavana dia hery manova izao tontolo izao. (I Korintiana 13)

Famelan-keloka. Eo amin'izao tontolo izao izay hentitra dia hentitra dia tsy misy toerana ho an'ny famelan-keloka. Na tsara ny vokatra, na voaraoka ny mpanao ilay asa. Eo amin'ny fahaiza-mitarika kristiana dia laharam-pahamehana ny famelan-keloka. Ny fitiavana sy fanajana ny tombam-bidin'ny hafa, ny famelana ny fahadisoan'ny hafa sy ny tsi-fahombiazany dia manampy amin'ny fampisiana fifandraisana tsara sy maharitra eo anivon'ny ekipan'ny mpitarika ary koa eo amin'ny mpitarika sy ny mambran'ny fiangonana.

*Fitokisana.*Mba hahatrarana izany dia ilaina ny manorina tsy tapaka ny fifampitokisana eo amin'ny mpino. Ny fifandraisana rehetra dia mitaky ny hisian'ny fifampitokisana mialoha mba hahafahany mitombo. Izany dia tahaka ny fambolena: rehefa mamafy voa ny mpamboly dia matoky/mino fa indray andro any dia hitsimoka izany. Ny hany fepetra hampisy rivo-piainana miabo eo anivon'ny fiangonana dia ny fahavononan'ny tsirairay hatoky ny hafa.

Manorina tetezana. Singa iray lehibe eo amin'ny fanomezana tombam-bidy sy fanajana ny hafa ny fiezahana amin-kitsim-po hampitambatra ny hery ao amin'ny fiangonana. Ny anjara asan'ny mpitarika dia ny manelanelana, mitaona ny olona hifanatona na eo aza ny fototra sy ny faniriana samihafa ananany. Ny mpitarika mahomby dia mahavita mampifandray ny taranaka tanora sy antitra ao amin'ny fiangonana, mampifanatona ireo mirona amin'ny fihazonana ny fomba mahazatra sy ireo mirona amin'ny fanavaozana, mampiaraka ireo olona tsara ofana sy ny olona tsotra, mampifanaraka ny olona manana toetra sahisahy sy ireo olona mipirimpirina. Tsy mahomby ny fitarihana raha mitombo sy tsy voafehy ny fizarazarana ao amin'ny fiangonana.

Tsy mora anefa ny mampifanantona olona. Kanefa azo atao izany. Ireo mpianatra roa ambin'ny folo dia tena samihafa tanteraka. Kanefa nitambatra ho tarika iray izy ireo ary nanozongozona izao tontolo izao. Mendrika handaniantsika ny herin-tsaintsika ny fikarohana fomba hahatrarana ny firaisam-po, ary aleo manao izany toy izay manao ny asan'ny mpamono afo mandrakariva eo amin'ny fiezahana handamindamina ny toe-javatra. Ambaran'i Jesosy fa toetra mampiavaka ny fiangonan'Andriamanitra marina ny firaisam-po (Jaona 17:19). Noho izany dia mendrika ny hisasarantsika ny fampisiana rivo-pifandraisana izay tsy hitaona afa-tsy ho amin'ny firaisam-po ao amin'ny fiangonana.

Tsapantsika angamba ankehitriny fa ny asan'ny mpitarika dia tsy ny mandray fepetra hiatrehana ny toe-javatra miseho ao amin'ny fiangonana fotsiny, fa ny mandray fanapahan-kevitra sy maneho ohatra am-pahavitrihana ary ny manefy ny fiainan'ny fiangonana. Ny fampisiana rivo-pianana mampandroso sy manome vahana ny fifanomezana tombam-bidy sy fifanajana eo amin'ny mpino dia marika iray hita maso ny amin'ny fahombiazan'ny mpitarika.

iii. Manampy ny hafa hivoatra

1. Mahita ny fahafaha-manao ananan'ny hafa

Mandrakariva i Jesosy dia nikatsaka izay hampivoatra ny mpianany. Mandrakariva dia notarihiny ny fikasan'izy ireo sy ny faniriany, izay samihafa tokoa, mba hifantoka amin'ny tanjona iray iombonana. Nahomby Izy, satria nahita lafiny tsara mandrakariva Izy teo amin'ireo olona nanodidina Azy: "Ho an'i Jesosy ny olona tsirairay dia fanahy izay tokony hiantefan'ny fiantsoana hiditra amin'ny fanjakan'Andriamanitra." (DA 151.2)

Ny mpitarika mahomby dia mahita mandrakariva ny fahafaha-manao sy ny talenta ananan'ny olona izay hiara-miasa aminy. Ny fahafaha-manao sy ny fahefan'ny mpitarika dia miankina betsaka amin'ny fahalalany ny hafa sy ny fahafahany mahita ny talentan'izy ireo mihoatra noho izay hitan'ny hafa na noho izay itan'izy ireo momba ny tenany aza.

Matetika dia voahilika ny olona manan-talenta noho ny tsy nanomezana azy fahafahana mihetsika na noho ny tsy nahitan'ny mpitarika ny fahaiza-manao ananany. Ny mpitarika havanana dia hanome vahana ao amin'ny tsirairay ny fahatsapana fa tsikaritry ny mpitarika ny talentany ary ho gaga ny olona noho ny fanomezany fahafaha-manao tampoka ho an'ireny talenta miafina ireny.

2. Manofana ny hafa

Azo atao ny mianatra zavatra betsaka amin'ny alalan'ny famakiana boky, kanefa ny singa izay tena mamaritra ny fahombiazana dia tsy maintsy ampitaina amin'ny alalan'ny fifandraisana akaiky, avy amin'olona mankamin'olona. Ny fanofanana dia anisan'izany fifandraisana akaiky izany.

Raha ezahina faritana ny atao hoe fanofanana dia hita fa singa roa izany no mamaritra izany: ny fifandraisana sy ny fizarana traikefa. "Ny fanofanana dia miorina amin'ny fifandraisana izay mitarika ho amin'ny fitomboan'ny olona iray amin'ny alalan'ny fanampiana azy hampiasa ireo fahafaha-manao nomen'Andriamanitra azy." (Stanley, Clinton 1994, 31). Izao koa no famaritana anankiray: "Ny fanofanana... dia fifandraisana mitombo ao anatin'ny fifampitokisana izay anampian'ny olona iray ny olona anankiray hafa hampiasa amin'ny fomba tsara indrindra ny fanomezam-pahasoavany eo amin'ny fiainany sy ny fanompoany. Manana fototra mafy orina ara-baiboly sy ara-teôlôjia izany ary manana an'i Jesosy ho môdely fara-tampony teo amin'ny fiainany sy ny fampianarany." (Mallison, 1998)

*Mila mpanofana ny olona.*Ny fikarohana dia nahitana fa ny mpitarika tsirairay dia manana olona telo hatramin'ny folo izay nanana akony manokana teo amin'ny fivoaran'ny maha-izy azy manokana (Stanley, Clinton 1994, 31). Ny mpitarika fiangonana dia nantsoina mba ho mpanofana tsara ao amin'ny fiangonana.

Ny fanofanana dia fomba nampiasaina manerana ny tantaran'ny Baiboly ary mbola mahomby izany ankehitriny. Zava-misy mandrakariva izany eo amin'ny fiainan'ny fiaraha-monina. Ny ray aman-dreny dia manana anjara asa lehibe eo amin'ny fivoaran'ny zanany, ny mpampianatra dia manofana amin'ny lafiny betsaka ny mpianany, ny mpanao fanatanjahan-tena amin'ny sehatra ambony dia mila mandrakariva môdely sy mpanofana. Eo amin'ny fandraharahana, ny fanabeazana sy ny fiainam-bahoaka dia zava-misy iainana ny fanofanana. Ary tokony ho toy izany koa eo amin'ny fiangonana kristiana.

Ny anjara asan'ny mpanofana. Inona no ataon'ny mpanofana? Indreto misy lafiny sasantsasany eo amin'ny asa sy andraikitry ny mpanofana:

- "Manana fahafahana mamantatra ny talenta ao amin'ny hafa
- Manana fahalemem-panahy manoloana ny fahadisoana, ny tandrevaka, ny tsi-fahombiazan'ny hafa, sns., noho ny fahatsinjovany ny fahafaha-manao izay azo ampitomboina
- Fahalalahan-tsaina mba hahaizana mifandray amin'ny hafa sy miatrika toe-javatra samihafa
- Manam-paharetana noho ny fahalalany fa ny fitomboana dia mitaky fotoana sy traikefa
- Manana tanjona, izay vokatry ny vina momba ny fahaiza-manao, mba hahatsinjovana mialoha ny vokatra, ary mba hamolavolana ny dingana harahin'ilay olona ofanina

- Mandrisika ny fanomezam-pahasoavana sy ny fahafaha-manao ao amin'ny hafa" (Stanley, Clinton 1994, 32)

Endri-panofanana manokana no tanterahin'ny mpitarika ara-panahy. "Ny ampahany betsaka amin'ny asan'ny ny mpitarika ara-panahy dia ny fiandraiketana, ny fametraham-panontaniana momba ny fanapahan-kevitra, ary ny fahatakarana ny toetra fototra sy ny fivoaran'ny fiainana ara-panahy (ny antony manosika) sy ny fahamatorana ara-panahy (fifandrindran'ny fahamarinana sy ny fampiharana izany eo amin'ny fiainana). Raha ambara amin'ny teny tsotra dia hoe: ny mpitarika ara-panahy dia mandrisika ny fivoarana sy ny fahamatorana ara-panahy eo amin'ny fiainan'ny mpianatra" (Stanley, Clinton 1994, 55,56).

Fiaraha-miombon'asa ara-panahy. Ny fanofanana dia fiofanana ao anatin'ny fiaraha-miombon'antoka ara-panahy. Ary izany dia lova sarobidy nanomboka hatramin'ny andron'ny fiangonana voalohany araka izay voambara ao amin'ny Asan'ny Apôstôly. I Paoly & Baranabasy, i Paoly & Timoty, sns., dia mpiara-miasa nahomby teo amin'ny fitoriana ny filazantsara. Ny olombelona dia noforonin'Andriamanitra hanana fahafahana sy filana hifandray amin'ny olombelona toa azy sy hikolokolo izany fifandraisana izany. Toy izany koa eo amin'ny fanorenana ny fanjakan'Andriamanitra amin'ny alalan'i Jesosy Kristy: amin'ny maha-zanak'Andriamanitra ny olona iray dia manana rahalahy sy anabavy, reny sy ray maro izy ao amin'ny fiangonana. Ny fanofanana dia tena fiaraha-miombon'antoka ara-panahy tokoa amin'ny lafiny betsaka.

Voalohany indrindra, ny mpitarika kristiana koa dia mila miofana. Raha tiany ny hanampy ny hafa hitombo dia izy aloha no mila mitombo voalohany. Noho ny filany antony manosika, noho ny filany traikefa sy hery avy amin'ny Fanahy Masina, dia hampiasan'ny mpitarika am-pahamalinana fatratra ny fahafaha-manao misokatra eo anoloany eo amin'ny fanofanana. Ireo pasitora sy loholona misotro ronono dia manana traikefa sy fahendrena betsaka hozaraina: tsara ny manararaotra ny fahafahana mianatra avy amin'izy ireny.

Faharoa, ny mambran'ny ekipan'ny mpitarika dia mila fanofanana. Maniry koa izy ireo ny hofenoina mandrakariva ny fatran'ny fahafaha-manao sy ny fanomezam-pahasoavany eo amin'ny asa fanompoana izay ataony. Fantatr'izy ireo tsara fa ny fijanonana dia midika fahafatesana, na eo amin'ny lafiny ara-panahy izany na eo amin'ny lafiny arak'asa, koa liana dia liana izy ireo eo amin'ny fanarahana dingam-pitomboana ara-panahy mitohy mandritra ny androm-piainana rehetra.

Fahatelo, ny mambran'ny fiangonana tsirairay dia mila fanofanana. Mba hihazonana ny firehetan'ny hafanam-po eo amin'ny famitana ny iraka, sy ho fandrisihana ny fitomboan'ny fitiavana ny finoana sy ny filazantsara, dia ilain'ny mambra tsirairay ny manana môdely hotahafina, ary ilain'izy ireo ny manana olona izay hitarika azy hitombo ara-panahy sy eo amin'ny fiainany manokana. Raha ny marina dia izany no tsiambaratelon'ny fahombiazana eo amin'ny fiantsoana mpitarika ny fiangonana sy ny pasitora vaovao. (Saika ny pasitora rehetra dia miaiky fa nisy olona notahafiny teo amin'ny lafiny ara-panahy izay niteraka tao anatin'izy ireo ny fanapahan-kevitra ho tonga pasitora).

Ahoana no hahalalana raha manana ny toetran'ny "mpanofana" ianao? Ireto manaraka ireo no toe-tsaina, fahafaha-manao sy fitaovana ananan'ny mpanofana:

- Ny vavaka dia manana anjara toerana lehibe indrindra. izany no fototry ny fahombiazana eo amin'ny fanofanana.
- Ny Baiboly no fitaovana voalohany eo amin'ny fanofanana. Mba tsy hivaona ho amin'ny fomba ivelan'ny fiangonana ny fanofanana ara-panahy dia ny Baiboly no tokony ho fitaovana fototra mandrakariva.
- Ny fananana diary dia fitaovana iray manampy ho amin'ny fahombiazan'ny fanofanana. Ankoatra ny maha-fampatsiahivana azy dia manampy koa izy amin'ny fijerena ankapobeny ny dingana rehetra sy ny fahafahan'ny mpanofana mamantatra ny fivoarana.
- Ilaina ny mamaritra mazava ny fifandraisana mba tsy hisian'ny fanantenana diso toerana.
- Ny fahaizana mametraka ny fanontaniana tokony hapetraka dia ilaina ho amin'ny fahombiazan'ny fanofanana. Ny fanontaniana dia mitaona ho amin'ny tena fifampiresahana. Ny fanontaniana tsara dia mitarika ho amin'ny fifanakalozan-kevitra sady mihazona ny fomba fiasa hifanaraka amin'ny zava-misy.
- Ny fampiharana ny fahazarana mihaino dia hampitombo ny fahombiazan'ny fanofanana, satria betsaka ny fotoana sarobidy very noho ny tsi-fifankahazoan-kevitra. Ary ny olona mahay mihaino dia afaka ny ho mpanofana mahomby tokoa.

3. Fanomezana fahafahana miasa sy mitombo ho an'ny hafa

Ny tena fahafoizan-tena sy fiheverana marina ny fivoarana sy ny fahasalamana ara-panahin'ny mambra sy ny olona mitsidika ny fiangonana dia hampisy rivo-pifandraisana anjakan'ny fanekena sy fanomezan-danja ny maha-izy ny tsirairay, ary hanafoana ny fifampiahiahiana sy ny toe-tsain'ny fifampitsikerana eo amin'ireo olona rehetra ao amin'ny fiangonana.

Ny fikarakarana ny hafa dia hanana akony lehibe ihany koa eo amin'ny fitoriana ny filazantsara. Raha tsapan'ny mpamangy fa liana ny momba azy amin'ny maha-olombelona azy ny fiangonana fa tsy mikendry fotsiny izay hampitombo isa ny mambran'ny fiangonana, dia ho mora kokoa ho azy ireo ny hanapa-kevitra ho isan'ny izany fiangonana izay mahatamana azy izany.

Eo am-pifankahalalana amin'ny olona dia tsarovy ny tsingerin-taona nahaterahany sy ny daty nanaovana batisa azy, fantaro sy resaho aminy ny momba ireo toe-javatra nisongadina teo amin'ny fiainam-pianakaviany na ny fiainany manokana, mivavaha ho azy ireo, antsoy an-telefaonina izy, vangio izy, ampaherezo amin'ny finoany izy – izany fanandramana rehetra izany dia handrisika ny olona handray anjara mavitrika amin'ny fiainan'ny fiangonana sy hahatsapa tena ho anisan'ny fiangonana izay nosafidiany. Omeo fahafahana ny olona haneho ny fiovany sy ny fanoloran-tenany. Omeo andraikitra izy mba hahafahany mitombo.

Ny mpitarika havanana sy mahomby indrindra dia ireo izay manana olona afaka hisolo azy. Ny porofon'ny fananana vina tsara, ny fananana saina malalaka sy tetik'asa lavitr'ezaka dia ny fanombohan'ny mpitarika mampivoatra ny mpanaraka azy raha vantany vao nomena andraikitra fitarihana izy.

*****

4.2 Fanoloran-tena tanteraka eo amin'ny fahaiza-mitarika kristiana

"Izany zavatra izany dia efa nolazaiko taminareo, mba ho ao aminareo ny fifaliako, ka ho tanteraka ny fifalianareo." (Jaona 15:11)

"Ny fon'ny tena mpanompon'Andriamanitra marina dia feno faniriana lalina hamonjy fanahy. Tsy hitsitsy fotoana sy hery izy, ny fahafoizan-tena rehetra dia hataony, satria tsy maintsy ambara amin'ny hafa ny fahamarinana izay noraisin'ny fanahiny ireo tam-pifaliana sy fiadanana ary firavoravoana. Ny Fanahin'i Kristy no ao aminy. Eo imasony ny fanahy tsirairay dia andraikitra izay tsy maintsy hanadinana azy. Mibanjina ny hazofijaliana teo Kalvary izy, mahatazana ilay Mpamonjy nasandratra, miantehitra amin'ny fahasoavany, mino fa Izy dia hiaraka aminy mandrakariva ambara-pahatongan'ny fahataperan'izao tontolo izao, mba ho ampingany sy heriny ary fahombiazany eo amin'ny fanompoany an'Andriamanitra. Amin'ny fitalahoana sy ny fandresen-dahatra, miaraka amin'ny fahazoana antoka ny fitiavan'Andriamanitra, no ikatsahany fanahy ho an'i Jesosy, ary any an-danitra izy dia voaisa ho isan'ireo 'voantso sy voafidy ary mahatoky' (Ap. 17:14). " (AA 371.1)

Indray andro dia nisy olona nanambara tamin'i Jesosy ny fanapahan-keviny hanara-dia Azy, kanefa nangataka alalana taminy hanao fety fanaovam-beloma any an-tranony. Hoy Jesosy namaly azy: "Tsy misy olona mahay manompo tompo roa" (Matio 6:24). Fanoloran-tena tanteraka ho an'Andriamanitra sy ny fiangonany no takian'i Jesosy Kristy.

Midika izany fa ho an'ny mpitarika advantista dia misy singa telo fara-fahakeliny mandrafitra ny fanoloran-tena tanteraka: (a) fileferana tanteraka eo anatrehan'i Kristy sy ny Tenin'Andriamanitra, dia ny Soratra Masina, (b) toe-tsaina mandeha am-pahitsiana eo amin'ny fahatsapana ho anisan'ny fiangonana izay tompoiny, ary (d) toetra fehezin'ny Fanahy Masina.

Ny fitarihana dia asa atao amin'ny fo manontolo sy am-pifaliana ho fampiharana ny vina *lehibe* momba ny asa *lehibe* izay tokony hatao eo anivon'ny fiangonana *lehibe* mba hanatrarana hoavy *lehibe* izay nampanantenain'ilay Andriamanitsika *lehibe* amin'ny alalan'i Jesosy Kristy.

Kanefa tena ahitana fifaliana tokoa ve ny fitarihana? Azo antoka fa tsy fikasan'Andriamanitra ny hiantso ny olona ho amin'ny fahoriana raha miantso olona hitarika izy. Mifanohitra amin'izany: ny fikasan'Andriamanitra dia ny ho mpiara-miasa aminy ny mpitarika ary hanana anjara amin'ny fifaliany (izahao Lioka 15:22-24). Namorona tontolo kanto indrindra Izy mba hahasambatra ny olona, mba hahatsapan'ny olona firindrana sy fifaliana eo amin'ny fianany, ary izany koa no tokony ho hita eo amin'ny fitarihana ny fiangonana. Ireto singa dimy manaraka ireto dia hanampy ny mpitarika kristiana hahita fifaliana eo amin'ny asany:

1. Aoka Andriamanitra no ho loharanon'ny herinao sy ny fifalianao.
2. Tsarovy fa an'Andriamanitra ny fiangonana fa tsy anao; ary Izy no mifehy ny fiangonany.
3. Aoka ho tsapanao eo amin'ny fiainanao manokana ny fitiavan'Andriamanitra ilay Mpanavotra. Amin'izay dia ho afaka hampihatra fitiavana sy famelan-keloka amin'ny hafa ianao.
4. Manorena tetezana hampifandray ny olona. Rehefa manampy ny olona mba ho tonga mpinamana ianao dia hanana namana maro ihany koa.
5. Manangàna tetik'asa iraisana ho an'ny mpino ao amin'ny fiangonana. Izany dia hampifanakaiky ny olona. Ny famitana ny iraka no tetik'asa misandrahaka indrindra natao hotanterahin'ny fiangonana.

I J. Robert Clinton dia nanolotra fomba “fanombanan-tena” mifandraika amin’ny fanoloran-tenan’ny mpitarika. Izany dia hahafahana mamantatra ny fahafenoan’ny fanoloran-tena eo amin’ny fitarihana ny fiangonana.



J. Robert Clinton: The Making of a Leader, 73.

Farany, ny fitarihana kristiana dia tsy sehatra natao hahatrarana ny fivelaran’ny tena manokana, fa famaliana ny antson’Andriamanitra sy fampiorenana ny fiangonana. Ary marina fa eto amin’izao tontolo izao dia tsy misy sehatra hafa mitondra fifaliana sy fahafaham-po kokoa noho ny fitarihana olona hitombo eo amin’ny fiainany manokana sy ara-panahy ary ny fanefena ny fiangonana izay ahitana karazan’olona maro miaraka amin’ny fahasamihafan’ny fitomboany ara-panahy mba ho tonga fitahiana ho an’ny mambra ao aminy sy ny fiaraha-monina.

*****

4.3 Filôzôfiam-piainana voalanjalanja eo amin’ny fahaiza-mitarika kristiana

“Misaotra an'Andriamanitra mandrakariva izahay ny aminareo rehetra ka manonona anareo amin'ny fivavahanay, sady tsy mitsahatra mahatsiaro ny asanareo amin'ny finoana sy ny fikelezanareo aina amin'ny fitiavana ary ny faharetanareo amin'ny fanantenana an i Jesosy Kristy Tompontsika eo imason'Andriamanitra Raintsika” (I Tesalôniana 1:2,3)

“Ny antony manosika lehibe ho an’ny fanahin’ny olona dia ny finoana, ny fanantenana sy ny fitiavana... Eo amin’ny firaketana ny tantaran’ireo olon izay niara-nandeha tamin’Andriamanitra dia hitantsika taratra ny voninahiny. Eo amin’ilay “maha-te-ho tia indrindra” no ibanjinantsika Azy, ary ny fahatsarana rehetra eto amin’izao tontolo izao sy any an-danitra dia taratra marefo ihany raha mitaha amin’ny fahatsarany. “Ary Izaho, raha asandratra hiala amin'ny tany,”, hoy Izy, “dia hitaona ny olona rehetra hanatona Ahy.” (Jaona 12:32) (Ed. 192)

Amin’ny ankapobeny dia betsaka ny ezaka atao mba hampianarana fahaiza-manao isan-karazany: ny fitarihana... ny fitantanana... ny fifandraisana... ny fanampiana, sns. Eo amin’izany sehatra izany dia mazàna adino ity lafiny iray tena saro-pady ity: ny maha-izy ilay mpitarika mihitsy.

Ny toetrany, ny toe-tsainy, ny tahotra sy ny fanantenana ananany, ny fitomboany, - izany hoe, raha afohezina: ny fomba fijeriny ny fiainana.

4.3.1 Ny maha-zava-dehibe ny maha-izy ny mpitarika

Ao amin'ny Baiboly dia voaresaka betsaka ny maha-izy ny mpitarika. Raha nanoratra ho an'i Timoty i Paoly dia novantaniny ny resaka momba izany:

> "Aoka tsy hisy olona hanao tsinontsinona anao noho ny hatanoranao; fa aoka ho tonga fianarana ho an'ny mino ianao amin'ny fiteny, amin'ny fitondran-tena, amin'ny fitiavana, amin'ny finoana, amin'ny fahadiovana. Mandra-pihaviko tandremo ny famakian-teny, ny fananarana, ny fampianarana. Aza tsy mitandrina ny fanomezam-pahasoavana izay ao anatinao, izay nomena anao tamin'ny faminaniana sy ny fametrahan-tànan'ny loholona. Mazotoa hihevitra izany zavatra izany, dia mikeleza aina fatratra amin'izany, mba hiseho amin'ny olona rehetra ny fandrosoanao. Tandremo ny tenanao sy ny fampianaranao, ka mahareta amin'izany; fa raha manao izany ianao, dia hamonjy ny tenanao sy izay mihaino anao." (I Timoty 4:12-16)

Ny fiantsoana an'i Davida ho mpanjakan'i Israely dia maneho ny maha-laharam-pahamehana ny maha-izy ity ho mpitarika ny firenena, fa tsy ny fahaiza-manaony, na dia zava-dehibe toy inona aza izany:

"Fa hoy Jehovah tamin'i Samoela: Aza mijery ny tarehiny na ny hahavon'ny tsanganany, fa efa nolaviko izy; fa tsy mba toy ny fijerin'ny olona no fijerin'i Jehovah; fa ny olona mijery ny miseho eo ivelany, fa Jehovah kosa mijery ny fo." (I Samoela 16:7)

Ao anatin'ny tontolon-kevitry ny Testamenta Vaovao dia izao no voambara momba ny diakona sy ny loholona:

"Koa amin'izany, ry rahalahy, mizahà fito lahy eo aminareo, izay tsara laza sady feno ny Fanahy sy fahendrena, mba hotendrenay hitandrina izany raharaha izany." (Asa 6:3)

"Koa ny mpitandrina dia tsy maintsy ho tsy manan-tsiny, manam-bady tokana, mahonon-tena, hendry, tia filaminana, mampiantrano vahiny, mahay mampianatra" (I Timoty 3:2)

"Fa ny mpitandrina dia tsy maintsy ho tsy manan-tsiny, fa mpitandrina ny an'Andriamanitra, tsy mitompo teny fantatra, tsy mora tezitra, tsy mpimamo lian'ady, tsy mpikapoka, tsy tia harena maloto" (Titosy 1:7)

Ny mpitarika dia manana andraikitra lehibe satria izy dia tazanin'ny mason'ny olona ary mipetraka amin'ny toerana izay ahafahany manana hery miasa mangina matanjaka ao amin'ireo izay nifidy azy ho mpitarika sy ireo izay nandray antso ho amin'ny fitarihana.

4.3.2 Ny filôzôfiam-piainan'ny mpitarika

Eo amin'ny fahaiza-mitarika kristiana dia lafiny iray lehibe ny filôzôfiam-piainana ary manana akony be dia be eo amin'ilay mpitarika sy ny fiangonana. Mety ho sarotra ny hitarika ny fiangonana ho amin'ny fitomboana sy ny fiainana ara-panahy lalina kokoa raha toa ka mifanohitra amin'izany tanjona izany ny fiôzôfiam-piainan'ny mpitarika manokana. Noho izany dia ilain'ny mpitarika ny mamaritra mazava ny filôzôfiam-piainany.

Mety hanampy ho amin'izany dingana izany ireto fanontaniana ireto:

- Araka ny hevitrao dia inona no tena antom-pisian'izao tontolo izao?
- Ahoana no fomba hanambaranao ny maha-zava-dehibe izao fiainana izao?
- Inona no anjara toeran'ny fiainana mandrakizay eo amin'ny fisainanao sy ny fikasanao?

- Ahoana no hanoritanao ny andraikitrao eto an-tany amin'ny maha-kristiana anao?
- Manana fironana hanampo zavatra tsara ve ianao sa zavatra ratsy eo amin'ny fiainanao?
- Inona no anjara toeran'ny fifaneraserana ara-tsôsialy eo amin'ny fiainanao?
- Inona no hevitra momba ny fanomezana ny toerana voalohany ho an'ny hafa, ary raha ilaina dia ny fahafoizan-tena manokana ho an'ny hafa?

Ny firindran'ny filôzôfiam-piainana manokana amin'ny foto-kevitry ny Baiboly sy ny soa toavina eo amin'ny fiainana kristiana dia hiantoka amin'ny ampahany betsaka ny fahasalamana ara-panahy sy ara-tsaina ho an'ny mpitarika. Ny fahasamihafan'ny olona sy ny maha-tokana ny olona tsirairay dia planin'Andriamanitra. Ny mpitarika mahomby dia tokony hahatakatra sy hanaiky izany. Amin'ny ankapobeny, ny toe-tsaina miabo, ny fisakaizana, ny fanampiana ny hafa, sns., dia toetra fototra eo amin'ny andraikitry ny mpitarika.

4.3.3 Ny fivoaran'ny mpitarika eo amin'ny fiainany manokana

Tsy misy mpitarika afaka ho tafavoaka velona hatramin'ny ampitso raha ny fahalalana sy ny fahaiza-manao omaly ihany no ananany. Ny mpitarika dia mila mivoatra mandrakariva, ilainy mahafantatra sy mandala ny fomba fanao hatrizay sady misokatra amin'ny fomba vaovao. Indreto misy torohevitra vitsivitsy mikasika ny fomba hahafahan'ny mpitarika mitombo sy mampivoatra tsy tapaka ny fahaiza-manaony eo amin'ny asany:

- Mikaroha vaovao mandrakariva.
  Ny mpitarika dia tsy maintsy mahara-baovao. Ilany ny mahafantatra ny fivoarana vao haingana indrindra. Ilainy ny manaraka ny adihevitra eo amin'ny fiainam-bahoaka sy ny zava-misy eo amin'ny fiaraha-monina. Ny gazety sy ny gazetiboky ary ny fampahalalam-baovao matotra indrindra dia loharanom-baovao tsara. Izay rehetra loharanom-baovao matotra mahakasika ny fiangonana dia hanampy ny mpitarika hahara-baovao sy ho afaka handanjalanja.

- Mamakia boky matetika.
  Ny famakiana boky tsara dia toy ny fanokafana varavarankely hitazanana tontolo vaovao. Ny boky tsara dia tsy tahaka ny fampahalalam-baovao izay mandalo vetivety, fa manokatra ny maso ho amin'ny fahatakarana mivelatra kokoa ny lohahevitra iray ary afaka misarika ny saina hamolavola hevitra sy tetik'asa an'ny tena manokana.

- Fohazy ny fahalianana ho amin'ny hevi-baovao sy tetik'asa vaovao.
  Ny olona misokatra amin'ny fiovana no hany afaka manatanteraka fiovana. Tsarovy fa ny fitomboana dia fiovana. Tsy izay rehetra vaovao dia tsara sy ilaina avokoa, kanefa tokony hatao izay hisian'ny fiovana tsara ary ny fisokafana amin'ny zava-baovao dia hanome vahana ny dingana ho amin'izany.

- Kolokoloy ny kalitaon'ny fifandraisana.
  Misy ireo olona izay matahotra ny mandany fotoana miaraka amin'ny olona manana ny maha-izy azy. Tsy tokony hisy anefa izany tahotra izany. Ao anatin'ny fotoana fohy dia maro ny zavatra azonao ianarana avy amin'ny olona za-draharaha. Aoka ho tsotra, mendrika ary ampiasao ny fahafahanao mifandray amin'ireo olona ambony noho ianao.

- Ampiasao ny fifampiresahana mba ho fitaovam-pitomboana sy fanovozam-pahalalana ary fandraisana fanampiana.

Ny fifampiresahana dia lafiny manan-danja eo amin'ny fahaiza-mitarika kristiana. Izany dia manampy amin'ny fahatakarana tsaratsara kokoa ny toerana misy ny hafa, ny fampaharetana ny fandrosoana, ny fandraisana izay vaovao ilaina, ny fandraisana akon'ny asa vita ary ny fanaovana tombana sy fanatrarana fifanarahana. Ny fifampiresahana dia manampy koa amin'ny famolavolana hevi-baovao.

- Manatreha seminera fiofanana tsy tapaka.
  Ny tombontsoa amin'ny seminera fiofanana dia ny fivondronan'ny lafiny maro toy ny: fifandraisna, fifampiresahana, fahalalana momba ny asa, fahaiza-manao, sns. Ny seminera dia manampy amin'ny fandalinana ny fahalalana hoenti-miasa.

- Ataovy tanjona ny handalo dingam-panavaozana arak'asa isaky ny roa taona.
  Rehefa mifandimby ny taona, noho ny fahazarana dia misy ny "fahajambana iraisana" ao amin'ny orinasa iray. Azo atao ny manokana fotoana mba hanavaozana ny fahavononana sy ny fahaiza-manao, toy ny fandraisana anjara amin'ny fiarahana mandinika ny Baiboly, ny fianarana amin'ny

4.3.4 Ny fifandraisan'ny mpitarika amin'ny fiangonana

Taona vitsivitsy lasa izay dia nanomboka niova ny fomba fihevitro momba ny mpitarika ka tsy nijery azy ireo intsony ho toy ny olona mahaleo tena manokana aho. Ny mpitarika fiangonana dia isan'ilay "rafitra" antsoina hoe "fianakaviam-ben'ny fiangonana." Ny mpitarika kristiana dia hahatsapa izany ary ao anatin'izany tontolon-kevitra izany mandrakariva no hiheverany ny fianakaviany sy ny namany, ary koa ny iraka sy ny asa fanompoana izay tanterahiny. Ny mpitarika dia hahomby kokoa, tsy ho mora tratry ny fanirery sy ny havizanana tafahoatra, raha toa ka miara-miasa amin'ny maha-anisan'ny fianakavian'ny fiangonana azy. Tsy enta-mavesatra fa tombontsoa ny manokana fotoana hiarahana amin'ny havana sy ny zanaka sy hikarakarana azy ireo. Ny mpitarika dia manana koa ny tombontsoa hitarika ny fianakaviany sy ny namany ho amin'ny asa izay mitondra fahafaham-po be indrindra eto amin'izao tontolo izao: ny manompo an'Andriamanitra sy ny fiangonana ary ny taranak'olombelona. Voalohany indrindra, ny mpitarika kristiana dia mpitarika, mpanofana, mpanohana ny fianakaviany sy ny namany.

4.3.5 Ny fitantanam-piainan'ny mpitarika manokana

Sehatra iray manan-danja ho an'ny mpitarika ny fitantanany ny fiainany manokana. Indraindray dia maro tokoa ireo adidy sy ireo olona tsy maintsy vahana ka "tsy manam-potoana hiainana" ny mpitarika. Raha izany no mitranga dia ahiana ny hahavery ny fifalian'ny mpitarika sy ny fianakaviany, ny fahasalamany sy ny fahatsapany ny antom-piainany. Koa raha tian'ny mpitarika ny hitarika ny hafa dia tsy maintsy mahomby aloha izy eo amin'ny fitantanany ny hoenti-manany eo amin'ny fiainany manokana.

Tafiditra ao anatin'izany ny fivelarana ara-tsaina sy ny fahasalamana ara-batana, ny fomba fiaina ara-pahasalamana. Voafaoka ao anatin'izany ny fahaiza-mitantana ny fifandraisana ao amin'ny fianakaviana sy eo amin'ny fisakaizana amin'ny hafa. Ary mazava loatra fa tafiditra ao anatin'izany ny fahasalamana ara-panahy. Izany dia toy ny fitarihana ôrkesitra anankiray: maro ireo feon-java-maneno tsy maintsy arindra. Tsy asa mora irany, kanefa miaraka amin'ny fanampian'Andriamanitra sy ny havana aman-tsakaiza dia azo atao ny mianatra mitantana am-pahombiazana ny fiainana.

*****

Fehiny

Izao no tonon-kira nosrotatan'ity mpitarika iray nanana ny naha-izy azy, dia i Davida izany, izay sahaza ho an'ny taranaka maro aty aoriana: "Jehovah no Mpiandry ahy, tsy hanan-java-mahory aho, Mampandry ahy amin'ny ahi-maitso Izy; mitondra ahy eo amoron'ny rano fialan-tsasatra Izy. Mamelombelona ny fanahiko Izy; mitarika ahy amin'ny lalan'ny fahamarinana noho ny anarany Izy. Eny, na dia mandeha mamaky ny lohasaha aloky ny fahafatesana aza aho, dia tsy hatahotra ny loza aho, fa Hianao no amiko; ny tsorakazonao sy ny tehinao, ireo no mahafa-tahotra ahy." (Salamo 23:1,3,4). Mitarika sady tarihina: izany no fiainan'ny mpitarika.

Tao anatin'ity fampianarana ity dia nianarantsika ny amin'ireo lafiny sasany amin'ny fahaiza-mitarika izay sehatra iray midadasika tokoa. Mba hampiharana fitarihana voalanjalanja sy feno dia zava-dehibe ny hampidirana ireo lafiny samihafa eo amin'ny fahaiza-mitarika toy ny ara-panahy, ny ara-pifandraisana, ny arak'asa sy ny araka ny maha- olona. Ny fahaiza-mitarika dia famoronana zavatra manokana sy miavaka avy amin'ny zavatra tsotra misy eo am-pelatanana.

Ny faniriko dia ny hitarihan'Andriamanitra ny zanany mba hivoatra ho amin'ny fahaiza-mitarika mahomby sy matotra kokoa eo amin'ny fiangonana izay malalan'izy ireo sady hajain'izy ireo. Raha mitondra anjara biriky amin'ny fanatanterahana izany ity boky ity dia ny anaran'Andriamanitra no isaorana ny amin'izany.

*****

Ny firaisam-po dia marika ahafantarana manokana ny kristiana

"Mba ho iray ihany izy rehetra, tahaka Anao Ray ato amiko, ary Izaho koa ao aminao, mba ho ao amintsika koa izy; mba hinoan'izao tontolo izao fa Hianao no naniraka Ahy." Jaona 17:21

"Asa izay tsy mitsaha-miitatra no nankinina tamin'ny fiangonana voalohany: dia ny fanorenana ivon-toerana fahazavana na aiza na aiza misy olona mahitsy fo vonona hanolo-tena ho amin'ny asa fanompoana an'i Kristy. Ny fitoriana ny filazantsara dia natao hanenika izao tontolo izao, ary ny mpitondra hafatry ny filazantsara dia tsy afaka hanantena ny hahavita ny iraka lehibe nankinina taminy raha tsy mifamatotra ao amin'ny firaisam-po kristiana ny fanahiny, ary amin'izany no hahalalan'izao tontolo izao fa iray amin'i Kristy ao amin'Andriamanitra izy ireo." (VM 89.4)

Tamin'ny vavaka fanelanelanana nataon'i Jesosy dia noantitranteriny ny maha-ivon'ny fiainana kristiana ny firaisam-po eo anivon'ny fiangonana (Jaona 17:17). Tsy hoe vokatra ateraky ny fanarahana Azy fotsiny izany, fa marika mampiavaka ny maha-an'Andriamanitra ny Fiangonana. Arak'izany, ao amin'ny Testamenta Vaovao ny firaisam-po dia famantarana mampiavaka ny kristiana.

Misy vokany maro eo amin'ny lafim-piainan'ny fiangonana rehetra izany. Ny fiangonana iray dia hiezaka manokana mba hampanjaka ny firaisam-po. Iarahantsika mahalala fa ny fiolonolonana sy ny fironana ao anatin'ny olombelona dia mitarika ho amin'ny fisaratsarahana. Kanefa ambaran'i Jesosy mazava fa ny firaisam-po dia tsy maintsy iainan'ireo mpanara-dia Azy. Ao amin'ny fiangonana dia misy ireo fomba fisainana sy faniriana samihafa. Ny anjara asan'ny mpitarika dia ny mampisy rivo-pifandraisana manome vahana ny firaisam-po. Ny mpitarika kristiana dia tokony ho fantatra fa olona mpanorina tetezana mampifandray ny hafa. Ny firaisam-po dia zavatra tsy azo baikoina na terena. Ny firaisam-po dia tahaka ny zava-maniry: ilaina ny manondraka sy mikolokolo azy. Ary mila faharetana be ny fahatongavana amin'ny fahombiazana.

Tahaka ny maha-iray an'Andriamanitra Telo-izay-Iray, dia toetra tokony hampiavaka ny fiangonan'i Kristy ny firaisam-po. Ho an'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito dia tena zava-dehibe tokoa izany ka ny toko iray ao amin'ireo foto-pinoana 28 dia miompana manokana amin'izany: "Ao amin'i Kristy dia mitovy saranga avokoa isika rehetra, Izy Izay nampiray antsika amin'ny Fanahy Iray aminy sy amintsika samy isika; isika dia natao hanompo sy hotompoina tsy misy fizahan-tavan'olona na fepetra na inona na inona." (Foto-pinoan'ny Fiangonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito, laharana faha-14)

Ny fiomanan'ny mpianatra ho amin'ny pentekôsta dia tamin'ny alalan'ny fanazaran-tena tamin'ny firaisam-po tao amin'ny efitrano ambony. Taorian'ny niakaran'i Jesosy tany an-danitra dia "Ireo rehetra ireo niray saina naharitra nivavaka" (Asa 1:14) Ary notohizan'izy ireo izany ambara-pahatongan'ny andro Pentekôsta. "Ary nony tonga ny Andro Pentekosta, dia teo amin'ny fitoerana iray izy rehetra. Ary nisy feo tonga tampoka avy tany an-danitra, toy ny rivotra mahery mifofofofo, ka nanenika ilay trano niangonany." (Asa 2:1,2). Taorian'izay dia nifanesisesy ireo fahagagana.

Ny firaisam-po dia tena ilaina eo amin'ny fanatanterahan'ny fiangonana ny iraka nankinina taminy. Tsy misy afa-tsy ny fampiombonana ny ezaka, eo ambanin'ny fitarihan'ny Fanahy Masina, no hahafahan'ny fiangonana manatratra ny faritra rehetra eto amin'izao tontolo izao amin'ny fitoriana ny filazantsaran'ny fampiavanana amin'ny alalan'i Jesosy Kristy. Ary tsy misy afa-tsy fiaraha-miasa ao anatin'ny firaisam-po no manaporofo ny hery fampihavanana ananan'ny filazantsara, satria ny famonjena dia midika fampiraisana indray ny olombelona amin'ny Mpahary.

Mendrika ny hiezahantsika ny fampandrosoana ny firaisam-po ao amin'ny fiangonana. Sady miala amin'ny fihetsika manome vahana ny fisaratsarahana ny mpitarika no mampirisika ny firaisam-po ao amin'ny fiangonana. Hataony vaindohan-draharaha ny hampifanatona ny olona. Fifaliana ho azy ny manaiky fa ny fiangonana dia ankohonan'Andriamanitra, noho izany dia laharam-pahamehana eo amin'ny fikasany sy ny fisainany ny firaisam-po.

Ny firaisam-po dia tsy midika na oviana na oviana ho fitoviana tantana. Raha matanjaka ampy ny fototra iraisana eo amin'ny finoana, dia hisy fahafahana betsaka hikaroka hevi-baovao sy mampandroso eo anivon'ny fiangonana. Ny fahasamihafana dia ilaina mba hahafahan'ny fiangonana mitombo. Ilaina ny fisian'ny olona manan-talenta samihafa, ilaina ny fisian'ny olona manana fomba fijery samihafa, ilaina ny fisian'ny olona manana fomba fisainana samihafa. Azo antoka fa hivelatra kokoa ny firaisam-po raha ao anatin'ny fahasamihafana, raha toa ka hita mazava ny faniriana hisian'izany firaisam-po izany ary raha toa ka misy ny fiarahana mikatsaka ny hametrahana ho laharam-pahamehana ny tanjona iraisana dia ny fitoriana ny filazantsara. Ny fahasamihafana dia fitahiana, rehefa ampiarahina aminy ny toe-tsaina vonona tanteraka hiara-hiasa ao amin'ny fiangonana.

Ny mpitarika kristiana dia hahalala ireo fomba samihafa fampanjakana ny firaisam-po ao amin'ny fiangonana ary hiasa ho fanatanterahana izany. Ny fampandrosoana ny firaisam-po amin'ny alalan'ny teny sy ny asa, sy ny fampandrosoana ny firaisam-po eo anivon'ny fiangonana izay mandrafitra ny fiangonana dia azo antoka fa hanova ny endriky ny fiangonana.

Tsy maintsy fantatry ny mpitarika fa ny firaisam-po dia zava-maniry tena marefo. Ny fakany dia miorina ao amin'ny fifampitokisana ary mety handairan'ny familivilian-kevitra samihafa. Kanefa raha voakolokolo tsara ny fifampitokisana dia haharitra.

Ny firaisam-po dia tokony hivelatra koa manerana izao tontolo izao. Ny saha tsirairay dia samy hanana ny fomba fiainan'ny fiangonany manokana, ary ny kolontsaina dia singa manan-danja

raha ny amin'ny fomba fiaina ivelany no resahina. Kanefa maro amin'ireo zava-bitan'ny fiangonana no tsy ho nisy mihitsy raha toa ka tsy nisy ny firaisam-pon'ny fiangonana maneran-tany. Ny rafi-panabeazana advantista, ny rafitra ara-pahasalamana advantista, ny ADRA, ary indrindra ny fitomboana lehibe eo amin'ny fiangonana maneran-tany dia tsy ho azo notanterahina mihitsy raha tsy nisy ny firaisam-po maneran-tany teo anivon'ity fiangonana mahavariana ity. Ny firaisam-po dia iray amin'ireo fanalahidin'ny fahombiazana.

Farany, ny firaisam-po dia fanomezana avy amin'ny Fanahy Masina ho an'ireo olona manao asa fanompoana. Ao amin'ny Efesiana dia ambaran'i Paoly fa ny fanomezam-pahasoavana dia omena mba hampandroso ny "firaisana avy amin'ny Fanahy" ary izany dia mitarika ny fiangonana ho amin'ny "firaisan'ny finoana" (Efes. 4:3,13). Ny fiangonana miray fo dia tsy hoe vavolombelona mahatoky fotsiny ny amin'ny fitoriana ny hafatra fampihavanana amin'Andriamanitra amin'izao tontolo izao, fa ny mpitarika sy ny mambra ao aminy koa dia samy heneho firaisam-po eo amin'ny finoana sy ny asa.

*****

Boky nakan-kevitra

Augsburger, David: Caring Enough to Confront. How to Understand and Express Your Deepest Feelings Towards Others. Herald Press, Ventura, CA 1981

Barna, George: Turning Vision into Action. Defining and putting into practice the unique vision God has for your ministry. Regal Books, Ventura (CA) 1996

Batten, Joe & Batten, Gail & Howard, Warren: The Leadership Principles of Jesus. Modern Parables of Achievement and Motivation. College Press, Joplin (Missouri) 1997

Clinton, Richard & Leavenworth, Paul: Leiterschaft... wie fange ich an? Ein starkes Fundament für einen lebenslangen Dienst. Koinonia, CH-Oberweningen 1997

Clinton, J. Robert: Der Werdegang eines Leiters. Lektionen und Stufen in der Entwicklung zur Leiterschaft. Verlag für kulturbezogenen Gemeindeaufbau, Greng-Murten (Schweiz) 1992

Dale, Robert D., Leading Edge. Leadership Strategies from the New Testament. Abingdon, Nashville 1996

Eaton Watts, Dorothy: Team Ministry. GC Ministerial Association, Washington D.C. 1993

Follett, Philip: Effectiv Christian Leadership for Pastors. GC Ministerial Association, Silver Spring MD, 1997

Foster, Richard J.: Celebration of Discipline. Harper & Row, San Francisco 1978

Gordon, Thomas: Managerkonferenz. Effektives Führungstraining. Hoffmann und Campe, Hamburg 1979

Heifetz, Ronald A.: Leadership Without Easy Answers. Belknap Press (Harward), Cambridge (Massachusets) 1994

Hermann, Andreas: In dir steckt mehr als du denkst. Entdecke dein Leiterpotential. C & P, Emmelsbüll 1995[2]

Hull, Bill: Seven Steps to Transform Your Church. Fleming H. Revell, Grand Rapids (MI) 1997

Kallestad, Walt P.: Prinzipien der Gemeindeleitung. R. Brockhaus, Wuppertal 1996

Knoblauch, Jörg & Marquardt, Horst (Hrsg.): Fit für die Zukunft. Konzepte christlicher Führungskräfte. Brunnen, Giessen 1999

Kuhne, Garry W.: The Dynamics of Discipleship Training. Being and Producing Spiritual Leaders. Zondervan, Grand Rapids 1982[7] (1978)

Lee, Harris W.: Effective Church Leadership. A Practical Sourcebook. Augsburg Fortress, Minneapolis MN 1989

Lewis, Philip V.: Transformational Leadership. A New Model for Total Church Involvement. Broadman & Holman, Nashville (TN), 1996

Martin, Glen & Gary MacIntosh: The Issachar Factor. Understanding Trends That Confront Your Church And Designing A Strategy For Success. Broadman & Holman, Nashville (TN) 1993

McSwain, Larry L. & Treadwell, William C. jr.: Conflict Ministry in the Church. The

Ministerial Association of the GC of SDA, Silver Spring MD 1997

Murren, Doug: LeaderShift. How to lead your church into the 21st century by managing change. Regal Books, Ventura, CA 1994.

Nelson, Alan E.: Leading Your Ministry. Abingdon, Nashville 1996

Oakley, Ed & Krug, Doug: Enlightened Leadership. Getting to the Heart of Change. Key to Renewal, New York NY 1991

Reed, Bobbie & John Westfall: Building Strong People. How to Lead Effectively.

Baker Books, Grand Rapids (MI) 1997

Reynolds, Donald G.: Problem Solving and Conflict Resolution. GC Ministerial Association. Washington D.C., year ommitted.

Reynolds, Donald G: Time Management. GC Ministerial Association, Washington D.C., 1991

Sanders, J. Oswald: Le Leader Spirituel. Les qualités importantes pour les responsables d'églises. Editions Farel, Marne-la-vallée Cedex 2, France

1994 (engl. Spiritual Leadership, Moody Press).

Schoen, V. W.: Gott braucht Menschen. Saatkorn, Hamburg o.J.

Shawchuck, Norman & Roger Heuser: Leading the Congregation. Caring Yourself While Serving Others. Abingdon, Nashville 1993

Stanley, Paul D. & Clinton, J. Robert: Mentoring. Wir brauchen geistliche Väter und

Mütter. Verlag für kulturbezogenen Gemeindeaufbau, Greng-Murten (Schweiz) 1994

Tennyson, Mack: Making Committees Work. Zondervan, Grand Rapids MI 1992

Watson, David: Jüngerschaft. Projektion J, Wiesbaden 1993

Watzlawick, Paul & Beavin, Janet H. & Jackson, Don D.: Menschliche

Kommunikation. Formen, Störungen, Paradoxien. Hans Huber, Bern 1982

Wiersbe, Warren W. & David W.: Ten Power Principles for Christian Service.

Ministry Dynamics for a New Century. Baker Books, Grand Rapids (MI) 1997

* * * * *

Nom du document : LCL 101_Foto-kevitry ny fahaiza-mitarika kristiana.docx
Répertoire : C:\Documents and Settings\user\Bureau\Copie de IICM_final_23_02_12\core_2012
Modèle : C:\Documents and Settings\user\Application Data\Microsoft\Templates\Normal.dotm
Titre :
Sujet :
Auteur : IOUM
Mots clés :
Commentaires :
Date de création : 20/03/2012 10:02:00
N° de révision : 33
Dernier enregistr. le : 17/05/2012 13:19:00
Dernier enregistrement par : bANDY pIRATY
Temps total d'édition : 159 Minutes
Dernière impression sur : 17/05/2012 13:19:00
Tel qu'à la dernière impression
Nombre de pages : 57
Nombre de mots : 26 646 (approx.)
Nombre de caractères : 146 553 (approx.)